



**ONIVERSITEN'ANTANANARIVO**  
**SEHATRA TENY AMAN-TSORATRA SY SIANTSA MAHA OLONA**  
**ZANATSEHATRA MALAGASY**  
**ZOTRAM-PIOFANANA LITERATIORA SY LAHABOLANA**  
**MALAGASY**  
**FARI-PAHAIZANA MASITERA**

**NY SARINTENY ANEHOANA NY VEHIVAVY AO**  
**AMIN'NY HAITENY**

Mpanatontosa: **ANDRIAKOTOARISON Njivaharimbola Mahefasoa**

Mpitarika:

- **Andriamatoa RANAIVOSON Jeannot Fils, Professeur**
- **Ramatoa RATSIMBAZAFY Minoson Laingo Ny Hasina, Maître de conférences**

**Aprily 2018**

**Soutenu le 09 Avril 2018**

## TENY FISAORANA

“Ny hazo no tia doladola, hono, dia ny rivotra no tia fofofoto”, fa ny fonay no ravoravo nahavita soa izao asa fikarohana izao dia noho ny fanampianareo zoky raiamandreny. Sitraka tokoa tompoko ny vitanareo tsirairay avy taminay, ka isaorana indrindra ianareo Andriamatoa sy Ramatoa isany :

Voalohany ny Profesora RALALAOHERIVONY Baholisoa Simone, Sojaben’ny Sehatra, zavakanto sy soratra ary ny siantsa maha olona, nanaiky handray anay ho isan’ny mpianatra eo anivon’ny Sehatra teny aman-tsoratra sy siantsa maha olona ka nahafahana nanatanteraka izao asa izao.

Manaraka izany, isaorana ny Profesora RANAIVOSON Jeannot Fils, talen’ny Zanatsehatra Malagasy sady nitarika anay tamin’izao asa izao koa. Na be aza ny adidy aman’andraikitra sahaninao dia tsy nataonao rano dikain’ny zinga ny asanay.

Isaorana koa Ramatoa RATSIMBAZAFY MINOSON Laingo Ny Hasina, Maître de conférences, tomponandraikitra ao amin’ny rantsam-piofanana literatiora, talen’ny Lasi-pandinihana ny literatiora sy ny oha-pitenenana malagasy sady anisany mpitarika anay rahateo ; tsy nitandro hasasarana ary nitarika anay hatrany am-boalohany ka hatramin’izao. Na maro aza ny adidy aman’andraikitra sahaniny dia teo hatrany izy nanoro ny lala-mahitsy sy nitantana; koa misaotra indrindra tompoko.

Tolorana fisaorana ianareo vondron’ny mpitsara nanaiky hanao tombana sy hanome soso-kevitra mba hanatsarana izao asa izao. Tsy ho raraka an-tany fa horaisinay am-panajana sy am-pitiavana ny torohevitra rehetra avy aminareo.

Isaorana indrindra ireo mpampianatra rehetra ao amin’ny Zanatsehatra Malagasy, nanolokolo anay nanomboka tany amin’ny taona voalohany ka hatramin’izao dingana izao.

Tsy hay ny tsy hisaotra ireo loharano nipoirana, ny iray tampo, izay nanampy teo amin’ny lafiny rehetra sy nankahery hatrany. Ary tolorana fankasitrahana ireo tapaka sy namana nifanohana hatrany taminay.

Ny fisaorana tokoa, hono, toy ny fary lava vany ka tsy lany hamamiana, koa fankasitrahana mitafotafo no atolotra anareo rehetra.

## FIZAHAN-TAKILA

FIZAHAN-TAKILA .....	2
FAMINTINANA.....	5
RESUME.....	6
ABSTRACT .....	7
LISITRY NY KISARY .....	8
LISITRY NY FAFANA.....	9
TENY FAMPIDIRANA .....	10
0-1- Anton'ny safidy .....	10
0-2- Tanjona .....	11
0-3- Ireo mpialoha lalana.....	12
0-4- Petraka olana.....	13
0-5- Petraka hevitra .....	14
0-6- Haitsikera .....	14
FIZARANA VOALOHANY .....	17
1- NY HODIDIN'NY HAITENY SY NY FIKAROHANA MOMBA AZY.....	18
1-1- Ny boky sy ny gazety nisy ny hainteny niasana .....	18
1-1-1- Ny mombamomba ny boky.....	18
1-1-2- Ny mombamomba ny gazety Vaovao frantsay-malagasy.....	20
1-1-3- Ny mombamomba ny mpanoratra .....	20
1-2- Famaritana ny hainteny .....	22
1-2-1- Famaritana araka ny mpandinika.....	23
1-2-2- Ireo nanangona ny hainteny sy nanao fandalinana momba azy.....	25
1-3- Ny endriky ny hainteny.....	26
1-3-1 Ny hainteny tsoa-tokana.....	27
1-3-2- Ny hainteny ifamaliana.....	28
1-4- Ireo karazan-dahabolana mitovitovy amin'ny hainteny .....	29
1-4-1- Ny lahabolana mitovy amin'ny hainteny isam-paritra .....	29
1-4-1-1- Ny fankahitry.....	30
1-4-1-2- Ny filana ampela sy saimbola.....	32
1-4-1-3- Ny famparahitsa sy kipotsaka.....	33
1-4-1-4- Ny diabolana .....	35
1-4-2- Ny lahabolana mitovitovy amin'ny hainteny eran-tany .....	36
1-4-2-1- Ny haïkaï.....	36
1-4-2-2- Ny pantun.....	37
FEHIN' NY FIZARANA VOALOHANY .....	40
FIZARANA FAHAROA .....	41

2- NY VEHIVAVY SY NY SARINTENY FANOVANA ENDRI-JAVATRA MIVANTANA.....	42
2-1- Ny vehivavy sy ny zava-maniry .....	42
2-1-1- Ny vehivavy sy ireo karazan-tsakafo.....	42
2-1-1-1- Ny saonjo .....	43
2-1-1-2- Ny voasary.....	43
2-1-1-3- Ny sakamalaho .....	44
2-1-2- Ny vehivavy sy ny karazam-boninkazo .....	45
2-1-2-1- Ny voninkazo amin'ny ankapobeny .....	45
2-1-2-2- Ny vonin-draozy .....	45
2-1-2-3- Ny vonin'avoko.....	47
2-2-3- Zava-maniry hafa ilazana ny vehivavy.....	48
2-2-3-1- Ny amontana.....	48
2-2-3-1- Ny fandrotrarana.....	49
2-2- Ny vehivavy sy ny natiora .....	49
2-2-1- Ny volana.....	50
2-2-2- Ny diavolana.....	51
2-2-3- Ny telonohorefy .....	52
2-2-4- Ny lohasaha .....	52
2-3- Ny karazam-borona sy ny vehivavy .....	53
2-3-1- Ny vivy.....	54
2-3-2- Ny tsiriry.....	54
2-3-3- Ny akoho .....	55
2-4- Ireo fitaovam-piarovana sy ny vehivavy.....	59
2-4-1- Ny fefy.....	60
2-4-2- Ny ampinga.....	60
2-4-3- Ny kirongo.....	61
FEHIN' NY FIZARANA FAHAROA.....	63
FIZARANA FAHATELO.....	64
3- NY VEHIVAVY SY NY SARINTENY FANOVANA ENDRI-JAVATRA ANKOLAKA.....	65
3-1- Ny zava-maniry anehoana ny vehivavy .....	67
3-1-1- Ny karazam-boninkazo sy ny vehivavy .....	67
3-1-1-1- Ny voninkazo.....	68
3-1-1-2- Ny lisy.....	70
3-1-1-3- Ny avoko .....	72
3-1-2- Ny karazan'ahitra .....	74
3-1-2-1- Ny vero.....	75
3-1-2-2- Ny zozoro .....	76
3-1-3- Ny karazan-kazo sy voankazo.....	77
3-1-3-1- Ny ravintsara .....	78
3-1-3-2- Ny aviavy.....	79
3-1-3-3- Ny voaloboka .....	79
3-2- Ireo biby enti-maneho ny toetra amam-bikan' ny vehivavy.....	81
3-2-1- Ny karazam-borona .....	82
3-2-1-1- Ny voromanga .....	82
3-2-1-2- Ny akoho.....	84
3-2-1-3- Ny akanga.....	85

3-2-2- Ny karazam-balala.....	88
3-2-2-1- Ny adrisa .....	89
3-2-2-2- Ny tsimbotry .....	90
3-3-Ny karazan-drano sy ny vehivavy .....	92
3-3-1- Ny rano .....	93
3-3-2 Ny rano tambiazina.....	94
3-3-3- Ny farihy.....	94
FEHIN' NY FIZARANA FAHATELO.....	97
TENY FAMARANANA.....	98
LOHARANO NANOVOZAN-KEVITRA .....	101
TOVANA.....	106

## FAMINTINANA

Niompana tamin'ny fanadihadiana ny hainteny ny asa fikarohana nataonay. Lahabolana fanaon'ny tanora momba ny fitiavana ny hainteny ka itarafana ny fahaizany miteny sy maneho hevitra. Ny hainteny tao amin'ny gazetim-panjakana “*Vaovao frantsay-malagasy*” nangonin-dRakotonaivo François tamin'ny taona 1900 ka hatramin'ny 1955 no akora niasanay. Anisan'ny lahabolana be tsilalaon-teny sy fomba filazan-javatra miavaka ny hainteny. Ny fanakarana ny hevitra fonosin'izy ireny no votoatin'ity asanay izay mitondra ny lohateny hoe: *Ny sarinteny anehoana ny vehivavy ao amin'ny hainteny*. Ny haitsikeran'i Patrick Bacry momba ny angalim-panehoana hita ao amin'ny boky mitondra ny lohateny hoe *Les figures de style* no noraisinay hitari-dalana sy ho arofanina amin'izao asa izao. Hita ato anatin'ity asa ity ny fampahafantarana ny hainteny sy ny fikarohana efa natao momba izany. Voatanisa ato koa ireo lahabolana itoriam-pitiavana misy ifandraisany amin'ny hainteny, ka hita any amin'ny faritra maro eto Madagasikara. Ny fanadihadiana dia nahafantarana fa tsy niforona teto Madagasikara ity lahabolana ity fa nolovaina tamin'ny razamben'ny Malagasy tany Aostronezia. Fantatra fa ny Vahiny, toa an-dry Rev Lars Dahle tamin'ny taona 1877 no nanangona ny hainteny ho boky voalohany. Taty amin'ny taona 1968 kosa vao nisy teratany malagasy nanangona sy nanao fikarohana momba ity lahabolana ity, dia Ramiaramanana Bakoly Domenichini izany. Nanao fanadihadiana momba ny hainteny izy ny taona 1983. Izany dia nahazoany mari-pahaizana Doctorat d'Etat tany Paris ny taona 1983. Ny sarinteny kosa no nanaovanay asa fikarohana saingy tsy ireo rehetra hita ao amin'ny akora fa ny manova endri-javatra izay hita maro dia maro eo amin'ny fanehoana ny vehivavy. Misy karazany roa izy ireo : ny sarinteny manova endri-javatra mivantana izay miaraka miseho ao anaty fehezanteny ny oharina sy ny anoharana. Amin'ny alalan'ny karazam-boninkazo, kazam-borona sy karazan-tsakafo no nanehoana ny vehivavy tamin'izany. Raha lazaina amin'ny teny hafa dia ny toetry ny zava-boary no nampitafiana ny vehivavy na nandokoana azy. Mbola nentin' ny mpanao hainteny nanehoana ny vehivavy ao amin'ny akora niasana koa ny sarinteny manova endri-javatra ankolaka izay tsy isehoan'ny oharina ao anaty fehezanteny. Amin'ity sarinteny karazany faharoa ity kosa, ny bika aman'endriky ny vehivavy no miseho amin'ny alalan'ny voninkazo, vorona, valala.

**Teny manan-danja:** hainteny, sarinteny fanovana endri-javatra mivantana, sarinteny fanovana endri-javatra ankolaka, vehivavy

## RESUME

Ce travail se focalise sur l'analyse de l'« *hainteny* », une littérature orale autrefois pratiquée par les jeunes. Elle permet de faire une déclaration d'amour et peut refléter leur aptitude en termes d'éloquence et d'argumentation. Dans cette recherche, nous avons utilisé comme corpus les « *hainteny* » recueillis par François Rakotonaivo publiés dans le journal « *Nouvelles Franco-malgache* » de 1900 jusqu'à 1955. Le « *hainteny* » est une littérature orale riche en jeux de mots et des figures de style et dans cette recherche, nous optons pour leur analyse le travail s'intitule: « *Les figures de styles évoquant les femmes à travers le hainteny* ». Nous avons choisi la théorie proposée par Patrick Bacry dans *Les figures de style*. D'un côté, nous pouvons rencontrer dans ce travail une description concernant le « *hainteny* » et les différentes recherches qui ont été déjà effectuées dans ce domaine. De l'autre, nous avons aussi apporté des explications concernant les autres littératures orales ayant une relation avec le « *hainteny* » que l'on pourrait rencontrer dans la Grande Ile. Des étrangers comme le Rév Lars Dahle ont été les précurseurs dans la collecte des « *hainteny* » ont conçus les premiers ouvrages relatifs à cette littérature orale. C'est en 1968 qu'un malgache, Bakoly Domenichini Ramiaramanana s'est attachée à la collecte et à la recherche concernant cette littérature orale. Notre recherche se concentre généralement sur les figures de style de notre corpus est plus spécifiquement sur les métaphores. Ces dernières se classent en deux catégories : les métaphores direct où « *le comparé* » et « *le comparant* » sont présent une même phrase. Sur ce point, les femmes ont été évoquées par le biais des fleurs, des oiseaux ou des nourritures. En d'autres termes, c'est à travers les caractéristiques de la nature que les femmes. Les aèdes du « *hainteny* » ont aussi employé des métaphores qui ne présentent pas le comparé dans une phrase pour évoquer les femmes. Dans cette deuxième catégorie de figure de style, ce sont la silhouette et la beauté de la femme qui ont été comparé à des fleurs, oiseaux, sauterelles...

**Mot clés :** *hainteny*, *sarinteny fanovana endri-javatra mivantana*, *sarinteny fanovana endri-javatra ankolaka*, *vehivavy*

## ABSTRACT

This work focuses on the analysis of “*hainteny*”, an orality practiced by young people. It allows to make a declaration of love and that can also reflect their aptitude in terms of eloquence and argumentation. In this research, we used as corpus the “*hainteny*” collected by François Rakotonaivo published in the newspaper “*News Franco-Malgache*” from 1900 until 1955. The “*hainteny*” is a rich orality in word games and games. Figure of style and in this research, we opt to analyze them by baptizing this work as follows: “*The figures of styles evoking the women to cross the hainteny*”. As a result, we have chosen Patrick BACRY's theory of figures of speech as the locomotive and sentinel of our analysis, inspired by his book entitled *Figures of Style*. On the one hand, we can find in this work a description of the “*hainteny*” and the various researches that have already been done in his field. On the other hand, we have also provided explanations concerning the other oralities related to the “*hainteny*” that one might encounter in the Big Island. Strangers such as Rév Lars Dahle were the initiators who collected *hainteny* in 1877 to design the first works on this orality. It was in 1968 that a Malagasy, Bakoly Domenichini Ramiaramanana looked at the collection and research concerning this oral literature. Our research generally focuses on the style figures of our corpus but specifically, we focus on metaphors. These latter classify into two categories: the direct metaphors through which the compared and the comparing are simultaneously in the same sentence. On this point, women have been evoked through flowers, birds or foods. In other words, it is through the characteristics of nature that women have been draped and illuminated. The “*hainteny*” aids have also used metaphors that do not present the compared in a sentence to evoke women. In this second category of figure of style, it is the silhouette and the beauty of the women who have been compared to flowers, birds, grasshoppers...

**Keywords:** *hainteny*, *sarinteny fanovana endri-javatra mivantana*, *sarinteny fanovana endri-javatra ankolaka*, *vehivavy*



## LISITRY NY KISARY

Kisary 1: Ny sarinteny fanovana endri-javatra ankolaka ilazana ny vehivavy .....	66
Kisary 2: Ny filazana ny vehivavy sy ny voninkazo .....	71

## LISITRY NY SARY

Sary 1 : Saonjo mamy; Saonjo ramandady .....	43
Sary 2: Voasary .....	44
Sary 3: Sakamalaho .....	44
Sary 4: Vonin-draozy .....	46
Sary 5: Vonin'avoko .....	47
Sary 6: Amontana .....	48
Sary 7: Fandrotrarana .....	49
Sary 8: Volana 1 .....	50
Sary 9: Diavolana .....	51
Sary 10: Telonohorefy .....	52
Sary 11 : Lohasaha .....	53
Sary 12: Vivy .....	54
Sary 13 : Tsiriry .....	55
Sary 14: Akoho 1 .....	56
Sary 15: adrisa .....	57
Sary 16: Vitsika .....	58
Sary 17: Omby .....	59
Sary 18: Fefy .....	60
Sary 19: Ampinga .....	61
Sary 20: Kirongo .....	61
Sary 21: Voninkazo .....	68
Sary 22: Lisy .....	72
Sary 23: Avoko .....	74
Sary 24: Vero .....	75
Sary 25: Zozoro .....	76
Sary 26: Ravintsara .....	78
Sary 27: Aviavy .....	79
Sary 28: Voaloboka .....	80
Sary 29: Voromanga .....	83

Sary 30: Akoho 2.....	85
Sary 31: Akanga.....	86
Sary 32: Vorondolo.....	87
Sary 33:Valala.....	88
Sary 34: Adrisa.....	90
Sary 35: Tsimbotry.....	91
Sary 36: Rano.....	93
Sary 37: Farihy.....	95
Sary 38: Volana 2.....	96

### **LISITRY NY FAFANA**

Fafana 1: Ny hainteny tosa-tokana sy ny hainteny ifamaliana ao amin'ny akora niasana.....	27
Fafana 2: Hainteny tosa-tokana ataona lehilahy na vehivavy.....	28
Fafana 3: Ny vehivavy sy ny karazan-tsakafo.....	42
Fafana 4: Ny vehivavy sy ny fitaovam-piarovan-tena.....	59
Fafana 5: Fanoharana ny vehivavy amin'ny voninkazo.....	68
Fafana 6: Ny vehivavy oharina amin'ny avoko.....	73
Fafana 7: Ny vehivavy oharina amin'ny vero.....	75
Fafana 8: Ohatra maneho ny vehivavy sy ny zozoro.....	76
Fafana 9: Ohatra maneho ny ravintsara sy ny vehivavy.....	78
Fafana 10: Ny voaloboka anoharana ny vehivavy.....	80
Fafana 11: Ny voromanga anoharana ny vehivavy.....	82
Fafana 12: Ny akoho anoharana ny vehivavy.....	84
Fafana 13: Ny akanga anoharana ny vehivavy.....	85
Fafana 14: Ny vorondolo anoharana ny vehivavy.....	87
Fafana 15: Ohatra maneho ny adrisa sy ny tsimbotry amin'ny vehivavy.....	89
Fafana 16: Ny karazan-drano anehoana ny vehivavy.....	92
Fafana 17: Ny fanoharana ny vehivavy amin'ny farihy sy rano vao.....	94
Fafana 18: Ohatra maneho ny volana sy ny vehivavy.....	95

## TENY FAMPIDIRANA

Fitaovana iray ilaina amin'ny fanabeazana sy ny fanolokoloana ny maha olona ny literatiora. Famoahan'ny mpanoratra ny zavatra hitany sy tsapany eny amin'ny fiarahamonina misy koa izy. *“Tsy nitsontsorika avy any an-danitra ny haisoratra sy ny mpanoratra azy. Olombelona miara-miaina amin'ny mpiray tanindrazana aminy ny mpanoratra, taratry ny fiainana niainana no avoakany, ny vetsovetso-pony, ny hetahetam-panahiny, ny fisaintsainany izay tsy maintsy iraisany amin'ny mpiara-belona aminy na dia manana ny maha tena izy azy manokana”* (RAVOAJANAHARY Charles, 1969). Samy manana ny hanitra ho azy na ny literatiora am-bava na ny an-tsoratra, ka ny hainteny izay iray amin'ireo lahabolana fanaon'ny olona teto Imerina no anompanana izao asa fikarohana izao. Amin'ny ankapobeny, ny tontolon'ny fitiavana no tena hita ao amin'ny hainteny, saingy taty aoriana vao nisy ny fampidirana lohahevitra hafa nataon' ireo mbola nahatahiry ny toetra manavaka io lahabolana io, ka niezaka namorona endriny vaovao. Lahateny feno ohatrohatra sy sarinteny ny hainteny, ka sarotra ny manakatra ny hevitra tiany hampitaina. Anisany miavaka raha samy literatiora am-bava ny hainteny, indrindra eo amin'ireo fomba filazan-javatra maro mandravaka azy.

### 0-1- Anton'ny safidy

Literatiora am-bava ny hainteny tany am-piandohana ary efa voarakitra an-tsoratra izy amin'izao fotoana izao. *“Misy karazany efatra ny literatiora am-bava ankehitriny, dia ny am-bava hatrany am-piandohana izay tsy misy afa-tsy faritan'ny feo; ny am-bava mandray roa (sady mbola ampitaina am-bava, no ampitaina an-tsoratra), ny an-tsoratra ampitaina am-bava, ary farany ny am-bava aely amin'ny haino aman-jery”* (ZUMTHOR Paul, 1983). Ilay endriky ny literatiora am-bava faharoa, izany hoe ilay mbola ampitaina am-bava sy an-tsoratra no noraisinay mba hanaovana ny fikarohana, ka ny hainteny no nosafidina. Tsikaritray tamin'ny famakiana ireo akora fototra mirakitra hainteny teo am-pelatanana, fa manana fomba filazan-javatra miavaka, kanefa koa mitahiry harem-panehoana hafa kely azo trandrahina tsara mba ho lasa voka-pikarohana holovain'ny taranaka ity lahabolana ity, ka izany indrindra no nisafidiananay azy.

Nosafidinay ho akora fototra hiasana ny bokin-dRakotonaivo François<sup>1</sup>; ny hainteny nangoniny no noraisina tamin'izany. Tao amina gazety maromaro no nitsirihana ny hainteny,

---

<sup>1</sup> Teraka tamin'ny 18 oktobra 1924 tao Betatao Anjozorobe izy. Nanomboka nianatra tao amin'ny Sekolin'ny Misiona Katolika tao Soavinandriana Itasy (1932); nanohy ny fianarany teto Antananarivo tao amin'ny sekolin-dry Frera teny Andohalo, ny Sekolin'ny Mompera Jesoita. Nampianatra nandritra ny 14 taona tao amin'ny

saingy ny Vaovao frantsay malagasy no nofidinay, noho ity farany gazetim-panjakana, ka heverina fa betsaka ny mpanjifa azy tamin'ny fotoana nivoahany. Nofaritanay anefa ny daty fa tsy izay rehetra hita tao amin'ny gazety, fa ireo nivoaka ny taona 1900 ka hatramin'ny 1955 no noraisina. Somary lavalava ihany io fotoana noraisinay hanaovana fanadihadiana momba ny hainteny io, saingy heverinay fa ilaina izany mba habitana taratra ny fivoaran'ny endri-pamoahana ilay lahabolana an-gazety; indrindra teo amin'ny lafiny sarinteny izay zava-dehibe sy mampiavaka ny hainteny.

Izao asa izao dia nampitondraina ny lohateny hoe: “*Ny sarinteny anehoana ny vehivavy ao amin'ny hainteny*”.

“*Tsy maintsy heverina ho literatiora ny zava-kanto vita amin'ny teny tononina, na dia tsy misy fanomanana aza, ny hakantony no tadiaviana*”<sup>2</sup>(ROBERT Escarpit: 1970, tak 270). Anisan'izany ny hainteny ka heverinay fa ilaina ny hamahavahana izany mba hahamora ny fahazoan'ny olona azy. Koa ireo sarinteny tsikaritra fa maro an'isa amin'ny fanehoana ny vehivavy tao amin'ny akora fototra no nifotoranay. Lahabolana miavaka ity anaovana ny asa fikarohana ity ary raha teo amin'ny lafiny fitiavana no nahafantarana izany, dia efa nivoatra tsikelikely taty aoriana ka tara-kevitra maro no efa hita ao aminy.

“*Hazo tokana an-tany ny hainteny: tokan-tany aniriana, ary tokan-tarehy; nefa kosa tsy tokam-boa fa mivesatra voa maro samihafa, hatramin'ireo voa mirakitra hani-pitiavana sy hani-pihavanana, ka hatramin'ireo voa mifono ny hevitra ny Ntaolo momba ny fahafatesana, ny fiainana, ny fifaneraserana sy ny fepetra maha olombelona...*” (RAJAONA Siméon, 2000, tak 151)

## **0-2- Tanjona**

Nosafidina manokana teto ny fitrandrahana ny fomba filazan-javatra ao amin'ny hainteny, satria ny fahafehezana izany dia heverinay fa hahafahana misahana ny fikirakirana tahirin-kevitra ao amin'ny ministeran'ny kolontsaina, raha toa ka misy ny andraikitra azo raisina ao amin'io departemanta io. Tanjona amin'izao asa izao koa ny hahafahana manasongadina ny lanjan'ireo sarinteny hita ao amin'ny lahabolana nosafidina. Manaraka izany, hotsoahina avy amin'ny vokatra azo ny fiheverana ny vehivavy ao amin'ny hainteny.

---

Kolejy Masina Misely, Collège Moderne de Madagascar. Nanomboka nanoratra tao amin'ny gazety Anivon'ny Riaka sy L'Île Australe. Nandalina momba ny soratra an-gazety sy ny asan'ny gazetin'ny “Radio diffusion” tany Paris, tamin'ny taona 1958-1959. Tonian'ny filazam-baovao tao amin'ny Radio Madagasikara teto Antananarivo, tany Antsiranana sy tany Fianarantsoa. Nanoratra tantara maromaro efa nolalaovina tao amin'ny radio ihany koa izy ary niandraikitra ny literatiora malagasy

<sup>2</sup> Tenin'i Herman Herman taterin' i Escarpit Robert tao amin'ny boky *La littérature et le sociale*

Ankoatra ireo, eo koa ny fisarihana ny sain'ny rehetra mba hanome hasina ny fifandraisana amin'ny zava-boary, satria ny hainteny dia manasongadina ny hasoan'ireny harena voajanahary ireny. Nifototra tamin'ny maha olon'ny teny ny Malagasy no namaritan'ny mpandinika iray ny hainteny, ka ny fanehoana amin'ny fomba kanto ny fiainana amin'ny alalan'ireo zava-boary no anasokajiny an'ity lahateny ity:

*“Koa eo amin'ny hainteny no ahalalana fa mpandaha-teny ny razan'ny Malagasy, izay mampiseho ny heviny amin'ny teny mamolivolovy sy ny fampitahana na ankamantatra hotadiavina ary indrindra eo amin'ny fijerany ny zava-boary alainy ohatra amin'ny fisainan'olombelona”, (BEZAVOLA, 1964).*

Manasongadina noho izany ny lahabolana toy itony, fa fototra iorenan'ny famoronana azy ny fifamatorana amin'ny zava-boary, ka ny fahafehezana azy dia manefy indray ny saina mba hanana fijery mikendry ny fanolokoloana ny manodidina.

Anisan'ny ho fanampiny amin'ny fandalinana momba ny sarinteny sy ny fomba filazan-javatra eo amin'ny sehatry ny literatiora am-bava eto Madagasikara izao asa izao; indrindra ho anjara biriky ho fanomezana hasina ny teny sy ny literatiora.

### **0-3- Ireo mpialoha lalana**

Tsy mihambo ho mpamaky lay nirotsaka voalohany teo amin'ny fikarohana momba ny hainteny izahay, fa efa nisy ireo mpialoha lalana. Anisan'izany Ramiaramanana Bakoly Domenichini, ka ny fampitahana ny ohabolana sy ny hainteny no nataony: izany hoe nihevitra izy fa ny ohabolana no niofo ho hainteny ary mbola nanampy ny famaritana ny hainteny izy raha nilaza fa: *“ ny hainteny dia poezian'ny vahoaka, antsoin'ny Merina ihany koa hoe “ohatra” na “ohabolana”, izany hoe “ohatra”, hoy izy tao amin'ny « Thèse de doctorat »-ny mitondra ny lohateny hoe : « Du ohabolana au hainteny », notohanany tany Paris tamin'ny taona 1983.*

Ny mpikaroka teny amin'ny ENS koa dia nisy nanompana ny asany tamin' ny hainteny. I Lantonandrasana Razafindramaro Hanitrarivoarizay no nanao izany ary nampitondrainy ny lohateny hoe: *“Tongoa Mihonkon'ny Haintenin-dRajaonah Tselatra”*, izay nahazoany ny mari-pahaizana CAPEN ny taona 1993. Ny fampiharana ny fomba fijery momba ny hainteny sy ara-piarahamonina, izay mampisongadina ny fiampitan'ny am-bava mankany amin'ny an-tsoratra amin'ny haintenin-dRajaonah Tselatra no nodinihiny tamin'izany.

Raharimalala Hanitra Nicole ihany koa nanao fikarohana momba ny hainteny tamin' ny *“mémoire de D.E.A”* nataony ny taona 2003 ka nampitondrainy lohateny hoe

*“Fitehirizana lovan-kolontsaina ny hainteny ao amin’ny tononkalo malagasy ankehitriny”*. Ny fiarovana ny hainteny ho ao amin’ny poezia malagasy izany hoe mba ho literatiora mandray roa noho izy am-bava tany am-piandohana nefa arafitra an-tsoratra koa no tena fototry ny asany.

Nifototra tamin’ny hainteny koa ny asa fikarohana nataon-dRaharinirina Ange Herizo, ka nihevitra izy fa misy teny na sary miverimberina ao amin’io lahateny io ary lasa miendrika tara-kevitra ka ny singa afo, rano, rivotra sy tany no nanompanany ny asany. Ny hainteny nangonin’i L. Dahle tao amin’ny Anganon’ny Ntaolo no nampiasainy ho akora fototra tamin’ny asa fikarohany, ka nahazoany ny mari-pahaizana *“Maîtrise”* tamin’ny taona 2012, nampitondrainy ny lohateny hoe: *“Ny tontolon’ny hainteny”*.

Razafiparany Henriette Basillisse koa dia nanao fikarohana momba ny *“Fankahitry”* Betsimisaraka, nampitondrainy ny lohateny hoe: *« Ny fankahitry fanaon’ny Betsimisaraka avaratra, lahabolana entina mangata-biavy »*, izay nahazoany ny mari-pahaizana CAPEN ny taona 2015. Novahavahany tamin’izany ny anjara toeran’ny *“Fankahitry”* eo amin’ny foko betsimisaraka, ny endrika sy ny lanjany izay fampiasa entina mangataka ny vehivavy ho vady.

Ny tsy iraisan’izao asanay izao amin’ireo efa voatanisa ireo kosa anefa dia ny fanompanana ny fandalinana ireo sarinteny ao amin’ity lahabolana ity. Tsy ireo sarinteny rehetra hita tao amin’ny akora fototra akory no nodinihinay, fa ireo izay maneho ny vehivavy ihany.

#### **0-4- Petraka olana**

Nisy ny toe-javatra nanaitra sy nanitikitika anay ka nahatonga anay hametraka fanontaniana ny amin’izay heverina fa tokony hanaovana ny fandinihana amin’izao asa izao. Heverina fa very hasina eo anatrehan’ny firoboroboan’ny fandrosoana ankehitriny ny literatiora nentim-paharazana. *“Araka ny voalazan’ny tantara dia fomba fanao hatramin’ny ela ireo fomban-drazana ireo, fa vao hatramin’ny nisehoan’ny fivavahana kristianina taty no nampiova sy nampihena azy miandalana”*. (RAINANDRIAMANPANDRY,1986, sasin-teny) Misy amin’ny Malagasy no mbola tsy mahafantatra ny lanjan’ny hainteny, ka lasa manao azy ho anjorom-bala sy ambanin-javatra. Ny literatiora am-bava toy itony anefa dia isan’ny mitahiry ny haren-tsain’ny firenena. Fomba fitoriam-pitiavana ankolaka ny hainteny amin’ny ankapobeny, natao tsy mivantana mba ho tonga zava-kanto. Voaravaka sarinteny isan-karazany sy kilalaon-teny samihafa izy; anehoana zavatra na toe-javatra iray oharina amin’ny zava-boary tsara tarehy hatrany. Raha hilaza ny vehivavy anefa ny mpiangaly hainteny, ataony ankolaka ary sarinteny fanovana endri-javatra no hita nisongadina. Mitahiry ny

fahaizan'ireo razamben'ny Malagasy amin'ny fampiasana fomba filazan-javatra saro-takarina ny hevi-draketin' ny hainteny.

EO anatrehan'izany indrindra no ipoiran' ny fanontaniana hoe: *Manao ahoana ny fomba filazan-javatra anehoana ny vehivavy ao amin'ny hainteny?*

#### **0-5- Petraka hevitra**

Ny vehivavy no nipoiran'ny aina, izy ireny no nigoka ny mamy sy ny mangidy tamin'ny fitondrana vohoka sy ny fitaizana ny zanany mba ho tonga olom-banona. Hotarafina amin'ny firosoana lalina amin'izao asa izao ny fiheveran'ny Malagasy ny vehivavy ao amin'ny hainteny. Anisan'ny voninkazo ravaky ny lalana sy vazy haingon'ny latabatra ny vehivavy, na atao am-para filaza sy ampitoviana amin'ny zaza aza rehefa amin'ny kabary aman-danonana samihafa. Toa zavatra tsara hatrany ny anehoana azy ary oharina amin'ny zava-boary matetika. Azo itarafana ny maha olona zatra miolakolaka ny Malagasy izany, fa tsy mba mivantambantana rehefa hilaza zavatra iray. Io antony io matetika no mahatonga ny mpiara-belona hanana fomba fijery hafa ka mitaona azy hanilika ny lahabolana ahitana taratra izany foto-pisainana somary mandefidifitra izany sy hanome vahana ny fomba fijery vahiny anjakan'ny setrasetram-piteny, ambara fa fahitsiam-panehoan-kevitra. Tsy finiavana ho be olakola-teny sy olikoli-dresaka anefa io fomban'ny Malagasy azo tarafina amin'ny hainteny io, fa mikendry indrindra ny mba hahazoana sary an-tsaina ny zava-dazaina, fa indrindra hisarihana ny olona ifampiresahana mba handinika; ary koa hisorohana ny mety ho fanafintohinana ateraky ny famakiana am-batolampy ny resaka. Izay finiavana mitady ny tsy handratra ny hafa izay no isan'ny toetra manavaka ny fomba fanehoan-kevitra sy filazan-javatra itarafana io fisainan'ny Malagasy io ao amin'ny hainteny, ka ilaina ny manome lanja ny literatiora am-bava toy itony fa tsy voatery ho ny haisoratra ihany akory no ahitana haren-tsaina azo trandrahina.

#### **0-6- Haitsikera**

Ny fandinihana ny endri-panehoana sy ny kanto ao amin'ny hainteny no iompanan'ity asa fikarohana ity. Mba tsy hampivaona izany, ilaina ny mamaritra mialoha ny haitsikera itondrana azy. Maro ny mpikaroka efa nanompana ny asany tamin'ny fandinihana ny angalim-panehoana ary loharano nipoiran'izany i Charles Bally<sup>3</sup>, izay namoaka ny boky mitondra ny lohateny hoe: *“stylistique”*. Nilaza izy fa: « *amin'ny ankapobeny, mifamatotra amin'ny fandinihana ny teny efa maty na izay efa manomboka mihalevona ny stylistique,*

---

<sup>3</sup> Mpahay haiteny soisa (suisse), teraka tamin'ny 4 febroary 1865 tao Genève ary maty tamin'ny 10 aprily 1947. Profesora tao amin'ny amin'ny Oniversiten' i Genève

*kanefa na amin'ny lafiny inona na lafiny inona, dia tsy azo faritana ho siansan'ny tantara mihitsy izy* » (BALLY (Ch), 1909). Nanomboka teo, nisy ny tsy fitoviam-pijery teo amin'ireo mpikaroka ka samy niezaka nitondra hevitra samihafa tsy niombonany loatra tamin'io hevitr'i Bally io ny ankamaroany.

Taorian'ny asa nataon'ity mpialoha lalana ity mantsy, maro ny tsirin-kevitra sy fomba fijery hafa nentin'ireo mpandinika ny fomba filazan-javatra sy ny angaly kanto taty aoriana. Isan' ireny ry Marouzeau<sup>4</sup>, Molinie<sup>5</sup>, Leo Spitzer<sup>6</sup>,...

Samy niezaka nitondra ny famaritany ny atao hoe : “*stylistique*” ry zareo, saingy ny iombonany dia izao : fandinihana ny fanehoan-javatra miavaka sy mihataka amin'ny mahazatra ao anaty lahateny voasoratra na natao am-bava io taranjam-pandinihana io. Tsy nitovy kosa anefa ny fomba namaritan'ny tsirairay io endri-panehoana io, ka vokatr'izany dia samy nanana ny lalan-tsaina nentiny nanadihady sy nitondrana ny asany izy ireo.

Nosafidina manokana mba hanatanterahana izao asa izao kosa ny haitsikeran'i Patrick Bacry, tao amin'ny boky *Les figures de style* mikasika ny fandinihana ny fomba filazan-javatra.

Ny haitsikera mijery ny fomba filazan-javatra na “*stylistique*” dia heverina fa mizara sokajy efatra lehibe: voalohany, ao ny mifototra amin'ny fanisana ny fomba filazan-javatra sy ny sarinteny ary ny fiverimberenana ao amin'ilay asa soratra ka avy amin'izany no isongadinan'ny fomba filazan-javatra sy ny sarinteny ao amin'ny lahatsoratra iray, ka “*stylistique quantitative*” (MULLER (CH), 1968) no iantsoana izany. Manaraka izany, misy ireo mandinika ny fiavian'ny sarinteny nampiasain'ny mpanoratra ka miainga hatrany amin'ny vakiraoka ary miafara hatrany amin'ny famoahana azy farany tany amin'ny trano famoaham-boky, ka “*stylistique génétique*” (SPITZER (R), 1970) no ilazana izany. Eo koa ny ahitana ny fandinihana ny anjara toerana sy asan'ny sarinteny sy ny fomba filazan-javatra izay ijerena manokana ny fiantraikany any amin'ny mpamaky, ka “*stylistique fonctionnelle*” (JAKOBSON (R), 1963) no ahafantarana azy. Farany, mamantatra ireo sarinteny sy fomba filazan-javatra rehetra nentin'ny mpanoratra nanangana ny asa sorany, ka asongadina amin'izany ny anjara asan'ilay sarinteny maneho kanto izay hita avy amin'ny hevitra sy

---

<sup>4</sup> Latinista frantsay, teraka tamin'ny 20 marsa 1878 Fleurat (Creuse) ary maty tamin'ny 27 septambra 1864. Dokoteran'ny teny aman-tsoratra.

<sup>5</sup> Profesora tao amin' ny Oniversiten' i Paris-Sorbone. Teraka ny 28 desambra 1944 tao Cahors ary maty ny 5 jona 2014. Manam-pahaizana manokana momba ny fomba filazan-javatra sy semiotika frantsay izy.

<sup>6</sup> Teraka ny 7 febroary 1887 ary maty tamin'ny 16 septambra 1960 tao Forte dei Marmi “stylisticien, philologue, theoricien” momba ny literariora aotrisiana. Profesora tao amin'ny Oniversiten' i Marbourg sy Oniversiten' i Johns Hopkins tao Baltimore.



fihetsenam-po raketin'ny sarinteny, “*stylistique descriptive*” (BALLY (CH), 1909) no iantsoana izany.

Amin'izao asa izao dia ny “*stylistique descriptive*” nataon'i Patrick BACRY no haitsikera ilafihan' ny fandinihana. Misy dingana arahina anefa raha hampiasa ity haitsikera ity: voalohany amin'izany ny fanasokajiana sy famoaboasana ny sarinteny sy ny fomba filazan-javatra rehetra hita ao amin'ny akora. Faharoa, aseho sy hazavaina amin'ny antsipirihany ny sarinteny. Fahatelo, manao fanitarana ka asongadina mazava tsara ireo fomba filazan-javatra mampiavaka ny akora.

Hojerena voalohany ny hodidin'ny hainteny sy ireo fikarohana momba azy, manaraka izany ny sarinteny fanovana endri-javatra mivantana anehoana ny vehivavy, ary ny sarinteny fanovana endri-javatra ankolaka ilazana ny vehivavy ao amin'ny hainteny.

## **FIZARANA VOALOHANY**

## **1- NY HODIDIN'NY HAINTENY SY NY FIKAROHANA MOMBA AZY**

Manan-karena lahabolana ny Malagasy. Na natao ho fialamboly aza izy ireny dia nitaizana koa. Ny hainteny no noraisina hiasana ary anisan' ny nanolokoloan'ny Ntaolo ny tanora indrindra teo amin'ny lafiny fitiavana ity lahabolana ity. Lahateny ataon'olon-droa lahy sy vavy ny hainteny. “*Tsy mivantana mantsy fa miolaka amina hohatrohatra sy sarinteny no filazan-javatra ao amin'ny hainteny*” (RAKOTONAIVO François, 1990, tak 7). Noho izany indrindra no mahakanto azy satria zavatra miavaka, ka ny zava-boary no tena anoharana ny tiana holazaina. Mifototra amin'ny fitiavana hatrany ny hainteny ary sarisary mihataka amin'ny mahazatra no ampiasaina sy andravahana azy. “*Ny hainteny dia amboaran-teny feno ohatrohatra sy tarehin-teny tsara ifamalian'ny lehilahy sy ny vehivavy momba ny fitiavana, indrindra fa momba ny filan'ny nofo*” (RAJAONAH Gabriel, RAVELOJAONA, 1952 tak 77). Tany am-piandohana dia avy amin'ny lovan-tsofina sy ny tadidy vava ny literatiora am-bava, ka anisan'izany ny hainteny. Rehefa tonga anefa ny soratra, nisy nanangona izy ireny ary nandrafitra azy ho boky ny mpanoratra ka anisan'izany ohatra ireo tao amin'ny Hainteny d'autrefois (RAMIARAMANANA Bakoly Domenichini, 1968). Ny gazety tranainy<sup>7</sup> koa dia nahitana literatiora am-bava natao an-tsoratra. Teto amin'ity asa ity anefa, ireo hainteny nanganin-dRakotonaivo François tao amin'ireo gazety tranainy no nanompanana ny fikarohana. Koa ato amin'ity fizarana ity dia hovahavahana manaraka eto ny mombamomba ny boky sy ny mpanangona, ny gazety sy ny mpanoratra hainteny vitsivitsy ary ny hainteny amin'ny ankapobeny. Manana hanitra manokana ny hainteny na teo amin'ny gazety nahitana azy, na ny famaritana azy na ny endriny sy ireo literatiora am-bava mitovitovy aminy.

### **1-1- Ny boky sy ny gazety nisy ny hainteny niasana**

Nony tonga anefa ny soratra, noraiketina ho boky sy an-gazety izany. Ny akora niasana teto dia ireo hainteny tao amin'ny gazety Vaovao frantsay-malagasy<sup>8</sup> ka natamba-dRakotonaivo François tao amina boky iray mitondra ny lohateny hoe: *Hainteny ankehitriny*. Nisy koa anefa ireo namorona hainteny ka tao amin'ny gazety tranainy no nahitana izany.

#### **1-1-1- Ny mombamomba ny boky**

Ahitana hainteny miisa 209 izay misy fizarana telo ilay boky. Ny voalohany maneho ireo hainteny mikasika ny “*Tafasirin'ny manam-pitia*”, ny faharoa momba ireo “*Hafatry ny*

---

<sup>7</sup> Gazety efa ela izay tsy misy intsony amin'izao fotoana izao toy ny Vaovao frantsay-malagasy, Telegrafy, Lakolosy volamena, ...

<sup>8</sup> Gazetim-panjakana tamin'ny fotoana nivoahany

*sara-tiana sy nilaoza-malala*” ary ny fahatelo mikasika ireo “*Dinidinika hoenti-miaina*”. Ireo hainteny ireo dia manana ny mpanoratra azy sy ny daty mazava nivoahany ny ankamaroany, ary nalaina tao amin’ny gazety tranainy avokoa. Koa ny lahabolana nivoaka teo anelanelan’ny taona 1900 ka hatramin’ny 1955 no noraisinay nanaovana ny fanadihadiana satria “*na ny soratra na ny tantarany dia samy miezaka avokoa mba hampivohitra ny maha izy azy ny asa soratra iray, na ny mpanoratra iray, ny vanim-potoana iray, na ny literatioran’ny firenena iray*”. (WALLEK (R) et WARREN (A), 1971)

Nosafidinay ary ity boky ity noho ny fahitana fa rima sy ngadona toy ny tononkalo ny firindran’ny andalana ao amin’ny hainteny voarakitra ao, ka nanokatra ny masom-panahinay mba hieritreritra lalina ny amin’izay toetra manavaka azy. “*Hainteny mirafitra ho tononkalo na tononkalo mirafitra ho hainteny*”, hoy Rakotonaivo François raha nanao fanamarihana momba izany izy.

Lahabolana tontosain’ny tanora lahy sy vavy mifampitory fitiavana ny hainteny, aty Imerina no ahitana azy io. Literatiora am-bava ny hainteny tany am-piadhana fa taty aoriana kosa efa voarakitra an-tsoratra. Toy ny olombelona anefa ny literatiora ka miovaova arakaraka ny vanim-potoana iainany. Mivoatra hatrany ity lahabolana ity izay “*am-bava mankamin’izao vanim-potoana anjakan’ny hairaha sy ny fifandraisan-davitra izao*” (BALLE, 1972)

Noho ny fikarohana nataonay sy ny tahirin-kevitra betsaka novakina anefa, tsy miombon-kevitra amin-dRajaona Siméon amin’ny fiheverany ny hainteny ho “*hazo tokana an-tany: tokan-tany aniriana ary tokan-tarehy (...)*” (Rajaona Siméon, 2000, tak 151) izahay. Ry zareo Japoney ihany koa mantsy dia manana lahabolana mitovitovy toetra amin’ny hainteny, antsoina hoe “*haikai*”, ka mampisongadina ny fomba fanehoana fitiavana sy mampiseho endri-pilana ara-nofa amin’ny alalan’ny teny nohakantoina.

Maro ny olona efa nanangona ny hainteny sy izay lahabolana mitovitovy aminy, na teto Imerina izany na tany amin’ny faritra. Teo koa ireo nitondra famakafakana taorian’ny fanangonana, toa an-dry Paulhan Jean, Rajaona Siméon.

Amin’ny maha fikarohana siantifika izao asa izao, ilaina faritana dieny aty ampiandohana ireo zavatra hohadihadina, ireo hainteny tao amin’ny gazety *Vaovao frantsay - malagasy* nivaoka tamin’ny taona 1900 ka hatramin’ny 1955 no hanaovana ny asa.

Ny taona 1900 dia tafiditra tao amin’ny vanim-potoana nahaterahan’ny asa soratra (RAKOTOANDRIANOELA Honoré, 1992). Teo amin’ny vanim-potoana “*Mitady ny very*”<sup>9</sup>

---

<sup>9</sup> Ny taona 1931- 1945 ilay vanim-potoana “*Mitady ny very*” teo amin’ny literatiora malagasy.

teo amin'ny literatiora malagasy, dia tsy nahitana hainteny mihitsy tao amin'ny akora niasanay. Fa taorian'izany kosa dia niroborobo ny fanoratana ny hainteny ka hatamin'ny daty noferanay hanaovana ny fikarohana. Ny fitiavana ny tara-kevitra hita tao amin'ny hainteny ary tsikaritra tamin'izany ireo lafim-pitiavana toy ny fitsiriany, ny firedaredany ary ny fahafatesany izay miafara amin'ny fisarahana.

### **1-1-2- Ny mombamomba ny gazety Vaovao frantsay-malagasy**

Iray tamin'ireo gazetim-panjakana ny *Vaovao frantsay-malagasy*, izay nivoaka isaky ny zoma. Irambilanja no vidiny tamin'izany. Ahitana takila miisa valo ity gazety ity ary maro ny karazan-dahatsoratra hita tao, na ny momba ny vaovao avy any ivelany na ny avy eto an-toerana. Koa nahitana lahatsoratra politika (kabarim-panjakana), sosialy (torohevitra momba ny fahasalamana, vaksiny), toekarena (fandoavan-ketra), kolontsaina (ankamantatra, hainteny, tononkalo, tantara mitohy, hatsikana...), fanabeazana (lahatsoratra famotopotoran-kevitra), fanatanjahantena (hazakazaka am-bisikileta) sy dokam-barotra ary filazana samihafa tao.

Nisy mpiandraikitra maromaro ny gazety izay nahitana ny talen'ny famoahana, ny mpanoratra lahatsoratra sy ny literatiora toy an-dry Tselatra, Jupiter, Stella, Dolorès deValih, Dieran'Iarivo, ... izay teratany malagasy nefa nizaka ny zom-pirenena frantsay.

Zava-nokendren'ity gazety ity ny mba hahafantaran'ny mpamaky ny zava-misy rehetra teto amin'ny firenena na tany ivelany. Tao amin'ny "*Imprimerie officielle*" no nanontana azy. Niovaova foana ny anaran'ity gazety nakana ny akora niasana ity. Raha tany am-boalohany izy dia natao hoe "*Gazetim-panjankana*", avy eo niova ho "*Vaovao frantsay-malagasy*" ary taty aoriana lasa hoe "*Vaovao*" fotsiny.

Taorian'ny nahatongavan' ny soratra no tena nampiroborobo ny hainteny ka nanomboka ny taona 1900, araka izany, efa hita tamin'ny gazety isan-karazany ity lahabolana ity.

### **1-1-3- Ny mombamomba ny mpanoratra**

Anisany andry iray lehibe eo amin'ny literatiora ny mpanoratra. Manampy ny mpamaky, mpianatra, firenena amin'ny alalan'ny asa soratra avoakany izy ireny. "*Manana anjara asa lehibe ny mpanoratra dia ho mpanoro lalana sy ho mpitondra fanilon'ny hatsarana*" (RAJEMISA R.R), 1972, tak 43). Ny zavatra tsara ao an-tsainy sy ao am-pony no matetika avoaky ny mpanoratra, mba hanitatra ny sain'ny mpamaky eo am-pamakiana azy.

Maromaro ny mpanoratra hainteny tao amin'ny akora fototra niasanay, fa ampahany ihany ireto lazaina manaraka ireto ary anisany nanoratra hainteny betsaka izy ireo. Mialoha izany anefa, mety hanitikitika ny saina hoe ilaina ve ny ilazana ny mombamomba ny

mpanoratra ? Fikirakirana sarinteny no tena votoatin'ny asa ary ireo anarana nentin'ireo mpanao hainteny nanoratra dia nataony niavaka sy nihataka amin'ny mahazatra, izany anefa mety ho niankina tamin'ny zava-niseho teo amin'ny fiainany, na koa mba anarana tiany hanaitra ny olona fotsiny. Izany anarana tsy dia fahita izany anefa no nanosika anay hilazalaza ny mombamomba ny mpanoratra ary heverinay fa sarinteny ihany izany.

Mpanoratra hainteny iray isany hojerena i Tselatra. Sarisary izany satria ny tselatra dia fahazavana miserana vetivety eny amin'ny habakabaka vokatry ny herim-baratra. Rehefa avy ny orana no misy ny tselatra. Mety noho ny hakingany sy ny talenta nananany no nanaovany ny solon'anmarany ho sarinteny toy izao.

Rajaonah no tena anarany, solon'anmarana nanoratany tamin' ny gazety ny hoe Tselatra. Teraka tokony ho tamin'ny taona 1863 izy. Vao 20 taona izy dia voatendry ho anisan'ny mpiara-miasa akaiky tamin-dRainilaiarivony. Mpikabary tao an-dRova tamin'ny fotoana nanjakan-dRanavalona fahatelo koa izy. Efa tonian'ny Gazetim-panjakana izay lasa *Vaovao frantsay-malagasy* koa izy, ka nandritra izany no voalaza fa nanoratany hainteny. Ankoatra ny hainteny, nanoratra tantara maro koa izy toy ny "*Ralaimarina nitety ny Nosy, Izy enim-bavy*"... ary tantara filalao an-dampihazo toy ny "*Tsy hietry aho*", "*Valin-dra*". Fony naha tonian'ny Gazetim-panjakana azy no nanoratany ireo hainteny sy lahateny maro nampalaza azy ireo.

Ranaivoarijaona no antsoina amin'ny solon'anmarana hoe Dolorès de Valih. Raha vao mandre ny hoe Dolorès dia fahoriana sy alahelo no tonga ao an-tsaina avy hatrany. Ny zavainitranga teo amin'ny fiainany tamin'ny fahatanorany izay namoizany ny zandriny valo iray tampo taminy no nahatonga azy nisafidy io solon'anmarana io. Eto dia sarinteny ihany io anarana nentiny nanoratra io. Teraka ny 29 oktobra 1924 teto Antananarivo izy ary maty ny 3 oktobra 1976. Nanambady izy ary nanan-janaka valo miandahy. Nanan-talenta maro ity mpanoratra ity satria nanavanana azy daholo na ny poezia na ny hainteny na ny tantara mitohy, ny indray miseho sy ny piesy teatraly. Ny gazety *Vaovao frantsay-malagasy*, *Takariva*, *Hehy*, *Ny Antsika*, *Maresaka* sy ny maro hafa no nahitana ny asa soratr'i Dolorès deValih.

Heverinay fa mety hisy ifandraisany amin'ny asa ataonay ny mombamomba ny mpanoratra satria manana endrika sarinteny ny solon'anmarana nentiny namorona ny hainteny tao amin'ny gazety.

## 1-2- Famaritana ny hainteny

Rehefa voaboasana ny voambolana hoe hainteny, heverinay fa teny roa natambatra izy io. Azo heverina fa ny “*hay, haitra, haika*” miampy “*teny*” no nahatonga ny fiforonany. Raha vahavahana dia toy izao: “*hay*” sy ny “*teny*” no mety ho nitambatra ka ny hevitra ny hoe “*hay*” dia “*azo, azo averina, fantatra, voafehy*”. Ny “*hay*” dia fototeny ilazana toejavatra ananana fahalalana azo antoka ny momba azy. Ny “*hay*” koa dia mety ho hafanana, firehetana.

Misy koa ny mihevitra fa ny hoe “*haitra*” no fototeny hita ao amin’ny hoe hainteny, saingy efa tsy dia fahita firy intsony anefa io teny io fa ny verin-droa aminy no ampiasaina matetika, dia ny “*haitraitra*” izany. Koa raha ny fototeny “*haitra*” no namoronana ny hainteny, tokony ho hainteny izany no fanoratra azy, raha ny lalànan’ny fanakambanan-teny no ifotorana (filatsahan’ny faran-teny - tra amin’ny fototeny mitsainkona). Eo anatrehan’izany dia mety hitovy fanoratra amin’ny hainteny, izay midika ho fahaizana sy fahafehezana ny teny amin’ny lafiny fitsipika sy ny feo ary ny fifehezana-teny indray izany. Ireo zokiolona manonona ny hoe hainteny, dia voalaza fa “*maro no tsy manonona ny zana-peo kentsona n*”<sup>10</sup>, ka heverina fa mety ho antony nahatonga ny tsy fisian’ny kentsona eo amin’io filazana io voambolana io izany eo amin’ny am-bava ka misy akony any amin’ny fanoratra.

Heverina koa fa “*haika*” sy “*teny*” no manome ny hainteny; ny haika anefa dia fanomezampo mba hiady, fihantsiana

Ny “*teny*” kosa dia feo avoakan’ny vavan’olombelona, izay misy heviny; fitambarana rafi-peo milaza hevitra iray ka atao indray manonona sy indray manoratra. Ny “*teny*” noho izany dia “*saina azo tsapain-tanana; fivaingan’ny fanahy; fiasana velona ary fenitra indrindra hanetsehana sy hanolokoloana ny votoaty maha olombelona*”.

Raha ny fototeny no jerena, ao ny mihevitra fa ny hoe “*hay*” sy “*teny*” no atambatra iray; ka ny “*hay*” dia midika ho “*fantatra, mety ho vita ary efa*” no heviny (RAKOTONAIVO François, 1990, tak 6).

Ny hevitra ny mpikaroka iray kosa (RAMIARAMANANA Bakoly Domenichini, 1983), dia niainga tamin’ny teny “*hay*” ka nilazany fa tsy midika ho fahalalana fotsiny io teny io fa “*tanjaka*” ihany koa, “*hafanana*” na “*fandoroana*”. Raha ny kamban-teny mitovy fanonona aminy “*ainteny*” indray, hoy izy, no dinihina handikana ny hainteny amin’ny fifandraisana ara-pototenin’ireo teny roa ireo (hainteny sy ainteny) dia azo adika ho “*fiainan’ny teny*” ny hain-teny. Nanamafy izany izy amin’ny fitaterany ny fiheveran-dRakoto

---

<sup>10</sup> Tenin-dRanaivo Flavien taterin-dRakotonaivo François

Ratsimamanga sy Ralaimihoatra ny hainteny, avy amin'io fifandraisana voalaza io ho “*teny manana fiainana*”.

Izahay kosa mihevitra fa avy amin'ny “*hay*” sy “*teny*” ny hainteny satria ity lahabolana ity dia fampisehoana fahaizana miteny. Ary matoa manatontosa hainteny ny tanora iray dia efa mahafolaka tsara ny teny sy ny zava-boary manodidina azy. Ny hainteny, araka izany, dia fahafolahana ny teny, rindra enti-milaza hevitra tsy mivantana, fahaiza-miteny. Ny hainteny koa anefa dia isan'ny lahabolana filalaovana ohabolana sy oha-pitenenana ary tsilalaon-teny.

### **1-2-1- Famaritana araka ny mpandinika**

Samy nanana ny namaritany ny hainteny ireo mpandinika, nisy ny nitovy ary tao koa ireo nanana fomba fijery samihafa mihitsy. Teo ireo nilaza fa avy amin'ny ohabolana, ankamantatra, tononkalo sy tantara ny hainteny. Raha ny tao amin'ny Firaketana kosa no ifotorana, dia nilaza ireo mpanoratra isan'ny namolavola izany, fa “*ny hainteny dia amboaran-teny feno ohatrohatra sy tarehin-teny tsara ifamalian'ny lehilahy sy vehivavy momba ny fitiavana, indrindra fa momba ny filan'ny nofo*”.(RAJAONAH Gabriel, RAVELOJAONA, 1952, litera H)

“*Ny atao hoe hainteny dia lahateny feno hafanana sy mirehidrehitra, misy heviny miampy lanjany, ary miantefa avy hatrany any amin'ny fo amam-panahy*”<sup>11</sup>.

Avy amin'ny lahabolana fampisan'ny Merina ny hainteny, ary nisy tamin'ireo mpandinika no mihevitra izany ho toy ny ohabolana na ankamantatra.

Nisy tamin'ireo mpikaroka no nihevitra fa avy amin'ny ohabolana<sup>12</sup> ny hainteny. Anisan'izany i Jean Paulhan, ka “*ny hainteny dia poezia fanaon'ny sarambaben'ny olona teto Imerina fahiny. Antsoina hoe ohatra na ohabolana izy io rehefa ampitaina amin'ny alalan'ny vava, ary hainteny kosa rehefa ampitaina amin'ny alalan'ny soratra*” (PAULHAN Jean, 1938, tak 193)

RAJEMISA Raolison kosa namaritra ny hainteny ho “*teny an'ohatra voaravaka ohabolana, mampiseho fahaizana sy fahakingana, nampiasain'ny Ntaolo tamin'ny fananarana na nifamalian'ny tanora nanao resa-pitiavana*” (RAJEMISA (R.R), 1995) tak 400).

RAMIARAMANANA Bakoly Domenichini etsy ankilany namaritra fa : “*ny hainteny dia poezian'ny vahoaka antsoin'ny Merina ihany koa hoe “ohatra” na “ohabolana”, izany hoe*

---

<sup>11</sup> Tenin-dRazafiniaina Charlotte, taterin-dRaharimalala Hanitra Nicole : 2003, *Fitehirizana lovan-kolontsaina ny hainteny ao amin'ny tononkalo malagasy ankehitriny*, Departemanta malagasy, Oniversiten'Antananarivo.

<sup>12</sup> Teny atao amin'ohatra hilazana hevitra.



“ohatra” na “teny” ohatra” (1983, tak 269). Anisany mandrafitra ny poezia malagasy ny hainteny, izany hoe tsy afa-miala amin’io seha-kanto iray io. Manamafy izany ny famaritana ny hainteny notaterin’ i Flavien RANAIVO izay nilazany fa: “ny poezia malagasy nentim-paharazana dia voafaritra indrindra amin’ny alalan’ny ohabolana sy hainteny, ireo no tompon’ny laka” (1975, tak 6).

Misy ireo mpandinika mihevitra fa ny ankamatratra<sup>13</sup> ihany no niofo ho hainteny ary misy itoviany eo amin’ny fomba filazan-javatra ankolaka izay saro-takarina nefa kanto sy mahafinaritra.

I Jean PAULHAN anefa nilaza hatrany fa “rindran-teny misary ankamantatra sarotra takarina amin’ny lafiny maro ary mifanakaiky amin’ny antsoin’ny tantaran’ny literatiora hoe tononkalo mikitroka” (1960, tak 7) ny hainteny. BEZAVOLA kosa dia nilaza fa “fanehoana fiainana amin’ireo zava-boary amin’ny fomba kanto no azo amaritana ny hainteny. Koa eo amin’ny hainteny no ahalalana fa mpandaha-teny ny razan’ny Malagasy izay mampiseho ny heviny amin’ny teny mamolivolvy sy fampitahana, na ankamantatra hotadiavina ary indrindra amin’ny fijeriny ny zava-boary alainy ohatra amin’ny fisainan’ny olombelona” (1964).

Misy koa anefa ny mihevitra fa tononkalo<sup>14</sup> ihany ny hainteny. RAJAONA Siméon nilaza fa: “raha tena dinihina sy heverina dia ny hainteny no tena azo antsoina ho tononkalo” (2000, tak 156). Azo lazaina ho lahabolana efa tranainy ihany raha ny hainteny satria na ireo misionera tonga teto amintsika aza nanana ny famaritany izany.

“Ny misionera voalohany dia nitsara ny hainteny ho tononkalon’ny filana ara-nofo” (OTTINO P, 1966, tak 09)

RAKOTONAIIVO François anefa nanamafy fa “tantara ihany ny hainteny, tantara miendrika tononkalo, dia taratry ny fiainana andavanandro no sady tantara azo itarafana ny hevitra ny Ntaolo ny amin’ny fepetra maha olombelona” (1990, tak 11)

RAJAONA Siméon kosa dia nahita fa “ny hainteny dia amboaran-teny feno ohatrohatra sy tarehin-teny tsara. Avy amin’ny hay (mahay) sy teny... Tsy ny teny loatra no noheverin’ny Ntaolo ho mahay fa fanafomezana-teny io, fanafomezana ny hoe fahaizan-teny io” (RAJAONAH Gabriel, RAVELOJAONA, 1952, tak 77).

Ny famaritana ny hainteny raha nitatitra ny fomba fijerin’i Jean PAULHAN RAKOTONAIIVO François dia nanipika fa: “raha ny fototeny niaviany indray no fakaina dia tsy nitovy hevitra be ihany ny mpandinika. Ao ny milaza fa fahaiza-miteny na fahaiza-

---

<sup>13</sup> Filazan-javatra izay tiana hovinanian’ny hafa ka ny toetoetran’ilay zavatra hofantarina no lazaina amin’ny teny somary lavalava

<sup>14</sup> Asa soratra misy sarinteny sy aingam-panahy, vita amin’ny teny mirindra, izay matetika miady roa ny tonompeon’ny faran’andalany, na mifanarakaraka izany na mifanelanelana.

*mandray teny no hevitra ny hoe hainteny, (...) hay sy ny hoe teny no atambatra ho iray; ka ny "hay" dia "fantatra mety ho vita" efa no heviny".*

Toy izao kosa ny hevitra'ANDRIAMIFIDY raha namaritra ity lahabolana ity, "ny hainteny dia lahateny fampisehoam-pahaizana (...) mba hisehoan'izay mahomby" (1914, in gazety Mpanolotsaina). Araka izany, samy nanana ny namaritany ny hainteny ny mpandinka, ao ny milaza fa avy amin'ny ankamantatra, misy koa ny nanambara fa avy amin'ny ohabolana, ary eo koa ny mihevitra fa tantara ny hainteny.

### **1-2-2- Ireo nanangona ny hainteny sy nanao fandalinana momba azy**

Nisy ireo mpandinika nanangona fotsiny ihany ny hainteny ary tao koa ireo nanao andram-pandalinana sy ireo nanompana ny asa fikarohany mikasika ity lahabolana ity.

I John Baker<sup>15</sup> izao dia anisany nampahafanatra ny poezia Malagasy, ary namadika azy ho soratra, izany anefa tsy nivaona amin'ny maha lahabolana azy (RAMIARAMANANA Bakoly Domenichini, 1984, tak 223-238). Freeman<sup>16</sup> sy Rév Sibree<sup>17</sup> koa dia mbola nanangona lahabolana malagasy ka nanintona azy ireo ny hakaton'ny hainteny. Mbola tsy tonga tamin'ny literatiora am-bava hafa toy ny ohabolana sy ny ankamantatra anefa ny fanongan'izy ireo. nataon'izy ireo toy ny endrika ohabolana na oha-pitenana izany (RAMIARAMANANA Bakoly Domenichini, 1984, 234). Freeman anefa dia anisany nametraka olona amin'ny tsy fitovian'ny ohabolana sy ny hainteny.

Ankoatra ny nahitana ny hainteny tao amin'ny gazety, nisy teratany vahiny nanangona azy io sady nandika tamin'ny teny frantsay. Anisan'izany i Jean PAULHAN<sup>18</sup> tamin'ny taona 1908 ka hatramin'ny 1910 tao amin'ny Les hainteny merinas; nanangona izy ary nandika izany tamin'ny teny frantsay. Ry Rév Lars. DAHLE<sup>19</sup> indray dia nanangona azy ary namoaka azy ho boky, taty aoriana izy dia nampian' i JOHN SIMS izy tao amin'ny Anganon'ny Ntaolo, saingy nosokajiny arakaraka ny lohahevitra izany. I BEZAVOLA koa dia isan'ny nanangona ary RAMIARAMANANA Domenichini Bakoly kosa namondrona ireo hainteny tamin'ny andron-dRANAVALONA<sup>20</sup> ary nanao fandalinana tamin'ny alalan'ny "Thèse de

---

<sup>15</sup> Misionera protestanta tonga taty Madagasikara

<sup>16</sup> Misionera protestanta anglisy, tonga teto Madagasika tamin'ny 1828, naman' i David Jones izay nandika ny baiboly tamin'ny teny malagasy

<sup>17</sup> Anisan' ny misionera vahiny tonga teto Madagasikara voalohany

<sup>18</sup> Profesora frantsay momba ny teny sy filôzôfia, voatendry hampianatra ireo zanaky ny mpanjanaka tao amin'ny Lycée de Tananarive tamin'ny taona 1902. Nanintona azy ny teny sy ny fomba ary ny hainteny teto Imerina

<sup>19</sup> Misionera norveziana tonga taty Madagasikara

<sup>20</sup> Mpanjaka vavy nanjaka teto Merina, ka nisy ny Ranavalona voalohany, faharoa ary fahatelo. Ranavalona voalohany izay nanenjika ny fivavahana kritsiana; Ranavalona faharoa naira niasa tamin'ny vahiny ary

*doctorat*” nataony. RANDRIAMORASATA, RAKOTONAIVO François, RAINIHIFINA dia nanangona sy nanome fanazavana tsotsotra momba ny hainteny.

Nisy ny nanao karazana fanadihadiana momba ny hainteny tamin’ireo voalaza teo ambony ireo, izany hoe sady nanangona no nanadihady, ny sasany kosa nandroso famaritana io lahabolana io.

Anisany nanangona ny lahabolana mitovitovy amin’ny hainteny tany amin’ny faritra kosa ry RAVALITERA Nalisoa Jean<sup>21</sup>, FANONY Fulgence<sup>22</sup> ary i J-C HEBERT<sup>23</sup>. RAINIHIFINA<sup>24</sup>.

### **1-3- Ny endriky ny hainteny**

Lahabolana azon’ olon-tokana atao nefa koa mety ifamaliana izy ity. Rehefa olona iray no manao hainteny dia tsoa-tokana<sup>25</sup> no iantsoana izany, ary rehefa roa kosa, izany hoe lahy sy vavy dia ifamaliana<sup>26</sup>. Noho ity lahabolana ity miseraka fitiavana amin’ny ankapobeny, hita taratra tao amin’ny ankora niasana fa rehefa eo amin’ny fitoriam-pitiavana dia ny lehilahy no matetika no miteny voalohany, ary mety hisy vehivavy hamaly, nefa mety tsy hisy koa, saingy antenainy fa miantefa any amin’ily olona tiany ny hafatra ampitainy.

Ny hainteny tsoa-tokana: mety hiseho rehefa misy fisarahana ary manetsetra sy manenina ary miantso tody mihitsy ny iray raha sendra izany. Ny hainteny ifamaliana: olona roa mifamaly resaka ary samy tsy misy manaiky lembenana amin’ny heviny. Rehefa ao amin’ny fitsiriam-pitiavana dia miezaka mandresy lahatra ily tovovavy tiany ny lehilahy, ny vehivavy kosa manadihady tsara mihitsy ary na tia aza izy dia mametraka fisalasalana foana.

Miseho amina endrika roa ny hainteny nokirakirainay raha ny akora niasana no nojerena izay nahitana ny tsoa-tokana sy ny ifamaliana. Ireto arosanay ato anaty fafana ireto izany.

---

nanangana fiangonana teo ankaikin’ny Rovany i Manjakamiadana. Ranavalona fahatelo kosa ny mpanjaka farany.

<sup>21</sup> Mpikaroka nanangona ny Diambola izay lahabolana mitovitovy amin’ny hainteny fanaon’ny sihanaka, matetika miresaka fitiavana

<sup>22</sup> Namondrona ny Fankahitry izay lahabolana mitovitovy amin’ny hainteny ka ny betsimisaraka no manao azy, fampiasa amin’ny lanonana toy ny fangataham-biavy amin’ny fampakaram-bady ity lahaboalna ity.

<sup>23</sup> Mpikaroka nanangona ny Filana ampela izay lahabolana mitovitovy amin’ny hainteny any amin’ny faritra sakalava, fitadiavana vehivavy hotiavina ity lahabolana ity.

<sup>24</sup> Anisan’ny nanangona ny Kipotsaka sy Famparahitsa izay lahabolana heverin’ny betsileo fa mitovitovy amin’ny hainteny merina sy lahateny mitovitovy amin’ny hainteny fampiasan’ny betsileo

<sup>25</sup> Hainteny ataona olona tokana mety ho lahy na vavy irery ihany.

<sup>26</sup> Olona roa: tsy maintsy lehilahy sy vehivavy no mifamaly manao azy.

### Fafana 1: Ny hainteny tsoa-tokana sy ny hainteny ifamaliana ao amin'ny akora niasana

Hainteny tsoa-tokana	Hainteny ifamaliana
H1, H6, H7, H8, H10, H11, H13, H15, H19, H20, H25, H28, H30, H31, H32, H34, H35, H36, H37, H38, H40, H41, H42, H44, H45, H46, H47, H48, H51	H2, H3, H4, H5, H9, H12, H14, H16, H17, H18, H21, H22, H23, H24, H26, H27, H29, H33, H39, H43, H49, H50

Misongadina amin'izao fanasokajiana natao izao, fa maro kokoa ny hainteny tsoa-tokana raha mitaha amin'ny ifamaliana ao anatin'ny akora. Ny tsoa-tokana dia na lehilahy na vehivavy ihany no manao azy. Nisy koa anefa ny hainteny manana endrika tsoa-tokana fa rehefa dinihina lalina dia ahitana fifamaliana lehilahy sy vehivavy ihany, tahaka ny H6, H10, H11, H19 sy H34.

Raha ny fahafantarana ny hainteny ifamaliana dia olona iray ihany no manoratra ny sasiny<sup>27</sup> sy ny setriny<sup>28</sup>, tao amin'ny akora anefa dia nahitana hainteny roa izay samy hafa ny mpanoratra ny sasiny sy ny setriny, ka ny hainteny H16 sy H19 no mampivongady izany. Na izany aza anefa, tsy mahasakana ny fitadiavana ireo sarinteny anehoana ny vehivavy izay fototry ny asa fikarohanay izany.

Manomboka any amin'ny antso na sasiny ny hainteny ka ao amin'ny antso no aseho ny fototry ny olana, ary ao koa ny isafidianan'ny mpiteny voalohany izay anjara toerany na ho lahy na ho vavy. Mety ho antso indray mandeha dia vita ny hainteny nefa mety hisy koa ny fanandroany na hatramin'ny fanintelony mihitsy aza.

#### 1-3-1 Ny hainteny tsoa-tokana

Olona iray no manao hainteny raha ity endrika ity no jerena, mety ho lehilahy na vehivavy. Azo lazaina fa ho “*sombin-kainteny izay miandry valiny*” (RAJAONA Siméon, 2000, tak 154). Na koa “*miantso valiny ihany saingy any am-pon'izay mamaky azy ny setriny*” (RAKOTONAIVO François, 1990, tak 7).

Amin'ny lafim-pitiavana rehetra anefa no isehoan'izany. Ohatra amin'ireny ny ao amin'ny H1, izay hainteny ataon'ny lehilahy ihany momba ny fitoriam-pitiavana. Miseho amin'ny

<sup>27</sup> Fanaovana kely mialoha sahady izay atao ho fanomanana sy fandantolantoana

<sup>28</sup> valiny

endrika tsoa-tokana koa rehefa tojo fisarahana ka amin'izany indrindra no tena anehoany fa tsy mitamby amin'ny vehivavy izy.

Araka ny hita ao amin'ny akora niasana hatrany, ny vehivavy amin'ny ankapobeny no tena manao ny hainteny tsoa-tokana.

**Fafana 2: Hainteny tsoa-tokana ataona lehilahy na vehivavy**

<b>Hainteny ataona lehilahy</b>	<b>Hainteny ataona vehivavy</b>
H1, H6, H11, H15, H19, H37, H40, H28, H45, H47	H7, H8, H13, H20, H25, H28, H30, H31, H32, H34, H35, H36, H38, H41, H42, H44, H46, H48, H51

Taorian'ny famakiana sy ny fahazoana tsara ny hainteny no nahafahana nanakatra ny hainteny ataon'ny lehilahy na ny vehivavy. Rehefa ny lehilahy no miangaly ity lahabolana ity dia misy hoe “*ramatoa*” (H35, H16, H6) , “*Ratovovavy*” (H37) , “*raozy*” (H19), “*Rakala*” (H10). Raha ny vehivavy kosa dia misy hoe “*ndriamatoa*” (H12, H16, H19, H21, H22, H28 H29, H33, H43, H48), Andriamatoa (H27)

Raha ampitahaina ny fafana dia ny hainteny tsoa-tokana ataon'ny vehivavy no maro an'isa tao amin'ny akora fototra. Ary matetika ireny dia hainteny momba ny fisarahana. Mampiady hainteny ny tanora rehefa ifampila; araka izany dia tsy olona iray no miady fa roa. Rehefa atao anefa ny fandinihana, ny hainteny tsoa-toaka dia azo lazaina ho sombin-kainteny satria toa miandry valiny fotsiny izy ireny. Koa rehefa raikitra ny fampiadiana hainteny, mora kokoa ny ampiasana azy ireny ho valiny. Raha ny hoe mampiady hainteny anefa no resahina, tokony tsy hisy io lahabolana io Handeha irery izany satria roa na mihoatra ny zavatra vao azo ampifanandrinana.

Teo amin'ny fanangonana ny hainteny no mety ho nahatonga izany ho tsoa-tokana, satria notononina ireny teny am-panangonana azy, ka mety ho maro no very an-dalana. Ary izay henon'ny mpanangona azy ihany no nadikany ho soratra. Mety ho sasiny fotsiny no hitantsika, mety ho valiny koa.

**1-3-2- Ny hainteny ifamaliana**

Fanaon'ny tanora ny mampiady hainteny rehefa harivariva. Mifampitohy hatrany ny resaka ary ifamaliana. Ny hainteny ifamaliana dia “*olona roa no manao azy, misy antso na sasiny miandry ny setriny na valiny vao afa-po*” (RAKOTONAIVO François, 1990, tak 7)

Raha tsy eo anefa ny sasiny dia tsy misy heviny ny setriny ary azo lazaina ho toy ny hainteny tsoa-tokana ihany. Mandringa ny hainteny raha tsy eo ny iray amin' ireo. Izany hoe, toy ny fanontaniana tsy misy valiny na valiny tsy misy fanontaniana. Ny fanaovana hainteny dia ahitana taratra ny fahaizan'ny olona manao azy, "*mampiady hainteny ny olona fa tsy manonona fotsiny*" (Jean Paulhan, 1938, tak 18). Ankoatra izay, misy ny hainteny ataon'olona samy hafa ny sasiny sy ny setriny. Ahitana an'izany ao amin'ny hainteny laharana faha-16 mitondra ny lohateny hoe "*Tafam-pitia*". I Dolorès de Valih Ranaivoarijaona no manao ny sasiny ary i Voninkazon'Ivondro no maneho ny setriny. Ity hainteny iray ity anefa dia mifamaly toy ireny tafan'olona roa ihany ka tahaka ny mpanoratra iray ihany no namorona azy ary mifanaraka tsara. Heverinay, araka izany, fa anisany hainteny an-tsoratra raha io tranga io no misy.

Na tsoa-toka na ifamaliana ny hainteny dia ahitana fampidirana, votoaty ary famaranna hatrany, izany firafiny izany dia misy itovizany amin'ny rija<sup>29</sup>. Samy miresaka fitiavana avokoa na ny hainteny na ny rija.

#### **1-4- Ireo karazan-dahabolana mitovitovy amin'ny hainteny**

Amin'izao asa nataonay izao dia tsy miray hevitra amin-dRAJAONA Siméon amin'ny maha "*hazo tokana aman-tany ny hainteny*" (2000, tak 151) izahay. Raha eto Madagasikara dia faritra maro no manana lahabolana mitovitovy amin'ny hainteny, izany hoe mifototra amin'ny resa-pitiavana ifanaovan'ny tanora lahy sy vavy. Na tany ivelany koa aza dia nisy izany toy ny tany amin'ny faritra aziatika. Mitovitovy amin'ny hainteny tokoa ary heverinay fa noho ny fahatongavan-dry zareo Ostroneziana voalohany teto amintsika no mety ho nahatonga izany.

##### **1-4-1- Ny lahabolana mitovy amin'ny hainteny isam-paritra**

Manan-karena lahabolana ny Malagasy ary azo anaporofaona izany ny fisian'ny mitovitovy endrika amin'ny hainteny. Ny hainteny dia lahabolana nampiasain'ny tanora lahy sy vavy niresahana fitiavana teto Imerina. Ny tany aminy faritra koa anefa nanao izany, tao no nilaza azy ho hainteny ihany, ary nisy kosa ny nanana ny anarany hafa mihitsy. Tsy ary ho voatanisa ato amin'ity fizarana ity ireny, fa ampahany ihany no hovahavahana manaraka eto. Anisan'izany ny Fankahitry fanaon'ny Betsimisaraka avaratra, ny Fampariahitsa sy Kipotsaka fanaon'ny Betsileo, ny Filana ampela sy Saimbola hita any amin'ny faritra sakalava ary ny Diabolana fampiasan'ny Sihanaka.

---

<sup>29</sup> Hira fanaon'ny betsileo, misy fitohizam-peo, miakatra sy midina, mafy sy malemy, namboarina mba hilazana fihetseham-po.

### 1-4-1-1- Ny fankahitry

Ny fankahitry dia anisan'ny lahabolana mitovitovy amin'ny hainteny ka ny Betsimisaraka avatra no mampiasa azy. « *Ny fankahitry dia kilalaon-tsaina sy fandalinana momba ny fihetseham-po mihatra mivantana ny fifanankalozam-pahalalana eo amin'ny fianakaviana* » (FANONY Fulgence, 2011, tak 7). Zava-dehibe telo no tena misongadina ao amin'ny fankahitry. Voalohany amin'izany ny fampiasana ny zava-boary manodidina izay notefena manokana araka ny endriny sy ny anarany avy. Faharoa, ny fampiasana sary sy kilalaon-teny samihafa mirindra amin'ny hevitra tiana hambara. Ary fahatelo farany, ahitana tara-kevitra mifototra indrindra amin'ny fitiavana amin'ny lafiny rehetra. Lahabolana nolazaina fa tafiditra ao amin'ilay antsoina hoe "*joute poétique*"<sup>30</sup> ataon'ny mpifankatia ny fankahitry. Ity lahabolana ity dia toa mametraka sary sy fomba fiteny nalaina avy amin'ny fiainana andavanandro dia avy eo milaza izay hevitra tiany hambara araka ny fahitany azy amin'ny alalan'ny ohabolana sy oha-pitenenana ny mpandray anjara.

Amin'ny ankapobeny, tsy mifidy loatra fotoana anatanterahana azy ny fankahitry, natao handaniana andro aza izy ary amin'ny fivorian'olona maro toy ny amin'ny fahafatesana, tsaboraha<sup>31</sup> no anatontosana azy. Amin'ny fangatahana tovovavy ho vady ihany koa dia ahitana ny fankahitry.

Tsy dia misy fotoana manokana fa na resaka ifanaovana aza ka tiana hanana endrika miavaka dia anaovan'io vondron'olona io fankahitry. Toy ny hainteny ihany ny firafiny, misy ny tosa-tokana sy ny ifamaliana. Ny lohahevitra anefa tsy miala amin'ny fitiavana sy ny manodidina izany.

Koa inty ary misy ampahana fankahitry tosa-tokana horaisina ohatra. Ny fankahitry amin'ny ankapobeny dia ny lehilahy ihany no manao azy, fa "*ny tovovavy dia ankavitsina no mampiady fankahitry afa-tsy ireo vehivavy lehibe na ireo tovovavy taizan-drenibe*" (FANONY Fulgence, 2011, tak 8).

#### Ohatra:

*“Raha tiana manala tahotro  
Fitiavana andriamby”*

---

<sup>30</sup> Fifaninanana kanto

<sup>31</sup> Mitovy amin'ny famadihana aty Imerina fa ny Betsimisaraka no manao azy

Io ampahana fankahitry io izao dia lehilahy ihany no manao azy, raha halalinina dia toa miendrika fitoriam-pitiavana izy io. Mila namana ny lehilahy ka mitory fitivana amina vehivavy tiany.

Ity anefa misy ohatra iray izay ifamaliana lehilahy sy vehivavy

### **Lelilahy**

*“Raha mamy manam-pôfono  
Raha tiana manila tahotro  
Fitiavana andriamby”*

### **Vehivavy**

*“Aza manano takiban’akoho:  
Fotsim-bary manan-toerana  
Akotry anefitry hafa”*

Manana faniriana amina vehivavy iray izay ohariny amin’ny tantely eto ny lehilahy, ka voasariky ny fofony manitra. Namaly anefa ilay vehivavy ka manebaka sy manipika ny amin’ny tsy tokony hisian’ny fihatsarambelantsihy, aza atao kilalao hoy hatrany izy ny milaza zavatra iray amin’ny olona roa. Tsy mbola teny fandavana anefa izany fa mbola soso-kevitra fotsiny ihany.

Tsy afa-po teo anatrehan’izany ilay lehilahy ka mbola nanohy ny resany indray.

### **Lehilahy**

*Diam-borona hita,  
Kalazo fantatra,  
Olombelon-tsy ary feno  
Hetaheta manaton-drano  
Lava ny lalana fö voafaritry ny handehanana.*

Teto indray dia nanazava ny tena tanjony ilay lehilahy izany hoe mila namana izy, ary miredareda ao amin’ny fitadiavana vehivavy ho olon-tiany.

### **Vehivavy**

*Tandindona mihelana,  
Tsy nahareny ny sôfiny,  
Aniny ny teny, ny ho tanana mapihahiahy  
Maso mifanerana, fanahy mifanera  
Raha hanohy, mila fantoko*

Eto indray ny vehivavy dia nilaza fa raha tena mila azy tokoa ilay lehilahy dia mitady antoka izy, toy ny hoe mila mankany amin’ny ray aman-dreniny mangataka azy. Ary raha tsia dia toy ny miserana ihany ny fampanantenana nataon’ily lehilahy.

Namaly hatrany anefa ilay lehilahy:

*“Ny nanatono, tsy nitoravana, hono,  
Ny nandiny, naneky...”*



*Toky napetraka,  
Anjaranay manatao hasiny”...*

Nandritra ny fifampiresahan’ireo olona roa ireo dia samy nilaza ny fomba fijeriny amin’ny ho avin’ny fiarahany izy ireo. Namaly hatrany anefa ilay vehivavy.

*“Veloma dia veloma  
Veloma volamena  
Olo dianao,  
Mbola misy tambana”.*

Tsy nanaiky ny fangatahan’ily lehilahy anefa ny vehivavy teto. Lahateny fitoriam-pitiavana ity naseho ity, toy ny fangatahana rehetra ihany anefa ka manana ny safidiny ilay iantefan’ny hafatra, mety hanaiky izy na handà koa. Ireo ampahana fankahitry naseho ireo dia nalaina tao amin’ireo nangonin’ i FANONY Fulgence.

#### **1-4-1-2- Ny filana ampela sy saimbola**

Ny filana ampela dia lahabolana iray mitovitovy amin’ny hainteny fampiasan’ny Sakalava. Noho izy ireo mitovitovy dia lohahevitra tena mibahan-toerana ao amin’ity lahabolana ity ny fitiavana. Ny filana ampela dia ireo poezia miady rima na tsia ka ny tanjony amin’izany dia ny mba hahazoana ny fon’ny vehivavy. Teny vitsivitsy miady rima sy mingadona ary somary fohifohy no hita ao amin’ny filana ampela. Ahitana fomba filazan-javatra miavaka sady miolaka ao aminy. Anisany notsongaina tao amin’ily poezia iray antsoina hoe saimbola izy ity. Ny saimbolana dia lahateny fanaon’ny Sakalava ary mitovy amin’ny hainteny fampiasan’ ny Merina ihany. Noho izany, filana ampela ihany ny saimbola. Raha vahavahana anefa ny hoe saimbolana dia toy izao: “*saina*” mitovy amin’ny hoe “*haina*” taorian’ny “*fibory loha*” (RABENILAINA Roger Bruno, MORIN Jean Yves, 2005, litera A) ka izany dia hita ao amin’ny Malais mankamin’ny Malagasy. Ny “*vola*”, “*parole*” (fitenenana) izay miseho amin’ny endrika volana eto Imerina; ny “*teny*”, “*discours*” (lahateny). Ny saimbola dia mitovy amin’ny hainteny na eo amin’ny fomba famoronana na aimgam-panahy izany hoe ny lohahevitra tena mibahana dia ny fitiavana sy ny fandokadokafana ny vehivavy. Itovian’ny hainteny sy ny saimbola koa ny eo amin’ny fiangaliana azy, indrindra eo amin’ny fanajana ny fitsipika mikasika ny ngadona amin’ny teny malagasy. Efa toetry ny teny malagasy mihitsy ny mingadona, satria “*ny teny malagasy dia hiraina*”.

Anisany itovian’ireto lahabolana ireto koa ny firafiny izay ifamaliana, izay hoe ifanaovan’olona roa, lehilahy sy vehivavy ka misy sasiny sy setriny. Ny filana ampela anefa dia ny lehilahy ihany no manao azy amin’ny ankapobeny, fa ny vehivavy kosa manaiky na

mandà ka ny valiny tsy atao amin'ny endrika saimbola. Noho ny filana ampela mifototra amin'ny resa-pitiavana, anisany lahabolana manindrahindra ny nofo ihany koa izy.

## **Ohatra**

### **Filana ampela**

*Korokodoy dimaka latsak'ankolovola,  
Mitoliha aty iha valiko, tsika hiharo vola*

### **Saimbola**

#### **Lehilahy**

- *Poropotisy ana-pitily  
tavela ana-paravaza*
- *Vaza ia valiko va tsy vaza?*
- *Ka mitoliha aty, tsika hiharo vava.*

#### **Vehivavy**

- *Eka!*

#### **Lehilahy**

- *Eky aza vitako lahatany*
- *Lify azy andesiko aminao*

#### **Vehivavy**

- *Ho natonoko no saly anao.*
- *Ka ny jery nahoany, ny jery katy koa.*
- *Ny fitiavan'anao, fitiavako koa.*

Ity saimbola ity dia fitoriam-pitiavana ataona lehilahy amina vehivavy irin'ny fony, niezaka nanao ny fandresen-dahatra ilay lehilahy ka nanaiky ihany ilay vehivavy tamin'ny farany.

Mitovy amin'ny hainteny ny saimbola, samy lahabolana miolaka sy ahitana fomba filazan-javatra miavaka sy sarinteny. Nomena lanja koa ny zava-boary ao aminy ary amin'ny anaran'izy ireny no anoharana ny toetra na fihetsiky ny olona voaresaka ao anaty lahateny. Ohatra izao raha ny vehivavy tsy mbola manam-bady dia ataony hoe “*saonjo*” ary ny efa manam-bady kosa “*ramandady*”. (FANONY Fulgence,2011)

Ireo ohatra noraisiny ireo dia ampahany nalaina tao amin'ireo nonganin' i J.C Hébert. Tsy ny any amin'ny faritra atsinanana sy andrefan'i Madagasika ihany anefa no manana lahabolana mitovitovy amin'ny hainteny, fa manana koa ry zareo ao amin'ny faritra afovoany atsimo, izany hoe ry zareo Betsileo ka fampariahitsa (ANDRIANARAHINJAKA Lucien X. Michel, 1986) no fiantso azy.

### **1-4-1-3- Ny fampariahitsa sy kipotsaka**

Mitovitovy amin'ny hainteny ity lahabolana ity, ka ny Betsileo no manao azy. Araka izany dia ahitana sarinteny, ahitana fanomezan-danja ny zava-boary toy ny lahabolana mitovy

amin'ny koa. Ny fitiavana no tena voaresaka ao amin'ny fampariahitsa, ka na fitoriam-pitiavana na fisarahana dia hita ao avokoa, izany hoe ny lafiny rehetra. Raha ny firafiny indray, mifototra amina andalana, toa andininy iray ihany izay tsy mihoatra ny 15 andalana. Ny mpandray anjara dia olona iray ihany, natao ho fanalana andro koa ny fampariahitsa ka tsy ilana fotoana voafaritra manokana.

### **Ohatra:**

- 1- *Maladia, maladia hoe Rasanjomahalaza*
- 2 *Fa ny fanjakana an'an-kianja,*
- 3 *Koa hisaotsy ny Hova!*
- 4 *masina, masina hoe ny Hova,*
- 5 *fa vona mipaopao-tranö,*
- 6 *vona hitsatsa-boanjo,*
- 7 *voa hanakafo ny kilonga,*
- 8 *fa lake tapane ro tratso*
- 9 *koa saotsy ako izay*

### **Ohatra:**

*Lalagna aña ro hambàna lake fo zary mesa, ny haninga am-bahandoavian-dRasarotra, mi-tagnan'i Malaha-pantsy. Iy ny teàne ro tao ko nihidy vy nihidy vato, eko leha ny tsy teàne ro tao koa akolagna-nandifike ny dihy (RAINIHIFINA, 1961, tak 199).*

Raha adika tsotsotra io dia te hisara-panambadiana ilay olona nefa tsy afaka fa voatazona mafy ka tsy sahy manao an-ditra.

Misy mpandinika milaza kosa fa lahabolana betsileo mitovitovy amin'ny hainteny ihany koa ny kipotsaka. Raha ny fanasokajina nataon'ny mpandinika hatrany dia voasokajy ao anatina lahabolana tsy iraina ny kipotsaka na kapotsaka<sup>32</sup>. Ka ny kapotsaka dia midika hoe “*farce, plaisanterie*”<sup>33</sup>. Ny kipotsaka anefa dia mitovitovy amin'ny ohabolana ihany saingy miresaka fitiavana fotsiny.

Tafiditra ao amin'ny sokajin-dahabolana fanampiny na “*genre auxiliaire*” (ANDRIANARAHINJAKA Lucien X. Michel, 1986, tak 310) na koa lahaboana miendrika anatanatra na “*genre gnomique*” (ANDRIANARAHINJAKA Lucien X. Michel, 1986, tak 332) ny kipotsaka. Ny endriky ny kipotsaka dia mitarehy roa: ao ny mifintina (forme minimal) sy ny miitatra (forme elargie).

Ny endrika mifintina: ahitana andininy iray izay voarafitra fehezanteny feno na “*phrase complète*”. Ny endrika miitatra: fanazavana lohahevitra ao anatina andininy roa, ka miaraka tsiroaroa izany. “*ny hita amin'ny kipotsaka dia teny mitovitovy fanonona fotsiny fa tsy dia*

---

<sup>32</sup> Kapotsaka izay mitovy amin'ny kipotsaka ihany araka ireto mpandinika ireto: Rainihifina, Ranaivozanany, Rajoharison.

<sup>33</sup> vazivazy, sangisangy, sangisangy ratsy

*misy hevitra loatra. Dia vitsy foana (...) Fiteny tsy tranainy loatra ny kipotsaka”*  
(RAINIHIFINA, 1961, tak 204).

**Ohatra:**

*Ny tarehin’ampela tsa mba ho lany, fa ny an-drano ro lalao soa* ( ANDRIANARAHINJAKA  
Lucien X. Michel, 1986, tak 331).

Miresa-pitiavana ity kipotsaka iray ity, mety ho nitory fitiavana ilay lehilahy dia tsy nanaiky  
ilay vehivavy ka nankahery teny izy nanoloana izany.

Raha fintinina ny mombamomba ireo lahabolana mitovitovy amin’ny hainteny isam-paritra  
dia ahitana fomba filazan-javatra miolaka, izay aseho amin’ny alalan’ny zava-boary.  
Lahabolana voaravaka sarinteny maro eo am-panoratana ary fingadona kanto eo am-  
pilhainoana.

**1-4-1-4- Ny diabolana**

Manan-karena lahabolana isika Malagasy, ny lahabolana anefa dia mitahiry ny  
soatoavina sy ny fomba aman-pahendrena eo amin’ny firenena iray. Ankoatra ny maha  
fialamboly azy, mampianatra sy mitaiza ny fiarahamonina koa izy ireny. Lohahevitra iray no  
iraisany nefa misandrahaka amina faritra maro ny hainteny. Ny Sihanaka koa dia manana ny  
Diabolana izay mitovy toetra amin’ny hainteny. Hita taratra ao amin’io lahabolana io ny  
sarinteny sy ny fomba filazan-javatra miavaka. Toy ireo hafa efa voalaza teo aloha, ny  
fitiavana no lohahevitra mibahan-toerana ao amin’ity lahabolana ity ary omen-danja hatrany  
ny zavaboary iray anoharana sy anaovana sarisary ilazana zavatra amin’ny fomba ankolaka.  
Raha ny tamin’ireo Diabolana nanganin’ i Nalisoa Ravalitera dia toa tsoa-tokana ihany no  
endrika isehoany, izany hoe olona iray ihany no mandray anjara ao aminy. Koa ireto ary misy  
ohatra vitsivitsy anehoana izany.

**Ohatra:**

***Angolam-pitia***

- *Io anao bozaka aman’ahitra*  
*Sy raverro amin’ampanga*  
*Nandalo teto ve i Soamanitriniala?*
- *Nandalo teto izy, tamin’ny soratrony*
- *Ino teny nampietrany?*
- *Raha marary i Dada sy Niny*  
*Karakarao aody mahavelono*  
*Raha misaraka antsikan-drôy*

*Mizetra tany aman-danitra  
Ny tandindoko dia ariary  
Raha hitana ny vatabeko manontolo aninao  
Mandalova folo isam-bolana*

Ity lahabolana ity dia momba ny vetsovetso-pitiavan'ny lelihahy, ka mampiteny ny zavatra tsy miteny izy eto dia ny bozaka izany. Voaravaka sarinteny saro-takarina ka ny mpamaky no miezaka hahalala ny tian'ny Diabolana holazaina.

Ny fankahitry, ny saimbola, ny fampariahitsa ary ny diabolana dia mitovitovy amin'ny hainteny, na eo amin'ny fomba namoronana azy na teo amin'ny fiangaliana ary indrindra eo amin'ny lohahevitra. Anisany itovian'ireo lahabolana ireo koa no ahitana fanoharana amin'ny zava-boary izay tsara sy mahafinaritra hatrany.

“*Hazo tokana aman-tany ny hainteny*”, hoy RAJAONA Siméon, mety ho ilay anarana iantsoana azy no mampitombina izany fa raha ny endriny sy ny firafiny dia maro no iombonany amin'ireo lahabolana novahavahana teo ireo. Ato amin'ity fizarana manaraka ity dia hasongadina manokana fa tsy mitovy fijery amin'io mpandinika io izahay. Ny hainteny dia manindrahindra ny filan'ny nofo na hoe “*poesie érotique*”. Ity lahabolana ity anefa nolovaintsika tamin'ireo Tandrefana na ny Ostroneziana. Noho izany, azo lazaina fa manana fifandraisana amin'ny Haïkaï japoney sy Pantun maleziana ny hainteny. Raha ara-tantara, ny Maleziana dia anisan'ny razamben' ny Malagasy ary maro ny lova napetrak'izy ireny ho an'ny taranaka ankehitriny, tsy eo amin'ny teny sy ny kolontsaina ihany fa amin-javatra samihafa.

#### **1-4-2- Ny lahabolana mitovitovy amin'ny hainteny eran-tany**

Lahabolana roa avy amina firenena roa izay mitovitovy amin'ny hainteny ihany no hovahavahana ato amin'ity fizarana ity noho izy ireo heverina fa niandohan'ny hainteny.

##### **1-4-2-1- Ny haïkaï**

Ny haïkaï dia lahabolana japoney, ka ny hoe “*haikai*” dia fintina poezia ary azo adika hoe “*amusement*” na “*fankafizana*”. Raha vahavahana ny teny hoe “*haïkaï*” dia toy izao manaraka izao : avy amin'ny teny verindroa “*kaya*” an'i Malais, ary nivoatra ho “*hai*” ao amin'ny hainteny, miaraka amin'ny fifanoloan'ny “*k*” sy “*h*”. Ny “*kay*” indray dia teny Filipianina. (FAUBLE Jacques, 1984, fascicule 1). Mety hiresaka fitiavana ny haïkaï, nefa amina endrika poezia, izany hoe literatiora an-tsoratra. Ny “*haïkaï dia poema kely misy andalana telo misy voanteny fito ambiny folo*” (KUNI Matsuo, 2011, Haïkaï Basho et

disciples), ka mizara tsikelikely toy izao: ao amin' ny andalana voalohany ahitana feo dimy, ny faharoa fito ary ny fahatelo dimy koa. Ity misy ohatra amin'ny teny japoney<sup>34</sup>.

(古池や)

(蛙飛込む)

(水の音)

Inty kosa ny heviny raha adika amin'ny teny frantsay

Un vieil étang et  
Une grenouille qui plonge,  
Le bruit de l'eau.

Toy izao raha adika tsotsotra amin'ny teny malagasy

Kamory tranainy iray sy  
Sahona mitsoraka  
Ny feon'ny rano

Ireo dia ahitana sarisary ary tsy mivantana; ka ny tara-kevitra hita amin'io dia fitiavana, toa miresaka vehivavy sy lehilahy, ka ny vehivavy no lazaina ho kamory ary ny lehilahy no sahona, olon-droa mpifankatia raha ny marimarina kokoa no voaresaka ao amin'io ohatra io.

### 1-4-2-2- Ny pantun

Ny pantun dia literatiora niforona tao Malezia izay manana endrika raikitra. Ahitana andininy maromaro sy rima mifaningotra. Ny fitiavana hatrany no lohahevitra mibahana amin'ity asa soratra ity. Poezia natao hialana voly izy ary fiandohan'ny filan'ny nofo. Ny pantun koa dia tononkalo avy amin'ireo nosy Malay-indonezianina (Malezia, Indonezia, Singapour), ary fianakaviamben'ny Haiku, Tanka na Rubaie (karazana literatiora any amin'ny faritra asiatika).

Ny pantun dia avy amina resaka ifamaliana na fifaninanana kanto (NICOLE Ravel, 1992).

Ohatra amin'ny pantun malais<sup>35</sup>, saingy tamin'ny teny frantsay no hitanay teto fa ezahinay kosa adika amin'ny teny malagasy.

Ity manaraka ity dia ohatra pantun nosoratan'i Victor Hugo<sup>36</sup> tamin'ny teny frantsay.

---

<sup>34</sup> Fabula.org, haikai

<sup>35</sup> Fabula.org, pantun

<sup>36</sup> Victor Hugo dia isan'ny mpanoratra frantsay goavana sady nalaza, teraka tamin'ny 26 febroary 1802 tao Besancon Frantsa. Poeta, mpanoratra tantara foronina, mpanoratra tantara tsangana izy. Ny tantara foronina tena nahafantarana azy dia ny "Notre-Dame de Paris" (1831) sy ny "Les Misérables" (1862).

*Les papillons jouent à l'entour sur leurs ailes  
Ils volent vers la mer, près de la chaîne des rochers.  
Mon cœur s'est senti malade dans ma poitrine  
Depuis mes premiers jours jusqu'à l'heure présente.*

*Ils volent vers la mer, près de la chaîne des rochers...  
Le vautour dirige son essor vers Bandam.  
Depuis mes premiers jours jusqu'à l'heure présente*

*J'ai admiré bien des jeunes gens.*

*Le vautour dirige son essor vers Bandam...*

*Et laisse tomber de ses plumes à Patani.  
J'ai admiré bien des jeunes gens ;  
Mais nul n'est à comparer à l'objet de mon choix.*

*Il laisse tomber de ses plumes à Patani...*

*Voici deux jeunes pigeons !  
Aucun jeune homme ne se peut comparer à celui de mon choix.  
Habile comme il l'est à toucher le cœur.*

Victor Hugo, Les Orientales, 1829. »

Izao kosa raha adika tsotsotra amin'ny teny malagasy, saingy marihinay fa tsy nadika isaky ny teny izy ity fa ny hevitra no noraisina.

*Ny dihin'ny lolo mamonjy ny ranomasina anivon'ny karaobato  
Tsapako marary ny foko ato an-tratrako ato  
Hatramin'ny nahaterahako ka hatramin'izao  
Mamonjy ny ranomasina anivon'ny vatolampy mitohitohy izy  
Ny vorondia manjoy ny lalany mankany Bandam  
Hatramin'izay niainako ka hatramin'izao  
Betsaka ny tanora nandalo teo imasoko  
Ny vorondia manjoy ny lalany mankany Bandam  
Nefa nanary lamba an-dalana (Patani)  
Betsaka ny tanora nandalo teo imasoko  
Kanefa mbola tsy nisy nihoatra an' ilay zavatra nokinendriko  
Nisy koa ireo izay nanary ny lambany ...  
Toy ireto voromailala herotreronny anakiroa  
Tsy mbola nisy nahatahaka ilay tovolahy nofidiko  
Izay kinga amin'ny fambaboana fo*

Victor Hugo, Les Orientales, 1829

Ity ohatra amin'ny pantun ity indray dia resaka ataona vehivavy momba ny fitiavana; efa niraika tamin'ny olona maromaro ihany izy saingy mbola tsy nisy tonga tamin'ny tanjona niriny; efa nanana olon-tiana ihany izy saingy tsy mbola nisy nitovy tamin'izany mihitsy indrindra eo amin'ny fahazaina mambabo fo.

Nisy tamin'ny pantun no nadika tamin'ny teny maleziana sy anglisy, nefa koa nisy tamin'ny teny sinoa, ka ireo dia nohaingoana tamin'ireo piti-kevitra ny poeta malaza maleziana, indoneziana, frantsay (Victor Hugo, Henri Fauconnier, René Ghir...) saingy mitahiry hatrany ny hanitra maleziana (PETERS Louvain, 1992).

Araka izany ny asoratra ny mpanoratra ngezalaha Victor Hugo izay tamin'ny teny frantsay no noraisinay ohatra tato. Mbola ao amin'ity asa soratra ity hatrany ilay tara-kevitra mivetso fitiavana ao amin'ny hainteny sy ireo lahabolana mitovitovy aminy.

Ny voambolan'ny zava-maniry, voankazo, voninkazo, vorona, bibikely, trondro dia tsy maintsy voafehin'ny mpamaky pantun ary hainy koa ny manadihady izany. (PETERS Louvain, 1992).

Poezia manindrahindra ny filan'ny nofo mitovy amin'ny hainteny ny haï-kaï sy ny pantun, fomba filazan-javatra miavaka sy sarinteny ihany koa no mandravaka azy.



## FEHIN' NY FIZARANA VOALOHANY

Lahabolana am-bava fanaon'ny Malagasy teto Imerina ny hainteny tany ampiandohana. Noho ny fahatongavan' ny soratra anefa dia noraketina an-tsoratra izy ireny ary nisy tamin'ireo mpanoratra no namoaka ny fihetseham-pony tamin'ny alalan'ny hainteny. Araka izany, boky sy gazety maro no nahitana ny hainteny. Amina maha fitaovampanabeazana ny literatoria, nentina nitaizana ny tanora teo aminin'ny lafiny fitiavana ity lahabolana ity. Lehilahy sy vehivavy no tena manao hainteny ka amin'ny harivariva rehefa diabolana iny no fotoana fanatanterahana azy ary eny an-tokotany. Lahateny ifamalian'ny lehilahy sy vehivavy izy ary mety ihany raha ataon'olona iray. Ny hainteny anefa no miady fa tsy ny olona. Fitoriam-pitiavana no tena nahalalana ny hainteny ary niova sy nivoatra tsikelikely izany taty aoriana. Amin'izao fotoana izao, efa tsy dia fahita intsony ny fampiadiana hainteny; any amin'ireo famoahana andia mpikabary ireny sisa no mba ahitana azy. Ny Merina no tena miangaly ny hainteny saingy any amin'ny faritra sasany eto Madagasikara dia ahitana lahabolana mitovitovy aminy; anisan'izany ny filana ampela sakalava, ny diabolana sihanaka, ny fankahitry betsimisaraka, ny fampariahitsa betsileo. Ry zareo Ostronezianina no razamben'ny Malagasy ary misy lahabolana mitovitovy amin'ny hainteny koa any toy ny pantun malezia sy ny haikai japoney.

## **FIZARANA FAHAROA**

## 2- NY VEHIVAVY SY NY SARINTENY FANOVANA ENDRI-JAVATRA MIVANTANA

Amin'ny ankapobeny, nataonay hoe fanovana endri-javatra mivantana ity fizarana iray ity, ny sarinteny anefa dia amin'ny fomba ankolaka hatrany no isehoany, saingy miara-miseho eto ny anoharana sy ny oharina. “*Ny sarinteny manova endri-javatra dia fomba filazan-javatra izay mampifanatrika ny oharina sy ny anoharana*”<sup>37</sup> (MORIER (H): 1989, tak 677)

Raha araka ny fanasokajiana ny sarinteny fanovana endri-javatra nataon'i Bacry, dia nampidirinay ho mivantana ireo sarinteny fanovana endri-javatra azo avy amin'ny alalan'ny fifamaritan'ny oharina sy anoharana, ny fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fanafiana ny toetry ny anoharana ny oharina ary ny fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny anoharana sy ny oharina. Tamin'ny alalan'ny zava-maniry, ny natiora sy ireo karazam-borona no nanehoana ny vehivavy tao amin'ny hainteny.

### 2-1- Ny vehivavy sy ny zava-maniry

Ity endrika iray isehoan'ny sarinteny fanovana endri-javatra ity dia fahita ao amin'ny asa soratra malagasy ary anisan' ny manan-karena izany ny hainteny. Ahitana fifamaritan'ny oharina sy anoharana ity fanovana endri-javatra ity, izany hoe samy hita ao amin'ny fehezanteny izy ireo. Ny karazan-tsakafo, ny karazam-boninkazo no anoharana ny vehivavy ato amin'ity fizarana ity.

#### 2-1-1- Ny vehivavy sy ireo karazan-tsakafo

Anoharana ny vehivavy ao amin'ny hainteny ireo karazan-tsakafo, satria loharanon'ny fahavokisana sy natao ho tohan' aina mahavoky ary azo atao foto-tsakafo izy ireny, toy ny saonjo. Misy koa anefa ny tsindrin-tsakafo toy ny voasary, ary tao koa ny hanitra entina manome tsiro sy hampazoto homana toy ny sakamalaho.

Ahitana izany ireto ohatra anaty fafana manaraka ireto

#### Fafana 3: Ny vehivavy sy ny karazan-tsakafo

Hainteny	Anoharana	Oharina
<i>H32: Samy be rehaka (...) ianao sakeli-mihoajoro izaho saonjo mihoatra akondro; ianao tatamo ravaky ny farihy</i>	<i>saonjo</i>	ianao (lehilahy)

<sup>37</sup> « La méthaphore est un procédé de style qui confronte (...) l'objet dont il est question le comparé, à un autre objet le comparant »

<i>izaho voasary hanitry ny saha;  ianafo havoza hanitry ny ala  izaho sakamalaho hanitry ny tanety;</i> <b>BERY</b>	<i>voasary,  sakamalaho</i>	izaho(vehivavy)
---	---------------------------------	-----------------

Ity fafana ity dia mampiseho ampahana hainteny nanoharana ny vehivavy tamin’ny karazan-tsakafo ary hita tao koa ny endri-pamaritana teo amin’ny anoharana sy ny oharina.

Ny “*saonjo, voasary, sakamalaho*” no anoharana, ny mpisoloto tena “izaho” no oharina izay misoloto ny vehivavy satria io ampahana ohatra io dia ataon’andriambavilanitra.

### **2-1-1-1- Ny saonjo**

Ny saonjo dia zava-maniry fihinam-body izay mafotrafotra sy tsara tsiro, ka misy karazany roa, ny voalohany dia saonjo mamy izay kelikely malamalama sy mamimamy; ny faharoa kosa ny saonjo ramandady. Tsy nofaritan’ny mpamorona hainteny anefa na saonjo inona no tiany holazaina ary azo anoharana ny vehivavy daholo na inona karazany na inona.

#### **Sary: 1 Saonjo mamy**



#### **Saonjo ramandady**



Anoharana ny vehivavy koa ny saonjo raha ao amin’ny filana ampela izay lahabolana mitovitovy amin’ny hainteny fanaon’ny Sakalava. “*Ny saonjo dia ilazana ny tovovavy tsara tarehy mbola tsy manam-bady, ny ramandady kosa dia ilazana ny vehivavy efa manam-bady izay reraky ny fikarakarana tokantrano*” (HEBERT J-C, 1964, tak 229). Raha ny amin’ity ohatra noraisinay ity kosa dia vehivavy nisaraka tamin’ny olon-tiany no oharina amin’ny saonjo.

### **2-1-1-2- Ny voasary**

Anisan’ny voankazo be mpankafy ny voasary, sarotra alaina izy satria misy tsilo ny tahony. Manaitra ny maso ity voankazo ity rehefa vokatra noho ny lokony marevaka. Azo lazaina ho mpanjakan’ny voankazo ny voasary noho izy manana ilay ranony voajanahary manafaka hetahetan’ny olombelona ary ao koa ny hanitra entiny. Maro karazany ny voasary

toy ny voasarimakirana, voasarimamy, voasarimandina; tato amin'ity ampahana hainteny ity dia tsy voafaritra mazava tsara fa sary fanehoana ihany no harosonay eo ambany.

## Sary 2: Voasary



Mbola noho ny hatsaran-tarehin' ny vehivavy ihany teo no nanoharana ny voasary taminy. Kanto loatra izy ary sarotra ny maka azy. Ilay vehivavy ao amin'ity ohatra ity dia mbola maneho fa manana ny endrika manintona iavahany raha mitaha amin'ny hafa noho izy hanitry ny saha. Mbola maneho hatrany ilay vehivavy fa na dia nisaraka tamin'ny olon-tiany aza izy dia mbola tsara foana.

### 2-1-1-3- Ny sakamalaho

Ny sakamalaho dia zava-maniry masiaka mafanafana ny vodiny, latsadatsaka kely noho ny sakay. Fanaon'ny olona anomeza hanitra ny sakafo ity zava-maniry iray ity. Anisany mampatsiro ny sakafo ny sakamalaho ary mora hita eny amin'ny mpivarotra.

## Sary 3: Sakamalaho



Misy ilay fomba fiteny hoe “*sakamalaho sy havozo ka samy manana ny hanitra ho azy*”. Mitovy amin'io fomba fiteny io teto ilay sakamalaho nanoharana ny vehivavy, izany hoe mbola tsara foana izy na nisaraka tamin'ny olon-tiany. Fanoarana zavatra samy tsara ny

sakamalaho sy havozo. Nanoharana ny vehivavy ity zava-maniry noho ny hanitra entiny ary ny tsirony izay manatsara ny sakafo sy mampazoto homana.

### **2-1-2- Ny vehivavy sy ny karazam-boninkazo**

Matetika nanoharana ny vehivavy hatrany ny zava-maniry tsara tarehy, ny voninkazo mantsy dia tandindon'ny andriambavilanitra noho ny endriny tsara sy manintona. Ary misy aza ny milaza rehefa mikabary na mandaha-teny fa “*voninkazo ravaky ny vazy*” izy, na eo amin'ny bika aman'endrika izany na ny toetra.

#### **2-1-2-1- Ny voninkazo amin'ny ankapobeny**

Amin'ny ankapobeny dia iray amin'ireo zava-maniry anoharana ny vehivavy ny voninkazo. Manintona ny maso izy ireny, ahitana izany ity ohatra manaraka ity:

##### ***H21: Samy tofoka***

(...)

*Voninkazo madini-pivelatra aho, ndriamatoa,  
ka tsy te hitaha fehezana amin-dalià mirongaronga;  
voninkazo eny an-tanan'olona;  
tsy mitady ny hafa indray,  
raha sahala amin'ny mbola handaingo,  
ny eny an-tanimboly miandry mpioty.*

(...)

##### **Dieran'Iarivo**

Ity dia hainteny ifamalian'ny lehilahy sy vehivavy momba ny fisarahana, ka io ampahany io no anjara fitenenan'ny vehivavy ao amin'ny hainteny. “*Samy hita ao anaty fehezanteny ny anoharana sy ny oharina ka ny teny maneho fanovana endri-javatra no mandeha aloha ary tsy misy fifanoloana toerana*” (BACRY (P), tak 53).

#### **2-1-2-2- Ny vonin-draozy**

Ny vonin-draozy dia voniny na felany amin'ny voninkazo raozy. Karazam-boninkazo mahafinaritra mihorona boribory ny felan'ny raozy ary misy fotsy, mena, mavokely ny lokony, ny tahony no misy tsilotsilo. Ity voninkazo ity azo atao fanomezana ho an'ny olon-tiana, ka ny lehilahy no manolotro azy ho an'ny vehivavy. Noho ny fananan'ny raozy ilay

voniny tsara tarehy no mahasarika ny maso, ka iny no nanoharana ny vehivavy ka nampitoviana tamin'io zava-maniry io izy, saingy ny seha-kevitra no nahafahana nanakatra izany.

Ahitana izany ity ohatra manaraka ity

***H19: Tofo-pitia***

*Eny iky, ry tadio avy any atsinanana,  
ry rivotra tia seraserana  
lazao amin'iny olona iny  
fa nataoko ho vonin-draozy saha ny vazy izy,  
kanjo hay tsy mahasaraka ny iray fehezana amin-dramiary!*

**Dieran'Iarivo**

Ity hainteny ity dia ataona lehilahy iray raha ny nanasokajin'ny mpanangona azy, saingy rehefa dinihina dia ahitana fifamalian'olon-droa izay lahy sy vavy momba ny fisarahana; ary ampahany amin'ny anjaran'ny lehilahy diso fanantenana tamin'ily vehivavy io ohatra noraisinay io.

Ny “vonin-draozy” no anoharana ny vehivavy ary ny oharina dia ny mpisolo tena “izy”. Vonin-draozy dia vony amin'ny zava-maniry raozy, mpanjakan'ny voninkazo ny raozy<sup>38</sup>. Mazava ny fehezanteny eto ary azo lazaina ho feno satria hita mivantana ny enti-milaza sy ny lazaina, ka ny anoharana no enti-milaza ary ny oharina no lazaina.

**Sary 4: Vonin-draozy**



Ohatra ihany io sary nasehonay io fa ny raozy dia samy manana ny hevitra fonosiny raha ny lokony no ifotorana. Ohatra amin'izany ny raozy fotsy izay midika ho fibabohana, ny mavokely maneho hafaliana sy fandeferana; ny mena manasongadina ny fitoriam-pitiavana, ny volomboasary maneho filana; ny mavo midika tsy fahatokisana sy hasarotam-piaro.<sup>39</sup>

<sup>38</sup> <http://www.annuaire-fleuristes.com/articles/symbolique-fleurs.php>

<sup>39</sup> <http://www.gerbeaud.com/jardin/decouverte/langage-fleurs-symbole.php>

### 2-1-2-3- Ny vonin'avoko

Vony na felany amin'ny voninkazo atao hoe avoko ny vonin'avoko. Ny avoko dia voninkazo dia maniry eny an-tanety, mandadina, mavokely ny voniny ary ny vodiny mitovy amin'ny vomanga fotsy sady fihinana. Fampiasan'ny mpanao hainteny anoharana ny vehivavy ao amin'ny akora nampiasainay koa ny vonin'avoko, ny endrika tsara ananan'ity voninkazo ity matetika no itarafana izany. Ny avoko dia sarin'olona tsotsotra na manetry tena ary ahitana izany ity ohatra manaraka ity.

#### **H43: Ala nenina**

*Raha lamba tafina  
firovitra ny tontan'ny ela  
raha vonin'avoko, mandefitra rehefa tsy tiana  
fa raha ny tiana kosa no mahatofoka,  
raha nofidina ka hahamonaina,  
raha ny toerana aleha no atao tany fady,  
raha sangisangy no zary ady,  
ranon-trambo angaha ilay fitia,  
kobaka am-bava angaha irony toky  
very hasina ve izany dina?*

**Dolorès de Valih RANAIVOHARIJOHN**

Oharina eto ny “vonin'avoko” ary ny anoharana dia ny “vehivavy” izay takona, fa ny toetrany “mandefitra” no nahafahana namaritra izany. Ity H43 ity dia hainteny ifamalian'ny lehilahy sy ny vehivavy, ka io ohatra io no sasiny ataon'ny tovovavy, izay mikasika ny fisarahana. Ny “vonin'avoko” no ampitafiana ny toetran'ny olona. Tsy toetran'ny voninkazo izany “mandefitra” izany fa ny olona no manao izany, ka vehivavy no voalazan'ny ampahana hainteny natao ohatra eto.

#### **Sary 5: Vonin'avoko**



“Tsy miseho ny anoharana, tsy ao anaty tarika ny anoharana fa soloina ny toetry ny anoharana ny oharina” (BACRY (P), 1992, tak 55) amin'ity endrika isehoan'ny sarinteny fanovana endri-javatra ity.



Raha amin'ireo ohatra noraisinay ireo, tsy mipoitra ny anoharana fa ny toetra iray ao aminy ny noraisina ary atafy ny oharina. Matetika dia ny olona no anoharana takona ka ny toetrany sisa no atafy ny natiora mba hahafahana mamaritra ny fifanahafana misy eo amin'izy roa ireo.

### **2-2-3- Zava-maniry hafa ilazana ny vehivavy**

Ny zava-maniry hatrany no nentin'ny mpanao hainteny ilazana ny vehivavy. Ankoatra ny voninkazo izay nanehoana ny endrika sy ny toetrany koa ny amontana sy ny fandrotrarana.

#### **2-2-3-1- Ny amontana**

Hazo lehibe pelapela-dravina sady avo no midoroboka fatratra ny amontana. Maitso lalandava ary tsy mba mety ringi-dravina na amin'ny vanim-potoanan'ny ririnina aza.

Tao amin'ny fafana misy ohatra teo ambony, ny amontana ihany koa dia ao anatin'ny zava-maniry nanoharana ny vehivavy. Hita eto ny fifamaritan'ny amontana sy ny vehivavy.

#### **Ohatra:**

**H32: *Samy be rehaka***

(...)

*ianao rofia ravaky ny ala*

*izaho amontana ravaky ny tanàna*

(...)**Bery**

Ny mpisolontena “*ianao*” maneho ny lehilahy ary ny “*izaho*” milaza ny vehivavy.

Ny “*amontana*” no anoharana ny “*vehivavy*” amin'ity ohatra ity.

#### **Sary 6: Amontana**



Toerana fonenan'ny andriana fahiny no nahitana ity zava-maniry ity, izany hoe nampivaka ny tanànany. Tandindon'ny andriana, izany hoe fahamboniana ny amontana satria oharina amin'ny hazo lehibe midoroboka ka ialokalofan'ny vahoaka ary olon-kendry koa. Teto anefa dia noho ny endrika tsara ananan'ny amontana no nanoharana azy tamin'ny

vehivavy ary ilay bikany midoroboka sy tsy mora mihintsan-dravina dia tandindon'ny fitomboan'ny taranaka hatrany.

### **2-2-3-1- Ny fandrotrarana**

Tsy ny kazaram-boninkazo ihany no nampitoviana ny vehivavy, fa misy ihany koa ny kazaram-bozaka toy ny fandrotrarana. Ity dia karazan'ahitra mandady maro tonona. Matetika hita ao anatin'ny fomba fitenin'ny Ntaolo ny fandrotrarana; ohatra amin'izany ilay ohabolana manao hoe “*Fandrotrarana an-tanàna haolo ka mandimby ray tsy satry*”. Izany anefa dia enti-milaza ireo olona izay voatery hiteny ampahibemaso na hikabary satria tsy eo intsony ireo zokiolona tokony hanao izany. Raha ao amin'ny hainteny dia nanoharana ny vehivavy miandry izay ho anjarany ny fandrotrarana.

Ahitana izany ity ohatra manaraka ity

#### ***H30: Fandrotrarana anie aho...***

*Fandrotrana anie aho, fandrotrarana,  
fandrotrarana ery amoron-dalana,  
tsy avy amingana anao  
fa mitana anao mba hiresaka.  
(...)*

**Samuel Maurice**

Ity dia hainteny ataona vehivavy iray, vao mitsiry ny fitiavany eto ka miandry izay ho anjarany izy ary fitiavana matotra no ilainy. Ny “*fandrotrarana*” no anoharana ary ny mpisolo tena “*aho*” izay milaza ny vehivavy no oharina.

### **Sary 7: Fandrotrarana**



### **2-2- Ny vehivavy sy ny natiora**

Nanoharana ny vehivavy tao amin'ny hainteny koa ny natiora izay nanehoana ny endrika sy ny toetrany. Ny voambolana hoe natiora eto dia anasokajianay ireo zavatra tsy manana aina ary hita eny amin'ny lanitra sy ety an-tany. Ny bika aman'endriky ny vehivavy

hatrany no tian'ny sarinteny fanovana endri-javatra haseho rehefa haneho azy. Tsara jerena ny vehivavy saingy sarotra ny maka azy, ary raha sanatria tsy azo dia jerem-potsiny. Noraisinay ho ao anatin'ny natiora ny volana, ny kintana telonohorefy, ny diabolana, ny lohasaha izay nanoharana ny vehivavy tao amin'ny hainteny.

### **2-2-1- Ny volana**

Ny volana dia antontan-javatra mihodina manodidina ny tany nefa mandray hazavana avy amin'ny masoandro, ka io hazavana io no atarany aty amin'ny tany rehefa mifanitsy ny faritra voazavan'ny masoandro aminy sy ny tany. Anisany fahita ao amin'ny hainteny anoharana ny vehivavy ny volana, ny hatsaran-tarehiny no aseho amin'izany, noho izy manana endrika boribory manaitra ny maso eny amin'ny lanitra.

Ahitana izany ity ohatra manaraka ity

**H32: *Samy be rehaka***

*(...)*

*ianao masoandro fahazavan'ny andro*

*izaho volana fanala haizin'ny tany*

*(...)*

**Bery**

Ny “volana” no anoharana ary ny mpisolo tena “izaho” no oharina, izay ny vehivavy no soloin'izy io.

### **Sary 8: Volana 1**



Zava-boary manana endrika tsara ny volana ary noho izany indrindra no nanoharana azy tamin'ny vehivavy teto amin'ity ohatra ity. Matetika miara-miseho ao amin'ny fomba fiteny na oha-pitenenana sy ohabolana ny masoandro sy ny volana. Manome hazavana ny tany amin'ny antoandro ny masoandro ary rehefa miposaka izy dia mazava ny andro; rehefa milentika kosa izy dia maizina ny andro ka ny volana no misolo azy ilay manazava ny alina. Toa mifameno ny masoandro sy ny volana ary tafaraka izy ireo tao amin'ny ohatra noraisinay,

ny masoandro no nanoharana ny lehilahy ary ny volana no nanoharana ny vehivavy. Manamafy ny fanoharana ny lehilahy sy vehivavy amin'ny masoandro sy volana ilay hoe: “*masoandro amam-bolana*” izay ilazana ny ray aman-dreny na ireo loharano nipoirana.

### **2-2-2- Ny diabolana**

Fahazavana avy amin'ny volana no antsoina hoe diabolana, mazava ny alina satria boribory tsara sady mazava be ny volana. Ny “*diabolana*” no anoharana ny “*vehivavy*” ka ny toetrany no ahatarafana izany; izay nampitafiana ny anoharana no nahafahana nanakatra izany. Tsy voatery hitovy toetra amin'ny zavatra anoharana azy anefa no hita ao amin'ny hainteny, fa ity ohatra arosanay manaraka ity izao dia mifanohitra mihitsy.

#### ***H31: Vetson'ny manina***

*Koa bitsibitsiho aminy any, lahy,  
ambarambarao azy indrindra,  
f'izany diabolana an-tanin'olona anie,  
zary manjombona raha tsy eo anilany*

**Martin RAHARISON**

### **Sary 9: Diabolana**



Ny hainteny faha-31 indray dia tsoa-tokana ataon'ny vehivavy, momba ny embona sy hanina, mahatsiaro ny olon-tiany izy. Takona anefa ilay vehivavy ka ny toetrany manjombona no ampitafiana ny “*diabolana*”. Toetran'ny olona ny manjombona fa tsy ho azon'ny diabolana atao mihitsy izany. Eto dia hita fa mifanohitra mihitsy ny diabolana sy ny toetra manjombona, satria ilay hazavana avoakan'ny volana no ampitafiana ny alahelon'ilay vehivavy manina ny olon-tiany. Raha manjombona mantsy dia tokony ho alaelo no hita soritra eny amin'ilay vehivavy ohatra fa tsy hibaliaka toy ny diabolana.

### 2-2-3- Ny telonohorefy

Ny telonohorefy indray dia antokon-kitana telo avaratra andrefan'ny vahandanitra, mamiratra ary manintona ny mijery azy. Miara-miseho amin'ny volana hatrany ny telonohorefy.

Anehoana ny vehivavy ny telonohorefy ka ahitana izany ity ohatra manaraka ity

**H32: *Samy be rehaka***

(...)

*ianao fitarikandro vadi-masoandro*

*izaho telonohorefy vadim-bolana*

(...)

**Bery**

Anisany kintana manazava ny haizin'ny tany ny telonohorefy ankoatra ny volana. Miseho foana ny kintana rehefa alina, maro karana izy ireny ary samy manaitra ny maso ny mijery azy. Raha tao amin'ny ohatra naroso teo ambony dia tsy afa-misaraka amin'ny volana ny telonohorefy.

### Sary 10: Telonohorefy



“*Telonohorefy*” no anoharana ary ny mpisolona tena “*izaho*” no oharina, ary samy natao mpamaritra mivoitra na ny oharina na ny anoharana. Ny vehivavy no soloin'ilay mpisolotena “*izaho*”. Azo lazaina fa mbola tandindon'ny hatsaran-tarehin'ny vehivavy ihany ny telonohorefy izay nanoharana ny vehivavy.

### 2-2-4- Ny lohasaha

Tsy voatery ho zavatra manana aina hatrany no anoharana ny vehivavy. Raha ato amin'ity fizarana ity, na ireo zavatra tsy manana aina aza dia nampitafian'ny mpanao hainteny ny toetran'ny vehivavy, saingy izy ireny anefa tsy haka ny toetran'ny vehivavy izany fa amin'ny alalan'ny sarinteny no ampifandraisana azy ireo. Ohatra amin'izany ny lohasaha. Lempona anelanelan'ny tendrombohitra roa na manaraka ny vodivona ny lohasaha, izany hoe tany tsara amin'ny fambolena satria mamokatra be.

Ahitana izany ity ohatra manaraka ity

**H14: Fitia te hifanatona**

*Eny, ho'aho, ry lohasaha fitoeran-javona,  
tsy ny misondrotra avo anie no manaka-danitra,  
tsy ny mitokantokana anie no miavoana,  
fa ny toetra no samy manana ny azy*

**Martin RAHARISON**

Ny “lohasaha” eto no anoharana ary ny “vehivavy” no oharina, ka ny toetrany “miavona” izay nampitafiana ny anoharana no nahafahana nanakatra izany. Ny lohasaha dia lempona na an-kandempona anelanelan’ny tendrombohitra roa na manasaraka ny vodivona. “Tsy miseho ny anoharana, tsy ao anaty tarika ny anoharana fa soloina ny toetry ny anoharana ny oharina”. (BACRY (P), 1992, tak 55)

**Sary 11 : Lohasaha**



Hainteny ifamaliana miresaka fisarahana io ohatra io ary ampahany amin’ny anjara tenin’ny lehilahy. Anoharana takona ny vehivavy, ary ilay toetrany miavona no ahalalana izany. Ny olombelona anefa no manana an’io toetra io fa tsy ny “lohasaha” mihitsy ary indrindra fa ny vehivavy raha ny hita ao amin’ny hainteny. Raha ity ohatra ity anefa no dinihina, tsy voatery ho ny mitovy no miaraka.

**2-3- Ny karazam-borona sy ny vehivavy**

Anjakan’ny zava-boary ny hainteny, ary amin’ny filalaovana izany amin’ny alalan’ny sarinteny no mahatonga ny olona handinika sy hankafy azy hatrany. Voafaritra ao daholo na ny endrika soa ananan’ny vehivavy sy ny toetra mifanaraka amin’izany. Koa ny biby teto no nitarafana izany ao amin’ity lahabolana ity, izany hoe ireo karazam-borona. Ny vorona dia anarana iantsoana ireo karazam-biby manidina misy elany roa solon’ny tongony anoloana, ka roa ihany ny tongony ary rakotra volo ny tenany. Tsy miteraka izy fa manatody.

### 2-3-1- Ny vivy

Ny vivy dia vorona somary bongobongo maso, miraiki-drantsan-tongotra, mpanao an-tsitrika mba hahazoany trondro hivelomany; manao trano mitsingevaheva eny ambony rano ihany koa ity vorona ity. Azo lazaina fa efa za-drano tsara noho izany ny vivy, satria eny no fonenany. Ahitana izany ity ohatra ity

**H14: *Samy be rehaka***

(...)

*ianao hitsikitsika tompon'ny dia*

*izaho vivy tompon'ny rano*

(...)

**BERY**

Ny “vivy” no anoharana ary ny “izaho” mpisolo tena misolo ny vehivavy no oharina Raha io ohatra io no jerena dia toa hita mirehareha ilay vehivavy ary vonona amin’izay hitranga eo amin’ny fiarahany sy ny olon-tiany sy hizaka izay ho vokany eo. Manamafy izany ity ohabolana ity “*Vivy nanitrika ka bongo mason’ny nahiny*”. Io dia entina ilazana ny olona voan’ny nataony ihany.

### Sary 12: Vivy



Araka izany dia noho io vorona io afaka mikarataka mitady ny sakafony, mahavita ny tenany tsara no nanoharana azy tamin’ny vehivavy raha tao amin’ity hainteny ity. Mihevitra ilay vehivavy far aha izay sakafo hohaniny dia vitany tsara ny mitady izany fa tsy iandrasany ny lehilahy.

### 2-3-2- Ny tsiriry

Vorona iray anoharana ny vehivavy ao anaty hainteny ihany koa ny tsiriry, eto dia ampitoviana amin’ity voroan ity ilay vehivavy. Ny tsiriry dia karazana vorona an-drano mitovitovy amin’ny ganagana, saingy madinika ary manao andiany.

Ny toetrany sy ny endriny no nanoharana azy amin'ny vehivavy ao amin'ity ampahana hainteny manaraka ity.

**H7: *Fitia mampitamby***

(...)

*Tsiriry anie aho ka tsiriry  
rano no iraisana fa rehefa taitra samy lasana,  
ka mivelom-bolo eo amin'ny lasin'ny fiononana,  
nefa tsy vato anie ka hipika raha akambana,  
ary tsy vy ka ho may vao hitambatra.*

**Daniel RANAIVO**

Ity dia hainteny ataona vehivavy, mikasa hisaraka ilay mpifankatia ka ampahafatarin'ilay vehivavy ny vokatr' izany. Ny “*tsiriry*” eto no anoharana ary ny mpisolona tena “*aho*” no oharina.

**Sary 13 : Tsiriry**



Ahitana taratra ny firaisankinan'ny tsiriry ny fiarahany maro be ary ny rano no fonenan'izy ireo. Misy koa anefa karazan'ahitra atao hoe tsiriry izay mpaniry eo amoron-drano; ny fitovian'ireo teny roa ireo no nahatonga ilay fitenenana manao hoe “*Tsy mba tsiriry vorona anie aho, ka hanifi-drano dia lasa, fa tsiriry ahitra, miorim-paka amin'ny tany mando dia maitso*”. Mifanohitra eto ny tsiriry vorona sy ny tsiriry ahitra na dia samy manodidina ny rano ihany aza no ahitana azy ireo.

**2-3-3- Ny akoho**

Iray amin' ireo karazam-borona nampitoviana ny vehivavy ao amin'ny hainteny ny akoho, tsy nofaritan'ny mpanao hainteny anefa na akoho lahy na vavy fa eto kosa dia ny ilazana ny vehivavy ao amin'ny hainteny no iompanana ny asa ka akoho vavy no noraisinay. Ny akoho dia karazam-borona mpitsindroka, somary boribory vatana bontolontolo vava somary mamokotra, fohifohy elatra ka tsy afa-manidina lavitra. Biby fiompin'ny olona ny akoho noho ny henany sy ny atodiny. Anisany biby fiompy mora tamana ny akoho. Efa



fananan'ny tena ny akoho ary tsy afaka mandeha any an-kafa intsony, izany hoe mariky ny fifanajana. Misy dikany hafa ihany koa ny akoho, raha misy vahiny tonga ao an-trano dia amonoan akoho mba ho mariky ny fanajana azy; efa tsy dia fahita intsony anefa izany raha tsy any ambanivohitra sisa. Anisany fanao sorona<sup>40</sup> ihany koa ny akoho rehefa tsy misy omby. Rehefa misy lanona koa dia misy ny vody akoho atolotra ny raiamandreny be tonga manotrana izany ho fanomezam-boninahitra sy ho fanajana azy.

#### Sary 14: Akoho 1



Ahitana izany ity ohatra manaraka ity

***H44: Voanemba nipitika an-joro***

*Nataonao akofa va aho, izany havako izany,  
ka tsofin-drivotra dia hiankandrefana?  
hazo tokana an-kadilalana ve  
ka avela ho tenain'ny rivotra irery?  
mavomavo ve dia ariana?  
raha maivana va re, hono, dia atsipy?  
fa nahoana raha havanina ka tiavina?  
Koa raha fitiavana tsy mifandanja ve rahavako,  
tsy aleo misaraka tsy misy maratra?  
Noheveriko ho akoho diso fisoko mantsy aho  
ka atosika mamatonalina,  
ny vahy tsy ampoky ny ala  
ka ampandadiana amin-kazo tsy fantatra?*

**L. Xavier Randrianavy**

Ity hainteny ity dia ataona vehivavy irery momba ny fisarahana, ary mbola manantena izy fa hahazo ny anjarana indray. Eto dia ny “akoho” no anoharana ary ny mpisolo tena “aho” no oharina, ka ny vehivavy no soloin'ilay mpisolo tena satria ny vehivavy eto no manao ilay hainteny. Tsy voafaritra mazava na akoholahy na vavy no tian' ny mpanoratra hainteny ho lazaina fa hevirinay kosa fa ankehovavy satria hainteny ataon'ny vehivavy ity,

<sup>40</sup> Zavatra na biby atolotra ny mpivavaka ho fanatitra solon'ny tenany amin'Andriamanitra, na ihany koa fisaorana ny razana rehefa nisy zava-tsoa azo.

ary ny vehivavy no iompanan' ny asa. Tsy voatery ho kazaram-borona foana no anoharana ny vehivavy ao amin'ny hainteny, misy hafa ihany koa, toy ny adrisa, vitsika ary omby izay tafiditra ao amin'ny sarinteny fanovana endri-javatra mivantana. Ny karazam-balala ihany koa dia ampitoviana ny vehivavy eto. Ny adrisa dia anarana ilazana ny vavy amin'ny karazam-balala iray, izay atao hoe aketa ny lahy.

### Sary 15: adrisa



Hita izany ao amin'ity ohatra ity

**H26: Ny tia sy ny tsy tia**  
( *Setriny* )  
*Ny adrisa sy ny kibobo, adriamatoa,*  
*toa samy hafa loatra;*  
*ka ny fomba sy fanao hiaraha-manana*  
*tsy ampy hambomba antsika hiray toerana;*  
*fa raha ianao kibobo,*  
*izaho kosa adrisa...*  
*fa raha ianao kobobo*  
*izaho kosa adrisa*

### RIVOTR' ALA

Ity dia hainteny ifamalian'ny lehilahy sy ny vehivavy momba ny fitsiriam-pitiavana, ka io ohatra noraisinay io dia ampahany amin'ny valin-tenin'ilay vehivavy.

Misy biby nampitoviana tamin'ny vehivavy koa anefa fa tsy tafiditra ao anatin'ny karazam-borona. Tsy inona izany fa ny vitsika. Io biby io dia nampitoviana tamin'ny vehivavy, izay biby kely bitika, lavalava vatana. Any anaty lavaka no asiany ny tranony. Na biby anisany bitika azan y vitsika dia mahay miray hina, ahitana izany eo amin'ny fomba fitadiavany sakafo sy fanamboarany trano. Nakan'ny olona anatra eo anivon'ny fiarahamonina ihany koa ny fiainan'ny vitsika.

## Sary 16: Vitsika



Ity ohatra manaraka ity izao dia ahitana ny fampitoviana ny vehivavy amin'ny vitsika

### ***H36: Sodokan'ny andro diavolana***

*Nataonao akofa va aho, izany havako izany,  
ka tsofin-drivotra dia hiankandrefana?  
hazo tokana an-kadilalana ve  
ka avela ho tenain'ny rivotra irery?  
mavomavo ve dia ariana?  
raha maivana va re, hono, dia atsipy?  
fa nahoana raha havanina ka tiavina?  
Koa raha fitiavana tsy mifandanja ve rahavako,  
tsy aleo misaraka tsy misy maratra?  
Vitsika momba kitay aho mantsy,  
tsy tany tsy tiana noho ny sitra-po.  
Nilalao rano aho ka sendra ny voay,  
nilalao fitia aho ka votso-droa,  
nitsipa-doha laka-nitana  
ka nenina no niafarany.  
(...)*

**Ludger Xavier RANDRIANAVAHY**

Ity dia hainteny ataona vehivavy iray, manenina fa niroso tamin'ny fanambadiana kanefa tsy nahatana ny toky nifanomezana fa nangala-pitia tamin'ny hafa ary rava noho izany ny tokantranony. Ny “vitsika” no anoharana ary ny ny mpisoloto tena “aho” no oharina. Manina ny tany niaviany izy satria ravan'ny “kilalaom-pitia” ny akany naoriny. Mbola nanoharana ny vehivavy koa ny omby. Eto anefa dia ilay omby lahy izay manana ny tanjany tsara no ampilaharina aminy.

### ***H32: Samy be rehaka***

*(...)  
ianao omby manga taranaky ny haolo,  
izaho omby tanakay ny mahery  
(...)*

**BERY**

## Sary 17: Omby



Anisany harena raha amin'ny Malagasy ity biby ity. Noho izy manana toetra heverina ho “*mandinika*” (Toy ny omby miraoka ahitra, ka ny azo maraina dinihina ny antoandro ary ny azo hariva dinihina ny alina, hoy ny ohabolana) sy harena no mety ho nanoharana azy tamin'ny vehivavy tao amin'ny hainteny niasanay. Ny omby dia mahavita zavatra betsaka ary naman'ny olombelona eo amin'ny fiainana, indrindra fa ny sehatry ny fambolena. Ahazoana tombontsoa maro ny omby toy ny henany izay hatao sakafo; ny hodiny hanamboarana kiraro, poketra; ny taolany azo anaovana fanafody; ny tainy atao zezika, izany hoe tsy misy very mihitsy ny amin'ny vatan'ny omby. Ny omby koa no biby betsaka mamono hanaovana sakafo rehefa misy fomba atao toy ny fanambadiana, fandevenana na eto Imerina izany na any amin'ny faritra hafa manerana an' i Madagasikara. Rehefa misy zava-tsoa azo dia anisany fanaovana sorona ho fisaorana ny Zanahary sy ny razana ihany koa ny omby.

### 2-4- Ireo fitaovam-piarovana sy ny vehivavy

Nanoharana ny vehivavy tao amin'ity hainteny ity ireo fitaovana iarovan-tena raha sendra misy ady, ary asehony fa mitovy amin'ny lehilahy izy satria toa izy ireny hatrany no mampiasa izany. Miaro ny tenany izy, nefa koa afaka miaro ny tanànany. Ny lehilahy hatrany no tsy maintsy manana adidy voalohany hiaro ny fananany sy ny vady aman-janany. Ao amin'ity ohatra manaraka ity anefa dia ny vehivavy no mandray ny toeran'ny lehilahy.

### Fafana 4: Ny vehivavy sy ny fitaovam-piarovan-tena

Hainteny	Anoharana	Oharina	Endri-pifamaritana
<i>H32: Samy be rehaka (...) ianao manda aron'ny vohitra izaho fefy avo tsy azo ihoarana;</i>	<i>fefy</i>	<i>Izaho</i>	Samy natao mpamaritra mivoitra na ny anoharana na ny oharina

<i>ianao tandroka aron'ny vozona izaho ampinga aron'ny loha; ianao baka mahay manorirana izaho kirongo tsy azo idirana; (...) <b>BERY</b></i>	<i>ampinga kirongo</i>	<i>(vehivavy) Izaho Izaho</i>	
---	----------------------------	---------------------------------------	--

### 2-4-1- Ny fefy

Ny fefy dia vala fiarovana sy fisakanana, fetra tsy azo ihoarana; ny andry kosa tohana mijoro vita amin'ny biriky na hazo na vato. Teto anefa dia ny vita amin'ny hazo no noraisinay ary sary fanehoana ihany izany. Toa lasa maka ny anjara toeran'ny lehilahy ilay vehivavy satria tokony ho izy no hiaro ny ankohonany, saingy raha ny tao amin'ity hainteny ity kosa dia nandoka tena ilay vehivavy ary mihevitra fa mahavita ny andraikitra tokony hosahanin'ny raim-pianakaviana. Ny “*fefy*” no anoharana, ny mpisolo tena “*izaho*” no oharina ka ny vehivavy no soloin'io mpisolo tena io. samy hita ao anaty fehezantany ny anoharana sy ny oharina.

### Sary 18: Fefy



Zavatra sarobidy no fefenana sy arovana mba tsy ho simba sy tsy ho azon'ny fahavalo. Na ihany koa zavatra afenina tsy ho hitan'ny manodidina. Zavatra lehibe ary avo ka tsy ho hitan'ny any ivelany no fefena ao raha ny hita tao amin'ny ohatra noraisina. Raha ny manda no nanoharana ny lehilahy dia ny fefy kosa no anoharana ny vehivavy; afaka mifampitaha ireo fa zavatra mitovitovy ihany satria samy hiarovana mba tsy ho tratran'ny fahavalo.

### 2-4-2- Ny ampinga

Fitaovana natao hiarovana ny tena rehefa miady ny ampinga, raha ato amin'ity hainteny ity anefa dia ny vehivavy no oharina amin'izy io. Amin'ny ankapobeny, ny lehilahy hatrany no mandray anjara amin'ny ady, fa ny hita eto kosa dia maka ny toerany ilay

vehivavy rehefa tojo fisarahana. Ny “*ampinga*” no anoharana raha toa ka ny mpisolo tena “*izaho*” no oharina. Ny vehivavy no manao an’io hainteny io ka izy ilay oharina takona; ny seha-kevitra hatrany no nahafahana nanakatra izany.

### **Sary 19: Ampinga**



Ny ampinga indray dia hazo boribory toy ny sahafa kely, mafy sy matevina ary misy fiazonana avy ao anatiny, ka ampiasaina mba hiarovan-tena amin’ny toambo-defona. Noharina tamin’ io ny vehivavy ary naka ny toeran’ny lehilahy hatrany, koa raha misy ny ady dia afaka miaro tena tsara izy. Ny lehilahy noharina tamin’ny tandroka ary ny vehivavy tamin’ny ampinga; samy fiarovana ny tena ireo rehefa misy ny ady hifanandrinana.

### **2-4-3- Ny kirongo**

Ny kirongo dia etina ilazana tandrok’omby miendri-bolantsinana, izany hoe boribory tsara ary mifanatona ny tendrony sy fotony. Ny “*kirondro*” no anoharana ary ny mpisolo tena “*izaho*” no oharina tao amin’ny ampahana hainteny noraisinay. Ity ohatra ity moa dia ny vehivavy no miangaly azy ka izany no nahatonga ilay mpisolo tena.

### **Sary 20: Kirongo**



Ny tandroka dia anisany fitaovana fiarovan'ny omby tena raha sendra ady, ary mety hamoy ny ainy mihitsy ny mpifanandrana aminy raha tratran'ny tandrony maranitra. Nanoharana ny “*vehivavy*” ny “*tandroka*”, izany hoe afaka miaro ny tenany izy ary fitaovam-piadiana ho azy koa izany.

## **FEHIN' NY FIZARANA FAHAROA**

Lahabolana voaravaka sarinteny sy fomba filazan-javatra miavaka sy mihataka amin'ny andavanandro ny hainteny. Anisany manan-karena sarinteny raha samy kantombolana nefa izy noho ny fisian'ny sarinteny isan-kazany mandravaka azy. Naseho sy nohadihadiana tamin'izany ireo karazana sarinteny fanovana endri-javatra nanehoana ny vehivavy. Fahita matetika ao amin'ny literatiora malagasy ny sarinteny fanovana endri-javatra. Misy karazany izany fa ny tato amin'ity fizarana ity dia ny nosokajinay ho sarinteny fanovana endri-javatra mivantana, izany hoe samy hita ao anaty fehezanteny ny anoharana sy ny oharina. Amin'ny ankapobeny anefa, ankolaka hatrany ny sarinteny, fa ity kosa dia ireo karazana sarinteny fanovana endri-javatra ankoatra ny ankolaka, izay ahitana ny sarinteny fanovana endri-javatra avy amin'ny fifamaritan'ny oharina sy ny anoharana. Teo amin'ireo karazan-tsakafo sy ny biby ary ny karazam-pitaovana no endrika nisehoan'izany tao amin'ny akora fototra. Hita tao koa ny sarinteny fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fanafiana ny toetry ny anoharana sy oharina. Tamin'ny alalan'ny toetran'ny vehivavy izay nampitafiana ny lohasaha, ny diabolana, ny vonin'avoko. Hita tao amin'ity fizarana ity koa ny sarinteny fampitoviana ny anoharana sy ny oharina ka tamin'ny alalan'ireo karazam-boninkazo sy karazam-borona no nampisongadinana izany. Teo amin'ny lafim-pitiavana rehetra no nahitana ny fampiasan'ny mpanao hainteny ny sarinteny fanovana endri-javatra.



## **FIZARANA FAHATELO**

### 3- NY VEHIVAVY SY NY SARINTENY FANOVANA ENDRI-JAVATRA ANKOLAKA

Isan'ny zava-kanto fampiasan'ny Merina taoamin'ny fiainany ny hainteny, “*Ny literatiora dia zava-kanto vita amin'ny teny. Arindra hanana endrika kanto ny votoatin-kevitra sy ny fomba filazan-javatra*” (WELLEK sy WARREN: 1971, tak 115. Iray amin'ireo zava-boary noforonin'Andriamanitra ny olombelona, ny lehilahy no namboarina voalohany ary rehefa nahatsapa ny Mpahary fa irery izy ka mila namana dia nanamboatra izay ho namany, raha ny tara-kevitra ara-baiboly. “*Amin'izao, ity ny taolana avy amin'ny taolako sy ny nofo avy amin'ny nofoko. Antsoina hoe vehivavy izy satria nalaina avy amin'ny lehilahy*”.<sup>41</sup> Araka izany, mifanampy sy mifameno ny lehilahy sy ny vehivavy eo amin'ny fiainana. Na izany aza, misy anarana iantsoana ny vehivavy izay miavaka sy mampiavaka azy ary ahitana taratra izany ao anatin'ireo hainteny nokirakiraina. Arakaraka ny zava-misy sy ny toerana misy azy anefa izany. “*Zava-kanto vita amin'ny teny ny literatiora*”, (RAJAONA Siméon, 2000), izany hoe zavatra tsara sy miavaka ary tsy fahita firy fa mihataka amin'ny mahazatra ny zava-boarakitra ao aminy. Anisany maneho ny maha kanto ny literatiora ny sarinteny isan-karazany, miolakolaka nefa vao mainka mampivohitra ny hakantony ary mitarika ny olona handinika lalina amin'ny alalan'ny fanakarana izay tian' ny mpamorona holazaina. Sarinteny isan'ny be mpampiasa sy manan-danja ao amin'ny literatiora malagasy kosa ny fanovana endri-javatra, izay tsy inona akory fa fanoloana teny iray amin'ny teny hafa izay tiana holazaina, mihataka amin'ny andavanandro nefa fototra mahakanato ny asa soratra iray. “*Ny fanovana endri-javatra dia sarinteny amindrana ny hevitra ara-bakiteny ananan'ny teny iray*”<sup>42</sup>.

“*Inona moa ny vehivavy fa tsy bakoly tsara tarehy natao hahafinaritra ny maso ary trano be soa natao honenana sy hanjakan'ny mahery kokoa noho izy*” (GERMAINE: 1927, in Gazety Fandrosoana vaovao, lah 04). Ny fandinihana ireo sarinteny fanovana endri-javatra manasongadina ny hasoan'ny vehivavy izany indrindra araka izany no iompanan'ity fizarana fahatelo amin'ny asanay ity. Anisan'ny mahakanto ny literatiora ny fomba filazan-javatra ankolaka, indrindra fa voaravaka sarinteny isan-karazany izay miainga amin'ny hatsaran'ny zava-boary. Ny atao hoe “*fanovanan endri-javatra ankolaka dia fanafoanana ny anoharana, ka ny oharina no miseho ary miray seha-kevitra amin'ny anoharana ireo teny maneho fanovana endri-javatra, ary amin'izay no ahafahana manakatra ny anoharana* ” (BACRY

<sup>41</sup> Genesisy II : 22-24

<sup>42</sup> Famaritana nataon' i Du Marsais notaterin-dRAJAONA Siméon « *la métaphore est une figure par laquelle on transporte, pour ainsi dire, la signification d'un mot à une autre signification qui ne lui convient qu'en vertu d'une comparaison qui est dans l'esprit* »

(P), tak 56-57). Ireto ary misy ohatra mifanaraka amin'io famaritan' i Bacry io, izay loharanon'ny haitsikera ilafihan'izao asa izao.

Ahitana fanomezan-danja ny zava-boary hatrany ny hainteny, ka voaresaka ao avokoa na ny zava-maniry na ny biby na ny tsy mananaina na ny manana, araka izay hita amin'ireto ohatra manaraka ireto.

**H10: Fitia mifamaly va ?**


(...)

*Nitondranao fitia safomorona aho,  
ka nivimbina dinam-pitiavana!  
Ka tandremo sy mba alaviro mantsy  
ny mifanao vato tsindry ahazana  
ka rehefa maloka ny tara-masoandro  
dia any an-kady no toerana mendrika.  
Fa ataovy fitia jijikely aho  
izay tsy miala eny am-bozonoa,  
dia hataoko fitiavam-baliha ianao,  
ka ho rontsoniko rehefa mikalo aho!*

**Rose BENJA**


**Kisary 1: Ny sarinteny fanovana endri-javatra ankolaka ilazana ny vehivavy**

Haingo, firavaka, vozona



**Famindrana**

Haingo, firavaka,



**Valin' ny famindrana**

Maneho ilay anoharana takona izay tsy miseho ity kisary ity, fa amin'ny alalan'ny fanakaran-kevitra sy ny hodidin'ilay teny fanovana endri-javatra no ahitana azy. Ilay tsipika mijidina maneho ny lafiny iray karazana na “*axe paradigmatique*”, ka izany no nampiarahanay ireto teny manaraka ireto: haingo, firavaka, vozona. Ny tsipika mitsivalana kosa ahitana ireo lafiny iray tarika na “*axe syntagmatique*”. Ilay tondro miala eo amin'ny voanteny “*vozona*” mankeo amin'ny “*jijikely*” kosa dia fametrahana azy ho iray tarika amin'ny “*jijikely*”.

Ataona lehilahy ity hainteny ity ary miresaka momba ny fitsiriam-pitiavana, saingy rehefa nodinihina anefa dia ahitana resaka ifamaliany amin'ny vehivavy ary ampahany amin'ny valin-teny ataon'ity farany io ohatra noraisina io.

Ny oharina eto dia ny “*jjikely*”, fa anoharana kosa ny “*firavaka*”, izay fantatra amin’ny alalan’ny teny milaza fanovana endri-javatra “*vozona*”. Anisany haingo manome endrika ny olona iray ny firavaka ary manatsara ny fisehony amin’ny manodidina izany. Azo lazaina ho ny vehivavy no firavaky ny lehilahy eo amin’ny fiainana, araka ny voalazan’ily fomba fiteny eo amin’ny fiarahamonina izay mamaritra azy ireny ho “*ravaky ny tokantrano sy rado haingon’ny vozona na koa tsipelamanga ravaky ny tanety...*”; fandre matetika ao anaty kabary.

### **3-1- Ny zava-maniry anehoana ny vehivavy**

Iray amin’ireo zava-boary miantoka ny fiainan’ny olombelona ny zava-maniry, mitondra rivotra madio, azo atao sakafo mahavelona nefa koa mahafinaritra ny maso ny mahita ny hakantony. Izy ireny anefa dia azo itarafana ny mombamomba ny vehivavy na eo amin’ny endriny na ny toetrany.

Dingana iray tokony harahina ao amin’ny fampiharana ny haitsikeran’i Bacry ny fanitarana, izany hoe asongadina mazava tsara ireo fomba filazan-javatra mampiavaka ny akora izay tsy voatery hitovy tanteraka amin’ny ao anatin’ny boky haitsikera. Rehefa nohadihadiana lalina anefa ny akora, tsy mitovy fomba fijery amin’ i Bacry izahay raha hanao ny famaritana ny sarinteny fanovana endri-javatra ankolaka. Tsy miseho ny oharina fa ny anoharana no hita, ary ny seha-kevitra no ahalalana ny oharina. Betsaka tao amin’ny hainteny anehoana ny vehivavy izany.

Amin’ity lafiny ity anefa dia ny fanovana endri-javatra fanafoanana ny oharina no mivongady, izany hoe ny oharina tsy miseho fa ny sehatra no ahalalana ity sarinteny ity. Amin’izao asa izao, ny zava-maniry, ny biby ary ireo zavatra tsy manana aina no ahitana ny sarinteny fanovana endri-javatra ankolaka anehoana ny vehivavy. Amin’ny alalan’ny zava-boary hatrany no ahitana azy ireny, izay mifandroy sy miankina amin’ny fiainan’ny zanak’olombelona. Hodinina ato amin’ity fizarana ity ny fanovana endri-javatra ankolaka anehoana ny endriky ny vehivavy sy ny toeny ary ny mampiavaka azy amin’ny lehilahy.

#### **3-1-1- Ny karazam-boninkazo sy ny vehivavy**

Misy ny tsirin-kevitra tonga ao an-tsaina avy hatrany raha vao miresaka voninkazo, mety ho noho ny endriny na ny hanitra atosany na ny tany aniriany sy ny maro hafa no loharano ipoiran’izany ka mby an’eritreritra miaraka amin’izay ny faminavinana na ny fampilahaarana azy amin-java-kafa; ny vehivavy ohatra. Ny voninkazo amin’ny ankapobeny sy ireo karazam-

boninkazo no anoharana ny andriambavilanitra eto amin'ity ampaham-pizarana amin'ny asanay ity ary itarafana ny toetra sy ny endriny.

### 3-1-1-1-Ny voninkazo

Ny voninkazo dia anisany sarinteny fanovana endri-javatra ilazana ny vehivavy ao amin'ny hainteny, noho io zava-boary io manana endrika tsara. Zava-boary nomen'ilay Nahary hanjakan'ny olombelona ny voninkazo. Ny voninkazo dia organa mampitombo taranaka ny ankamaroan'ny zava-maniry, izay mizara roa: ny fitoeram-boa ary ny ravimbony, izay mazàna miloko sy manana endrika mahafinaritra. (RAJEMISA (R.R), 1995, tak 1045)

#### Sary 21: Voninkazo



Noho io zava-maniry io manana endrika kanto sy mahasarika ny mason'ny mpitazana no antony nanoharan'ny mpanoratra hainteny ny vehivavy aminy. Amin'izany fifandraisan'ny hatsaran-tarehin'ny roa tonta izay, matetika voaresaka na ny tany naniriana, na izay mikolokolo azy, na ny mpioty ary indrindra fa ny felany sy ny voniny.

#### Fafana 5: Fanoharana ny vehivavy amin'ny voninkazo

Hainteny	Anoharana	Oharina
<p><b>H12: Fitia rendrika an-tsasa-dalana</b>  <i>Saingy vorona manana ny ampy ve ka hianjona akotry ary tsy tia vatokely? asakasakareo manan-ko antenaina raha ny bozaka no mandoro ka ny voninkazo avy no hongotana</i>  <b>HANITR'HAR'SOLO</b></p>	<p><i>Voninkazo</i></p>	<p>Vehivavy</p>
<p><b>H19: Tofo-pitia</b>  <i>Ny goaika liam-boanjo, ndriamatoa, no mihehy tany manasatr'olona,</i></p>	<p><i>Voninkazo</i></p>	<p>Vehivavy</p>

<p><i>ary ny vorompotsy no tsy mahafofy omby noho ny kongona indraim-bava; fa izahay, na tsy voninkazo marevaka an-jaridaina aza, avoko an-tampon-tanety manaja ny tany aniriany;</i> <b>DIERAN' IARIVO</b></p> <p><b>H21: Samy tofoka</b> <i>Voninkazo madini-pivelatra aho, ndriamatoa, ka tsy te hitaha fehezana amin-dalià mirongaronga; voninkazo eny an-tanan'olona; tsy mitady ny hafa indray, raha sahala amin'ny mbola handaingo, ny eny an-tanimboly miandry mpioty. (...) Fa ankehitriny kosa aza gaga raha ny songosongo natao fefim-boly no mitovy torosy amin'ny voninkazo; ny kotrokotro-bato tery amoron-kady no mahazo haja ery ambony latabatra.</i> <b>DIERAN' IARIVO</b></p> <p><b>H43: Ala nenina</b> (...) <i>Raha voninkazo mantsy, hono, malazo ny fomban'ny maina; Raha lamba tafina firovitra ny tontan'ny ela;</i> <b>Dolorès deValih RANAIVOHARIJOHN</b></p>	<p>Voninkazo</p> <p>Voninkazo</p>	<p>Vehivavy</p> <p>Vehivavy</p>
--	-----------------------------------	---------------------------------

Maneho ampahana sarinteny hita tao amin'ny akora fototra ity fafana ity ka mampivohitra ny fanoharana ny vehivavy amin'ny voninkazo amin'ny alalan'ny sarinteny fanovana endri-javatra ankolaka.

Ny H12 : hainteny ataon'olon-droa miresaka momba ny fisarahana, ka anjara tenin'ny vehivavy io noraisinay io.

Ny H19 : hainteny ataon'ny vehivavy, nefa ahitana fifamalian-dresaka, izany hoe lehilahy no miteny voalohany ; io ampahany noraisinay io dia anjara fitenenan'ny vehivavy.

Ny H21: hainteny ataon'ny vehivavy momba ny fisarahana.

Ny H43: hainteny ifamaliana miresaka fisarahana hatrany ary anjaran'ny vehivavy no ohatra noraisina eto.

Ny “voninkazo” hatrany no anoharana ary ny “vehivavy” no oharina amin'ireo ohatra rehetra ireo. Tsy hita mazava anefa io oharina io, fa ny hodidin'ilay sarinteny fanovana endri-javatra ankolaka no ahafantarana izany, izay hita tao amin'ireo hainteny miresaka momba ny

fisarahana. Toa toe-javatra mifanohitra izany satria ny voninkazo eto dia maneho hatsarana kanefa amina toe-javatra mampivohitra lafy ratsy eo amin'ny fiainana tahaka ny fisarahana sy faharavam-pitiavana no nampiasaina azy. Matetika anefa, raha ny fahita eo amin'ny andavanandrom-piainana, ampidirina an-tsehatra mba hilazana hevitra tsy voaloaky ny vava na tiana homarihina manokana ny fampiasana ny voninkazo, tahaka ny fitoriam-pitiavana amin'olona iray. Izany fomba filazan-javatra toa mifanohitra amin'ny heverina ho mahazatra izany dia isan'ny mahakanto ny vokatry literera, araka izay hita ao amin'ny hainteny.

Efa fomban'ny Malagasy hatramin'izay ny miolakolaka rehefa maneho hevitra na milaza zavatra iray, ary fahita ao amin'ny lahabolana ny fampiasana sarinteny fa indrindra ny fanovana endri-javatra. Ataony kisarisary ary miankina amin'ny endriky ny zavatra iray ny hevitra tiany hambara, ka izay tsara sy mahasarika ary manintona ny lehilahy no anoharana ny vehivavy. Manan-karena sarinteny toy izany ny hainteny, indrindra fa ny akora nanaovana ny fanadihadiana ary misongadina amin'ireny ny karazam-boninkazo izay maneho ny hasoan'ny andriambavilanitra.

### **3-1-1-2- Ny lisy**

Anisan' ny karazam-boninkazo anehoana ny vehivavy ny lisy ary tsara tarehy izy io. Nampiasain'ny mpanao hainteny hanondroana ny vehivavy io zava-maniry io ao amin'ity ampahany noraisina ho ohatra ity.

#### **Ohatra:**

##### ***H17: Fitia sahy sedra***

*Ary lonjony va no manorisory fa maloka?  
Mba hamendrofendro ny itony saiko efa maloka.  
Fantatro, r' ilay voahangy irony,  
Fa ny taratrao malefaka anie  
No balisama antenain' ity singany irery,  
ny hasoan'ny tsirim-bolafotsy hatafinao  
mampanjelatra ireo onja alin-kisa  
no manafosafy 'ilay fanahy torovana.  
Sa kosa vizaky ny lalan-davitra  
ka hitambesatra alahelo  
ity aty ambadiky ny bonga ?  
Izaho, re lahy, no hafatro ho azy :  
efa akaiky, hono, ve ny ora volamena  
hitrotoana ilay lisim-pitiavana?*


#### **Suzane RAVONIARISON**

Hainteny ataon'olon-droa izy ity, ka ny lehilahy no manao ny sasiny ary ny vehivavy no milaza ny setriny momba ny fitsiriam-pitiavana izay noraisinay eto. Tsy nofaritan'ny mpanoratra anefa teto hoe toy inona ny lokon'ny lisy nampiasainy, saingy noho ity hainteny

ity miresaka momba ny fitsiriam-pitiavana dia heverinay fa mifanoaka amin'ny hodidin'ny resaka ifanaovana ny lokony fotsy izay nanoharana ny toetoetran'ilay vehivavy. Ho an'ny tontolom-pisainana kristianina, ohatra, midika ho fahadiovana ny fotsy, raha ny mifanohitra amin'izany kosa ho an'ny Malagasy ( ohatra : fotsy maso, fotsy feo, fotsy varavarana, mandry fotsy, fotsy fanahy, rano fotsy, fotsy hatsatsatra... izay toa samy maneho toe-javatra ratsy avokoa ny ankamaroany). Ity voninkazo ity anefa dia heverina ho tandindon'ny fahadiovana noho ny lokony, ka ny fanehoan'ny vehivavy izany toetra izany no nanoharana azy tamin'ny lisy.


**Kisary 2: Ny filazana ny vehivavy sy ny voninkazo**

zava-maniry, voninkazo, lisy



**Famindrana**

zava-maniry, voninkazo



**Valin'ny famindrana**

Eo amin' ity kisary ity, ny tsipika mitsangana ahitana ny lafiny iray karazana, izany hoe ny zava-maniry, ny voninkazo sy ny lisy. Ny tsipika mitsivalana indray dia maneho ny lafiny iray tarika, dia ny “ora volamena” sy ny “lisy”. Ity kisary ity dia mampiseho ilay famindrana ny voanteny “lisy” ho iray tarika amin'ny voanteny “ora volamena” tamin'ny alalan'ilay tondro niainga teo amin'ny “lisy”.

Ny oharina eto dia ny “ora volamena”, ary ny anoharana kosa dia ny “voninkazo”, izay fantatra amin'ny alalan'ny sarinteny fanovana endri-javatra “lisim-pitiavana”.

Ny lisy dia karazam-boninkazo fianakaviamben'ny “liliacées”, ny raviny boribory lavalava maitso mangirana ary ny voniny fotsy mangatsohatso sady manitra miendrika vazzy eo an-tendron-tahony. Iray amin'ireo karazam-bonikazo tsara tarehy ny lisy.



## Sary 22: Lisy



Sarin'ny fahadiovam-pitondran-tenan'ny vehivavy no asongadin'ny loko fotsy, raha eto amin'ity ampahana hainteny noraisinay ohatra ity. Araka izany, vehivavy tsara tarehy sady mbola madio no andrasan'ilay lehilahy. Ny voninkazo tsara endrika maneho ny hatsaran-tarehin' ny vehivavy izay vao hitoriana fitiavana no tiana holazaina eto. Fanaon'ny lehilahy rehefa te hambabo ny fon' ny vehivavy ny manohatra azy hatrany amin'ny zavatra tsara tarehy, satria *“izay tiana tokoa mitombo tarehy”*, hoy ny Ntaolo. Tsy miseho mivantana anefa ny anoharana amin'ity ohatra ity, fa ny seha-kevitra no ahalalana izany.

Fanehoana ny hatsaran-tarehin'ny vehivavy no nisongadina tao amin'ny sarinteny fanovana endri-javatra ka ny zava-maniry na ny hafa izay mety hanana endrika manintona no anoharana azy amin'izany. Noho ny fisian'ny lalan-tsaina ilafihan'ny asa fikarohana dia nampanarahana ny tao amin'ny haitsikeran'i Bacry ny famoaboasana ireo ohatra ireo

### 3-1-1-3- Ny avoko

Zava-maniry nanehoana ny hatsaran-tarehin'ny vehivavy ihany koa ny *“avoko”* sy ny *“vonin'avoko”*. Mananana loko manintona ity voninkazo ity, ary mety ho noho izany hakantony izany no mahasarika ny lehilahy aminy. *“Tatamo ravaky ny farihy ny vehivavy”*, hoy ny mpikabary mandritra ny fangataham-bady. Noho izany endriny izany anefa no manintona ny lehilahy aminy, ary toa mahasarika kokoa aza ny hamantatra izay momba azy rehefa aseho an-tsary amin'ny alalan'ny sarinteny izy ao amin'ny literatiora, toy ny hita amin'ny hainteny izay ifotoran' ny asa fikarohanay. Amin'ny ankapobeny, ireo zava-boary manana endrika tsara hatrany no anoharana ny vehivavy ao, ka isan'ireny ny *“avoko”* na ny *“vonin'avoko”*.

**Fafana 6: Ny vehivavy oharina amin'ny avoko**

Hainteny	Anoharana	Oharina
<p><b>H6: Nenina va?</b>            (...)            Ny habakabaka anie            ka malalaka hanidinana,            ny farihy midadasika hilomanosana,            saingy ny elatra enti-mikopaka            no sao mivika eny am-pihazana!            Ka etsy nge,            ny voaloboka nahazo tany aniriana anie            mba te hiansampy amin'ny talantalana            ary ny avoko eny an-tanety            mba mitady rano hanondraka            <b>DIERAN'IARIVO</b></p>	<p>Avoko</p>	<p>Vehivavy</p>
<p><b>H19: Tofo-pitia</b>            Ny goaika liam-boanjo, ndriamatoa,            no mihehy tany manasatr'olona,            ary ny vorompotsy no tsy mahafoy omby            noho ny kongona indrain-bava;            fa izahay, na tsy voninkazo marevaka an-jaridaina            aza,            avoko an-tampon-tanety            manaja ny tany aniriany;            na tsy miranga fiseho toy ny dalia mihoatra tamboho            aza,            violety miafim-paniry talaky mason'ny olo-mihaja            <b>DIERAN' IARIVO</b></p>	<p>Avoko</p>	<p>Vehivavy</p>
<p><b>H7: Fitia mampitamby</b>            Gaga aho            f'ity ianao nisoratra ho ambolo            no nanjary aketa fatra-pitsipika;            ary vonin'avoko natao haingon-trano            ka voahasoaso vao mitolefika,            <b>Daniel RANAIVO</b></p>	<p>Vonin'avoko</p>	<p>Vehivavy</p>
<p><b>H14: Fitia te hifanatona</b>            (...)            Raha toa anay, ry lahy,            mba jerijereo Ralohasaha,            mba todiho maso Ratany lemaka,            fa efa fomba anie ny avo sy iva            fa kodiaran-tsarety ny fiainana etoana ;            ka raha eny an-tampon'Imanerinerina ianareo,            mba mbombay elatra izahay            hitafy ny lamba mafana,            hiravaka vonin'avoko,            fa izay mahavangivangy tian-kavana!            <b>Martin RAHARISON</b></p>	<p>Vonin'avoko</p>	<p>Vehivavy</p>

Ity fafana ity dia ahitana ampahana hainteny hita ao amin'ny akora fototra. Ny tsanganana voalohany ahitana ohatra tao amin' ny hainteny, ny faharoa indray misy ny anoharana ary ny fahatelo ny oharina.

Hainteny ataon' ny lehilahy ny H6 izay momba ny fisarahana ary manontany ny hevitr'ilay vehivavy izy lehilahy raha mbola vonona hiverina hiaraka. Ny H19 indray hainteny tsoa-tokana nefa koa rehefa dinihina dia ahitana resaka mifamaly momba ny fisarahana izay ampahany amin'ny resaky ny vehivavy. Ny H7 kosa hainteny ataona vehivavy; nikasa hisaraka izy sy ny olon-tiany saingy asehony eto ny voka-dratsin' izany. Ny H14 moa dia hainteny ifamaliana momba ny fisarahana ary ampahany amin'ny anjara fitenenan' ny vehivavy io ohatra noraisinay io.

Ny « *avoko* » sy ny « *vonin'avoko* » teto no anoharana ary ny oharina kosa dia ny vehivavy, tsy hita tao amin'io ohatra io mihitsy anefa ilay oharina fa ny fari-kevitra no nahafahana nanakatra izany. Miverimberina ao amin'ny hainteny ny hoe “*avoko*” sy “*vonin'avoko*”. Voninkazo maniry eny an-tanety ny avoko, mandandina ary mavokely ny voniny.

### **Sary 23: Avoko**



Na ny lokony aza dia efa manaitra ny olona, indrindra fa ny lehilahy, izay manintona sy mahasarika ny maso ka antony nanoharana azy tamin'ny vehivavy.

#### **3-1-2- Ny karazan'ahitra**

Amin'ny alalan'ny zava-maniry hatrany dia efa ahatarafana ny toetran'ny vehivavy, ka ireo somary malefedefaka hatrany no teny nampiasain'ny mpamorona hainteny raha namaritra ny toetran'ny vehivavy izy ireny. “*Fanaka malemy ny vehivavy*”, hoy ny Ntaolo, izany hoe mila kenakenaina ary mila mitandrana ny amin'ny fitondrana azy ny lehilahy satria mety ho “*malemy*” toy izany koa ny toetrany.

### 3-1-2-1- Ny vero

Karazana ahitra lava ny vero, ny raviny mahitsy marani-doha. Ipetrahan'ny voron-kely izy matetika, ka milefitra fa tsy mba miridiridy nefa tsy mba folaka. Loharano nipoiran'ily ohabolana hoe: “*Tahaka ny vero notaingenam-pody, ka tsy folaka fa milefitra*”, io toetrany io. Ity zava-maniry ity dia matetika hita ao amin'ny hainteny, indrindra fa rehefa haneho ny toetran'ny vehivavy.

#### Sary 24: Vero



#### Fafana 7: Ny vehivavy oharina amin'ny vero

Hainteny	Anoharana	Oharina
<b>H4: Tanan'ny mahatoky</b> <b>Valiny</b> <i>Vero tsindriam-pody</i> <i>raha tsy folaka tapaka</i> <i>zozoro tendroin'otrika,</i> <i>raha tsy fola-doha dia tarangana;</i> <i>fa fitia tovonan-tsotry,</i> <i>sao tsy mahatana azy ka ho votsotra.</i>	Vero	Vehivavy
<b>J.TSELATRA</b> <b>H48: Tofoky ny sangim-pitia</b> <i>Eny iky, ndriamatoa,</i> <i>rivotra mamola-bero ianao,</i> <i>mampidoladola fa tsy mahongo-paka;</i> <i>erika tia fafifafy ianao,</i> <i>namonto lamba fa tsy naninteraka an-koditra;</i> <b>DIERAN'IARIVO</b>	Vero	Vehivavy

Amin'ireo ohatra roa ireo, samy ny « vero » no anoharana ny vehivavy, fa ny lafimpitiavana rehetra dia ahitana ny fanoharana ny vehivavy amin'ny « vero » noho izy mandefidefi-dava. Ilay hainteny faha-4 izao dia hainteny ifamaliana momba ny fitsiriam-pitiavana ; valiny ataon'ny vehivavy io ohatra noraisinay io. Ilay hainteny faha-48 kosa miresaka fisarahana, izay mbola anjara fitenenan' ny vehivavy.

Sarinteny nentin'ny mpamorona hainteny nitarafana ny toetran'ny vehivavy ny vero, izy ireny mantsy dia tandindon'ny fandeferana. Efa toetran'ny Malagasy ny miolakolaka sy mampiasa sarinteny rehefa ilaza zavatra iray. Ary mba hahatonga ny lahabolana ho kanto dia ireny no nampiasaina. Io toetran'ny vehivavy mandefidifitra io no vao mainka itiavan'ny lehilahy azy, ary rehefa mamaly hainteny ny vehivavy dia somary manetry tena sy mampiseho avy hatrany ny toetrany mba tsy hanampoka azy rehefa eo amin'ny fitsiriam-pitiavana. Rehefa fisarahana kosa, toa mampiseho ny fandeferana hatrany. Ireo karazana ahitra ao amin'ny hainteny na maniry an-tanety na anaty rano dia toa mampiseho ny toetran'ny vehivavy daholo, ka isan'izany koa ny zozoro.

### 3-1-2-2- Ny zozoro

Anehoana ny vehivavy ao amin'ny hainteny ny zozoro izay maniry any anaty rano. Telo rirana izy io ary fanaovana tsihy, tanty, harona, satroka, sobika ary fitafiana ny hodiny. Toa fitaovana fampiasan'ny vehivavy eo amin'ny fiainana andavanandro ny zavatar vita amin'ity zava-maniry ity nanamboara. Anisany akora anamboarana trano koa ny zozoro ary misy ny atao hoe “*trano zozoro*”. Azo aforitra ny zozoro ary mbola tandindon'ny fandeferana ihany koa.

### Sary 25: Zozoro



### Fafana 8: Ohatra maneho ny vehivavy amin' ny zozoro

Hainteny	Anoharana	Oharina
<p><b>H4: Tanan'ny mahatoky</b>  <b>Valiny</b>  <i>Vero tsindriam-pody</i>  <i>raha tsy folaka tapaka</i>  <i>zozoro tendroin'otrika</i>  <i>raha tsy fola-doha dia tarangana,</i>  <i>fa fitia tovonan-tsotry</i>  <i>sao tsy mahatana azy ka ho votsotra.</i></p> <p><b>J .TSELATRA</b></p>	<p><i>Zozoro</i></p>	<p>Vehivavy</p>

<p><b>H42: Mierim-pitia</b> (...) <i>Eny, ho'aho, ry zana-borona nokoloina, efa tsara tanjona nitodiana ve ka tsy hierika ilay morona nialana, sa sendra kitay tsara maina ka hanilika ny zozoro nahazatra, nahita ny anamamy be ravina ve ka hanadino ny anatsingita nahabotra, sa sendra hain'andro lohataona ka tsy hieritreritra ny oram-pahavaratra?</i> (...)</p> <p><b>Edmond RAVELOJAONA</b></p>	<p>Zozoro</p>	<p>Vehivavy</p>
<p><b>H45: Tsy hifidy fitia</b> <i>Gaga sy talanjona aho, ramatoa, fa tsy nampoiziko ho rano, lahy, no mahamasaka ny amalona; nataoko ity ianao no olon-tsoa ka enjika aho, soamadodoka, kanjo hay ianao hafahafa, manalasalala toy ny zozoro am-pasam-basimba, tsy fandidy, tsy faka, koa raha mahita anay mavomavo ve dia manjola? moa raha manan-kaja ve dia hiavona?</i></p> <p><b>B.P RAZANAKOTO</b></p>	<p>Zozoro</p> <p>Zozoro</p>	<p>Vehivavy</p> <p>Vehivavy</p>

Tao amin'ireo ohatra ireo dia ny “zozoro” no anoharana ary ny oharina kosa dia ny “vehivavy”. Teo amin'ny fitsiriam-pitiavana toy ny ao amin'ny hainteny faha-4 sy faha- 45 dia nahitana ilay toetran'ny vehivavy mandefitra, ary ny hainteny faha- 42 izay fisarahana ihany koa. Noho ny vehivavy mandefitra dia ao aminy ny fahalemana. “ (...) fahalempanahy kosa no tokony hananan'ny vehivavy ho fanampin'ny hatsaran-tarehy iderana azy. Io no toetra mendrika hotahafiny, fiasana tsara tokony hananany” (RAOMANDAHY, 1970, in Tantara sy hevitra, Ny vehivavy, lah 96)

### 3-1-3- Ny karazan-kazo sy voankazo

Samy zava-boary namboarin'Andriamanitra na ny lehilahy na ny vehivavy, samy manana ny mampiavaka azy anefa ireo. Ny lehilahy ohatra dia olon'ny saina ary ny vehivavy dia olon'ny fo. Iry voalohany manana hery tsy itoviany amin'ny vehivavy mihitsy. Raha ao an-tokantrano, anjaran'ny lehilahy ny mamelona ny vady aman-janany ary ny vehivavy kosa natao hikarakara ny ankohonany. Raha eo amin'ny endrika sy toe-batana indray, samy hafa tanteraka ny vehivavy sy ny lehilahy. Sarinteny fanovana endri-javatra ankolaka no

nampiasain'ny mpamorona hanasongadinana ny vevahivavy, ka tamin'ny alalan'ny zava-maniry no nanehoany izany ary nahitana zava-maniry hafa sy voankazo.

### 3-1-3-1- Ny ravintsara

Ny ravintsara dia anarana zava-maniry fampiasan'ny olona hanaovana fanafody. Izany anarany izany dia efa maneho hatsarana avy hatrany. Io zava-maniry io anefa no nanoharana ny vehivavy sy ny hatsaran-tarehiny ao anaty hainteny. Zavatra miolakolaka hatrany no mandrafitra ny hainteny ary amin'ny alalan'ny sarinteny no anehoan'ny mpanoratra izany. Tsy hita mivantana anefa izany fa ny fandinihana lalina niampy tsoa-kevitra no nahafahana nanakatra izany.

#### Fafana 9: Ohatra maneho ny ravintsara sy ny vehivavy.

Hainteny	Anoharana	Oharina
<p><b>H40: Latsa-nenina</b>            (...)             <i>Koa mandehana ary, ary mahaiza mamindra,</i>   <i>tsy ho solafaka an-tsapaka,</i>   <i>na ho diso am-panaovana;</i>   <i>ny ravintsara, hono, anarana ihany,</i>   <i>fa tsy alaiko noho ny an'ny aviavy,</i>   <i>ka aza voan-drendrarendrany fotsiny,</i>   <i>aza mba tojo vorondolo miditra ankanim-boromanga,</i>   <i>tsy fanahy iniana fa fandravan-tokantrano;</i>   <i>aza sodokan'ny hariva an-tanin'olona</i>   <i>ka very voadio ny an'ny tena!</i>   <b>L. de G. RAKOTONANDRASANA</b></p>	<p><i>Ravintsara, aviavy</i></p>	<p>Vehivavy</p>

Hainteny ataona lehilahy momba ny fisarahana ity H40 ity ka miangavy ny hiverenan'ilay olon-tiany izy eto. Ny “ravintsara” sy ny “aviavy” eto no anoharana ary ny “vehivavy” no oharina.

#### Sary 26: Ravintsara



Takona ny oharina tao amin' io ampahana hainteny norasina io, fa ny seha-kevitra no nahafahana nanakatra izany. Raha vahavahana ny anaran'ity zava-maniry ity dia hoe : ravina sy tsara. Ankoatra ny maha tsara ny endriny dia mahaso ihany koa ny fampiasana ny raviny. Azo hitsaboana aretina maro ny ravintsara ary azo anaovana lohamenaka hitsaboana sy ahondrana any ivelany.

### **3-1-3-2- Ny aviavy**

Hazo lehibe kokoa ny aviavy saingy madini-dravina noho ny amontana. Ambolena eo amin'ny tanànan'ny andriana koa izy io, saingy tsy ho mari-piandrianana fotsiny fa manambara zavatra maro loha, toy ny fahendrena.

#### **Sary 27: Aviavy**



Hazo midoroboko sy mamoa ary mamokatra toy ny zava-maniry rehetra ny aviavy. Misy amin'ny zava-maniry no tsy mitovy toetra ny lahy sy ny vavy. Ohatra amin'ireny ny papay : ny vavy mamoa sy midoroboka tsara, fa ny lahy kosa zara raha misy voa sy ravina. Tsy mba tahaka izany ny aviavy noraisina ohatra izay nanoharana ny vehivavy eto. Tsihivina kosa fa ireo ampahana hainteny ireo dia samy miresaka fisarahana avokoa

### **3-1-3-3- Ny voaloboka**

Anisan'ny voankazo nanoharana ny vehivavy tao amin'ny hainteny koa ny voaloboka ary nampidirinay tao amin'ny sokajin'ireo karazan-kazo. Raha dinihina anefa, toa tsy matarehin-kazo tanteraka fa somary marotsadrotsaka ihany ny voaloboka, toetr'endrika izay azo atafy ny vehivavy malefadena-pihetsika sy fiseho eo anivon'ny fiarahamonina. Mety hisy antony manokana koa anefa no nandraisan'ny mpanao hainteny ny “*voloboka*” mba hanorahana ny vehivavy noho ny endrika boribory ananany sy ny voany maro izay



ahitana taratra ny ihavahan'ny bikan'ny andriambavilanitra amin'ny lehilahy (misy taova mivohitra toy ny nono) sy afaka mamokatra noho izy loharanon'ny taranaka.

**Fafana 10: Ny voaloboka anoharana ny vehivavy.**

Hainteny	Anoharana	Oharina
<p><b>H6: Nenina va?</b>  <i>Ka etsy nge,  Ny voaloboka nahazo tany aniriana anie  Mba te hiansampy amin'ny talantalana  ary ny avoko eny an-tanety  mba mitady rano hanondraka;  koa raha hiverina raisiko tanana,  raha ho roso omeko tso-drano,  fa voninkazo zatra miery izahay  ka tsy miavon-tsisin-jaridaina.</i>  <b>DIERAN'IARIVO</b></p> <p><b>H19: Tofo-pitia</b>  (...) <i>Nampoiziko ho voaloboka  tsy ihoatra ny talantalana nanolokoloana azy,  kanjo hay voatavomonta mandady  ka ahi-pandrotrarana dia hamikirana!</i>  <b>DIERAN' IARIVO</b></p>	<p>Voaloboka</p> <p>Voaloboka</p>	<p>Vehivavy</p> <p>Vehivavy</p>

Ny “voaloboka” no anoharana ny vehivavy ao amin'ireo ampahana hainteny ireo ary ny “vehivavy” hatrany no oharina. Ny hodidina no nahafantarana ny oharina. Ny “voaloboka” dia zava-maniry mandadina izay mamoa voany mamy fanaovana divay ary mety atao tsindrin-tsakafo sy ranom-boankazo ihany koa ny voaloboka. Azo lazaina ho anisan'ny-voankazo masina raha tao amin'ny baiboly ny voaloboka; amin'izao fotoana izao aza dia mbola fampiasa amin'ny mandritra ny fotoam-pivavahana ny divay avy amin'ny voaloboka.

**Sary 28: Voaloboka**



Nampiasaina nanoharana ny vehivavy tao amin'ny hainteny ity voankazo ity noho izy manana endrika boribory sy mandrobona satria raha eo amin'ny vatan'ny olombelona dia misy ny fahasamihafan'ny lahy sy ny vavy. Ny vehivavy dia nasian'ilay Nahary zavatra mivonto eo amin'ny tratrany, izany hoe nono ka io no sakafon'ny zanany. Heverinay fa betsaka ny voankazo azo anoloana ny "*voaloboka*" saingy nametra safidy ny mpanoratra hainteny teto ary vao mainka mahakanto ny lahabolana ny fisian'ny sarinteny fanovana endri-javatra tao amin'ny akora fototra. Nampiasa sarinteny fanovana endri-javatra ankolaka anefa ny mpanao hainteny mba hampisehoana ny mampiavaka ny vehivavy amin'ny lehilahy. Tsy voatery ny endrika ihany fa na ny toe-tsaina aza dia efa ihavahany amin'ny lehilahy. Rehefa ny vehivavy no tojo fisarahana ao amin'ny hainteny dia mbola manantena ny hahita ny tsara kokoa noho ilay olon-tiany hatrany izy.

Ankoatra ny fananana nono izay iavahan'ny vehivavy amin'ny lehilahy anefa dia ny vavy na amin'ny olona na amin'ny biby no mamokatra, izany hoe manome taranaka. Koa ao ny miteraka na manatody. Matetika ilazana ny vehivavy ny voninkazo sy ny voankazo. Raha vahavahana anefa ny teny hoe "*voankazo*" dia toy izao: voa miampy hazo, izany hoe ny voa dia organa kely boribory ao anatin'ny voankazo. Ny voankazo kosa ilazana ny "*organa amin'ny zava-maniry izay avy amin'ny voninkazo ary misy ny voa hamelona taranaka azy indray*" (RAJEMISA (R.R), 1995, tak 1035)

Ny "*vony*" sy "*voa*" no fototra itomboan'ny taraka, ary raha tsy ao ireo dia tsy hisy mihitsy ny taranaka handimby. Araka izany, na misy aza ny manavaka ny lehilahy amin'ny vehivavy, mifameno hatrany izy ireo. Raha ny lehilahy na ny vehivavy irery raha ny lojika dia tsy hamokatra izany mihitsy. Ny sarinteny fanovana endri-javatra ankolaka nanehoana ny mampiavaka ny vehivavy amin'ny lehilahy dia anisany manan-danja lehibe raha ao amin'ny hainteny. Mifampiankina anefa ny zava-boary rehetra, mety ho maina fotsiny sy ho simba ireny raha tsy misy ny mihinana ny voany. Na ny biby na ny olombelona dia mivelona amin'izy ireny. Raha ny zava-maniry irery anefa no entina anehoana ny vehivavy dia toa mandringa ihany izany na samy zava-boarin'Andriamanitra aza. Ny biby ihany koa dia azo ilazana ankolaka ny vehivavy.

### **3-2- Ireo biby enti-maneho ny toetra amam-bikan' ny vehivavy**

Ny biby no nentin'ny mpamorona hainteny nanoharana ny vehivavy. Tsy afa-miala amintsika Malagasy ilay toetra tsy tia mamantambantana, fa mampiasa sarinteny hatrany rehefa haneho hevitra, fihetseham-po, eny fa na handokadoka koa aza. Ohatra izao raha misy zazakely dongadonga dia antsoina hoe "*alikalika kely*". Tsy ny endrika ihany fa ny toetra

ihany koa dia azo anoharana amin'ny biby. Raha misy olona tsy mahalala fomba ohatra miserana tsy mba manao azafady, dia mety hiseho ny fomba fiteny toy ny hoe: “*ohatra ny omby mihitsy iny olona iny*”. Na ny endrika na ny toetran'ny vehivavy koa dia azo oharina amin'ireo karazam-biby. Eto dia ireo biby manana elatra no tena nisongadina ka nampiasain'ny mpanoratra hainteny tamin'izany ireo karazam-borona izay nitarafana ny hatsaran-tarehin'ny vehivavy ary ny karazam-balala no nanehoana ny toetrany.

### 3-2-1- Ny karazam-borona

Ireo karazana biby afaka manidina eny rehetra eny no tena nampiasain'ny mpanao hainteny raha naneho ny hakanton'ny vehivavy izy. Raha tsara ilay vehivavy dia ataony mifanaraka amin'izay no fanovana endri-javatra ampiasainy, raha ratsy koa anefa dia ny mifanohitra amin'izany.

Ny “*voromanga, vorondolo, akoho, akanga*” no anoharana eto ary ny vehivavy no oharina, tsy miseho mivantana anefa ny oharina fa ny seha-kevitra no nahafahana nanakatra izany.

#### 3-2-1-1- Ny voromanga

Ny railovy no voromanga amin'ny Malagasy. Ity dia karazam-boron-kely dia sady tsara feo no tsara tarehy, fa misy sangany misandrahaka ohatra ny fikopaka eo ambony lohany ka nahatonga ny olona hanome azy ny anarana hoe andriamborona. Vorona tsara tahery sady manga feo ity vorona ity ary izy no voafidy ho mpanjakan'ny vorona.

Anoharana ny vehivavy ny voromanga ka ahitana izany ireto ohatra manaraka ireto

### Fafana 11: Ny voromanga anoharana ny vehivavy

Hainteny	Anoharana	Oharina
<p><b><i>H18: Raha miavona mba hiavonana</i></b>  <i>Eny, ry andian-tsiriry mihoatra andrefan'iry takariva,  Lazalazao amin-dRamandatsa  nefa miangola amin-dRamiavona  nefa mbola tia,  fa raha zana-dRamiangola izy  ny aty solofon-dRamiangitra ;  raha teraky ny efa tsy tia izy  ny aty taranaky ny efa tofoka ;  ka ambarambarao aminy, lahy,  fa nataoko mba ho voromanga manim-podiana  no matoa niserana teny aminay;  noheveriko ho ny akohon' Ikala  no matoa nandalo tsy nantsoina;  kanjo hay vorondolo taitr'andro</i></p>	<p><i>Voromanga</i></p>	<p>Olon-tiana (vehivavy)</p>

<p><i>ka nanjokozoko mba ho any an-kady!</i></p> <p><i>ka ambarambarao aminy lahy, fa nataoko ho voromanga manim-podiana no matoa niserana tany aminay</i> <b>ASTRE</b></p> <p><b>H40: Latsa-nenina</b> (...) <i>Koa mandehana ary, ary mahaiza mamindra, tsy ho solafaka an-tsapaka, na ho diso am-panaovana; ny ravintsara, hono, anarana ihany, fa tsy alaiko noho ny an'ny aviavy, ka aza voan-drendrarendrany fotsiny, aza mba tojo vorondolo miditra ankanim-boromanga, tsy fanahy iniana fa fandravan-tokantrano; aza sodokan'ny hariva an-tanin'olona ka very voadio ny an'ny tena!</i> <b>L. de G. RAKOTONANDRASANA</b></p>	<p>Voromanga</p>	<p>Vehivavy</p>
--	------------------	-----------------

Ity fafana ity dia maneho ny ohatra ao amin'ny akora niasana sy ny fanoharana ny vehivavy amin'ny voromanga. Ny H18: hainteny ifamaliana lehilahy sy vehivavy momba ny fisarahana, ary ireo ohatra naseho ireo dia ampahany amin'ny anjaran'ny lehilahy.

Ny H40: hainteny ataona lehilahy irery ary mbola miresaka fisarahana hatrany

### Sary 29: Voromanga



Ny ampahana hainteny ahitana ny “voromanga” dia amin'ny anjara fitenenan'ny lehilahy ao amin'ny hainteny na ifamaliana izany na tsoa-tokana, izay momba ny fisarahana. Ilay “vehivavy” olon-tiany anefa no oharina amin'ny “voromanga”. Ny loko manga amin'ny Malagasy dia tandindon'ny hatsarana, ohatra hoe, ny feo manga dia feo tsara, ny manga volo dia tsara volo, ny olomanga dia olona nanao ny tsara sy nahavita be teo amin'ny toerana iray

na firenena iray. Ny voromanga izany dia anehoana ny endrika kanto ananan'ily vehivavy. Na efa isarahana aza izy dia mbola hita fa tsara foana.

### 3-2-1-2- Ny akoho

Ny akoho ihany koa dia entina itarafana ny endriky ny vehivavy; karazam-borona, somary boribory vatana, fohifohy elatra ka tsy afa-manidina lavitra. Akoho vavy no noraisinay eto satria vehivavy no resahina ary io no akaiky eo amin'ny fiainana andavanandro sady nanompanana ny asa fikarohana ihany koa.

### Fafana 12: Ny akoho anoharana ny vehivavy

Hainteny	Anoharana	Oharina
<p><b>H18: Raha miavona mba hiavonana</b>            (...)            noheveriko ho akohon'Ikala            no matoa mandalo tsy nantsoina            kanjo hay vorondolo taitr'andro            ka nanjokozoko mba ho any an-kady!</p> <p><b>ASTRE</b></p>	Akoho	Vehivavy
<p><b>H28: Ataoko tanala very sampy</b>            Tsy adala monina Ankaratra aho, ndriamatoa,            ka tsy hahalala vonin-tahondra ho vaky;            ny tsikobokobon-danitra ety an-tany aza            mahalala ny oran-ko ritra;            ry rivotra eny Andringitra            mahalala ny akofa tsy vary;            ny akoho mitsindroka            mahalala ny apombo hailika,            koa mainka ve ny zanak'olona            tsy hahalala ny fitia efa lany?</p> <p><b>LALAO VOAHIRANA</b></p>	Akoho	Vehivavy

Ity fafana ity dia maneho ny ohatra ao amin'ny akora niasana sy ny fanoharana ny vehivavy amin'ny akoho. Ny 18: hainteny ifamaliana lehilahy sy vehivavy momba ny fisarahana, ary ireo ohatra naseho ireo dia ampahany amin'ny anjaran'ny lehilahy. Ny H28: hainteny ataona vehivavy irery momba ny fisarahana  
 Ny “akoho” no nanoharana tao amin' ity ohatra ity ary ny “vehivavy” no oharina. Ny seha-kevitra no nahafahana nanakatra izany.

## Sary 30: Akoho 2



Fiompin'ny olona ny akoho ary anisany vorona tsara ny atodiny sy ny henany. Vorona tsara endrika ka noho izany indrindra no nanoharan'ny mpamorona hainteny ny vehivavy aminy. Nanana ny lanjany teo amin'ny fiarahamonina mpalagasy ny akoho; betsaka ny zavatra nilana azy toy ny fanaovana laoka ho an'ny vahiny rehefa misy tonga, fanomezana voninahitra ny olon-dehibe amin'ny alalan'ny vody akoho ary fanaovana sorona ihany koa. Rehefa misy tsy salama ihany koa dia amonoana akoho mba hampiverina ny ainy haingana ary mba hahazoany manohy ny asa aman-draharaha.

### 3-2-1-3- Ny akanga

Matetika hita amin'ny asa soratra anoharana ny vehivavy ny ankanga, karazam-borona mipentimpetina mainty sy fotsy ny volony. Biby tsara tarehy mahaliana tampoka ary mora sodokan'ny endriny raha vao mahita azy. Manamafy izany ity ohabolana ity manao hoe “*Nahita ny akanga tsara soratra ka nanary ny akoho taman-trano*”.

### Fafana 13: Ny akanga anoharana ny vehivavy

Hainteny	Anoharana	Oharina
<p><b>H29: Voromanga tsy mitomany zana-tararaka</b> (...) <i>Ny randram-bao koa ve no mahamendy ny akanga tsara soratra no mahavariana ka hadinonao fa ny vao tsy manitra no ratsy fa rehefa tonta sahala ihany?</i></p> <p><b>FLEUR D'IVONDRO</b></p>	<p><i>Akanga</i></p>	<p>Vehivavy</p>

<p><b>H37: Reharehan-dehilahy</b>  <i>Any Itasy angaha no mahadio lamba  no dia Alaotra no tsy azo anasana?  Raha tsy tia ny tsimbotrin' Ilempona ve  dia hanara-damba ny adrisan'Ankatso?  Onena anao aho, Ratovovavy!  Koa masina amin'ny "mazava atsinanana"!  Ny anay ny akanga no "midira midira",  tsy tia mpitovo fa be fampitambazana</i>  <b>Martin RAHARISON</b></p>	<p>Akanga</p>	<p>Vehivavy</p>
--	---------------	-----------------

Ity fafana ity dia maneho ny ohatra ao amin'ny akora niasana sy ny fanoharana ny vehivavy amin'ny akanga. Ny H29: ifamaliana ary miresaka fisarahana ary io ohatra noraisina io dia ampahany amin'ny anjaran'ny vehivavy. Ny H37: hainteny ataona lehilahy momba ny fisarahana hatrany.

Raha tao amin'ny ohatra noraisina dia ny "akanga" no anoharana ary ny "vehivavy" no oharina. Tsy hita mivantana anefa ny oharina fa fari-kevitra misy azy no nahafahana nanakatra izany.

**Sary 31: Akanga**



Manaitra ny maso ny mahita ity vorona ity ary nampiasain'ny mpanao hainteny ilazana ilay vehivavy katsahin'ilay lehilahy hasolo ny toeran'ilay olon-tiany izany. Manamafy izany ity ampahana tononkalo ity manao hoe "... izaho mantsy ilay akoho natakalonao akanga"<sup>43</sup>. Ka ahitana izany indrindra tao amin'ireo ampahana hainteny noraisina ho ohatra ao anaty fafana etsy ambony.

Tsy ny endrika tsara ihany anefa no mety hananan'ny vehivavy fa mety ho ny ratsy ihany koa no hita ao amin'ny hainteny. Ny vorona ihany no anoharana izany, ka ohatra

<sup>43</sup> Iray amin'ireo tononkalo nangonin-dRajaona Siméon tao amin'ny Takelaka notsongaina boky voalohany

amin'ireny ny vorondolo, izay antsoina koa hoe “*tsy sahy andro*”, manana maso mivontirika, voloina ary misy sangany kely.

Ahitana izany ity ohatra manaraka ity

**Fafana 14: Ny vorondolo anoharana ny vehivavy**

Hainteny	Anoharana	Oharina
<p><b>H40: Latsa-nenina</b>            (...)            <i>aza mba tojo vorondolo miditra ankanim-boromanga,</i>  <i>tsy fanahy iniana fa fandravan-tokantrano</i>  <i>aza sodokan'ny hariva an-tanin'olona</i>  <i>ka very voadio ny an'ny tena!</i>  <b>L. de G. RAKOTONANDRASANA</b></p>	<p><i>Vorondolo</i></p>	<p>Vehivavy</p>

Ity fafana ity dia maneho ny ohatra ao amin'ny akora niasana sy ny fanoharana ny vehivavy amin'ny vorondolo.

Io ampahana hainteny io dia ataona lehilahy irery momba ny fisarahana

**Sary 32: Vorondolo**



Noho izay endriny ratsy izay dia nentin'ny mpanao hainteny nanoharana ny vehivavy tsy tiana sy nisarahana io vorona io. Ny sarinteny fanovana endri-javatra ankolaka eto dia miseho amin'ny fanafoanana ny oharina, ka ny fari-kevitra hatrany no nanakarana ny oharina. Tsy novantanina ny endrik'ilay vehivavy fa nosarontsaronana ary nampiasana sarinteny mba ho saro-takarina. Tsikaritra anefa fa ny hainteny momba ny fisarahana hatrany no anoharana ny vehivavy amin'ireo kazaram-borona tsara tarehy, toa misy fifanoherana izany satria raha ny endriky ny vehivavy tsara dia tsy tokony hifanaraka amin'ny fisarahana. Noho izany toe-



javatra mifanohitra izany anefa no vao mainka mahakanto ny hainteny, satria hain'ny mpamorona hainteny ny maneho ny hatsaran-tarehin'ny vehivavy ao anatin'ny fisarahana.

### 3-2-2- Ny karazam-balala

Anisany biby nakan'ny olombelona anatra ny valala mba hoenti-miaina eo amin'ny fiarahamonina. Manamafy izany ilay ohabolana manao hoe “*Sambo-balala main'andro, ka raha tsy azoko anio, azoko rahampitso*”. Izany dia azo lazaina fa manaporofa ny fandinihan'ny Ntaolo ny fiainan'ny valala sy ny mombamomba azy rehetra. Raha tsoahina dia fianarana eo amin'ny fomba fisainana sy fomba fiaina eo amin'ny fiarahamonina izany. “*Isan'ny biby mandinika tena fantatry ny Ntaolo tanteraka ny valala, ka sady kilalaon'ny ankizy no fihinana koa ny karazany maromaro*” (RAMAROLAHY, 1972, tak 212).

Mifameno hatrany ny endrika sy ny toetra ary tsy afa-misaraka ireo. Raha samy tsara ireo dia mety ho tafita eo amin'ny fiainana ny olona iray. Ny toetran'ny karazam-balala kosa no nanehoan'ny mpiangaly hainteny ny toetran'ny vehivavy.

Ny valala dia karazam-bibikely lava tanana, maitso na manja, ary misy tongony efatra ka ny roa eo aoriana lavalava kokoa noho ny eo aloha, izay ahafahany mitsambikimbikina. Amin'ity asa ity, hainteny momba ny fisarahana hatrany no tena ahitana ny valala izay ohariny amin'ny vehivavy.

#### Sary 33:Valala



Ny valala no nanoharana ny vehivavy eto amin'ireto ampahana hainteny manaraka ireto. Noho ity bibikely ity manana toetra mifindrafindra toerana ary afaka miampitampita any amin'izay tiany no nitarafana ny toetran'ny vehivavy taminy.

### 3-2-2-1- Ny adrisa

Anisan'ny karazam-balala anehoana ny toetran'ny vehivavy ny andrisa. Mora miantampy amin'izay tiany toy ny valala, indrindra raha tojo fisarahana. Izany hoe manao toy ny toetran'ny adrisa izy eto.

Mety ho nisy ny fahadisoam-panantenana teo amin'ny fitiavana ka vao tojo ny tiany izy dia mitady iantorahana sy ianteherana ary mora mifindrafindra. Izany anefa mety ho toetra tsy voajanahary ao aminy, fa ny zava-misy sy ny sedra iainany no miteraka io fitsingilailana eo amin'ny lafiny fitiavana io. Olona manantena hatrany ny vehivavy ka rehefa miova olontiana izy dia mihevitra fa mbola ho tsara kokoa noho ilay teo aloha no hiaraka hamakivaky ny fiainana aminy.

#### Fafana 15: Ohatra maneho ny adrisa sy ny tsimbotry amin'ny vehivavy

Hainteny	Anoharana	Oharina
<p><b>H26: Ny tia sy ny tsy tia</b> (sasiny) <i>Mipipika ny adrisa eny an-tampon-tanety, Mibobobobo ny kibobo any anaty bozaka, samy mifaly amin'ny fombany va re sa mifanena eo amin'ny kianjan'ny fiainana?</i></p> <p><b>(setriny)</b> <i>Ny adrisa sy ny kibobo, adriamatoa, toa samy hafa loatra; ka ny fomba sy fanao hiaraha-manana tsy ampy hambomba antsika hiray toerana; fa raha ianao kibobo, izaho kosa adrisa...</i> <i>Fa ny vanja sy ny afo tsy miray toerana, ka veloma madinidinika, ho'aho, no lamba atafiko ny fitiavanao!</i> <b>RIVOTR' ALA</b></p>	<p><i>adrisa</i></p> <p><i>Adrisa</i></p>	<p>Vehivavy</p> <p>Vehivavy</p>
<p><b>H37: Reharehan-dehilahy</b> <i>Any Itasy angaha no mahadio lamba no dia Alaotra no tsy azo anasana? Raha tsy tia ny tsimbotrin'Ilepona ve dia hanara-damba ny adrisan'Ankatso?</i> <b>Martin RAHARISON</b></p>	<p><i>Tsimbotry</i></p>	<p>Vehivavy</p>
<p><b>H48: Tofoky ny sangim-pitia</b> (...) <i>Gaga aho ankehitriny fa tsy fidiko izaho tsimbotry no hiaraka amin'adrisa Saingy, indrisy, hono, rahavako, fa ny masoandro be fampitamby, tsy atakaloko ny diabolana mangoratsaka.</i> <b>DIERAN'IARIVO</b></p>		

Maneho ireo karazam-balala anoharana ny vehivavy ity fafana ity, ka ao amin'ny voalohany no ahitana ireo ohatra tao amin'ny akora niasana, ny faharoa kosa nahitana ireo karazam-balala anoharana azy ary ny fahatelo ahitana ilay oharina izay tsy hita mivantana ao amin'ny hainteny nokirakiraina fa ny seha-kevitra hatrany no itarafana izany.

Ny H26 : hainteny ifamaliana ataona lehilahy sy vehivavy, ka io nanoharana ny vehivavy io dia samy hita daholo na ao amin'ny sasiny na setriny. Ny H37: hainteny ataona lehilahy irery miresaka momba ny fisarahana. Ny H48 kosa ataona vehivavy ary mamahavaha hatrany mikasika ny fisarahana.

Ny “*adrisa*” sy ny “*tsimbotry*” eto no anoharana ny vehivavy ao amin'ireo ampahana hainteny ireo. Ny *adrisa* dia anarana ilazana ny vavy amin'ny karazam-balala iray, izay atao hoe aketa. Ny maha vavy ity bibikely ity eto no antony nanoharana azy tamin'ny vehivavy. Voalaza tao amin'ny ohatra naseho tao amin'io fafana teo ambony io, fa manana toetra miovaova ny *adrisa*.

### **Sary 34: Adrisa**



### **3-2-2-2- Ny tsimbotry**

Ny “*tsimbotry*” kosa anarana ilazana ny valala mbola kely ka mbola tsy hary elatra fa mandady sy mitsipitsipika fotsiny amin'ny tany. Nanoharana ny vehivavy izy teto indrindra fa tao amin'ny hainteny momba ny fisarahana. Azo heverina, araka izany, fa ilay vehivavy no nandao ny lehilahy ka lasa nisy fisarahana teo amin'ireo mpifankatia.

### Sary 35: Tsimbotry



Ireo no hevitra ara-bakitenin'ny "*adrisa*" sy ny "*tsimbotry*" fa ny miitatra kosa dia maneho ny toetran'ny vehivavy tarafina amin'ny fomba fiainan'ireo biby ireo. Ny *adrisa* ohatra manana toetra tsy miraharaha izay nahatafita azy, izany hoe manao tohatra fiakarana fotsiny ary rehefa tafita dia hadinony ilay nanampy azy, izay asongadin'ilay fitenenana hoe : "*tsimbotry ve niaraka ihany dia adrisa vao hifanary?*". Raha vao foy ny adiam-balala dia mbola miova volo isan-karazany izay vao tonga lehibe kanefa asongadin'ny hainteny fa misy amin'ny vehivavy voaresaka ao aminy no madingana ambaratongam-pitomboana.

Ireo fomba filazan-javatra natao ankolaka nilazana ny endrika sy ny toetran'ny vehivavy tamin'ny alalan'ireo karazam-borona sy valala dia anisany mahakanto ny hainteny. Ary ahitana taratra ny fomba fisainan'ny Malagasy tia miolakola-dresaka hatrany.

Ankoatra ny zava-maniry sy ny biby izay tena mifaningotra amin'olombelona sy manan-danja ao amin'ny hainteny dia ny zavatra tsy manana aina no mpanelanelana sy mahatonga ireo zavatra roa ireo hifandray. Miankina amin'izany ny fahavelomana sy ny zavatra atao rehetra.

Fitiavana no tena tara-kevitra mibahana ao amin'ny lahabolana nanaovana ny fikarohana. Voaresaka ao amin'ny akora daholo ny lafiny rehetra, toy ny fitsiriany, ny firedaredany sy ny fisarahana. Lahabolana fanaon'ny Malagasy hitoriana fitiavana anefa ny hainteny, ary ny lehilahy no manao izany fa ny vehivavy mamaly ary afaka mandà na manaiky. Tsy mivantana anefa no isehoan'izany fa amin'ny alalan'ny fomba filazan-javatra ankolaka, ka mampiasa sarinteny hatrany ilay mpiangaly izany mba hahafantarana ny halalin'ny fahaizan'izy roa tonta ary fampisehoana ny fahaizana miteny sy mamoka fihetseham-po amin'ny alalan'ny zava-kanto.

### 3-3-Ny karazan-drano sy ny vehivavy

Ireo karazan-drano koa dia nataon'ny mpanao hainteny ilazana ny vehivavy nisaraka tamin'ny olon-tiany, satria nandiso fanantenana azy. Tsy nampoizin'ny lehilahy ny toetra nasehony tao an-tokantrano ka ny fisarahana no hitany ho vahaolana.

#### Fafana 16: Ny karazan-drano anehoana ny vehivavy.

Hainteny	Anoharana	Oharina
<p><b>H12: Fitia rendrika an-tsasa-dalana</b> (...) Ny rano nosotroina ve no misy poizina ka ny ronono avy no omena amboa? Raha vakana hanendrika re, ry lahy, Aza arefarefa fa sarotra ny mila; raha hanin-kavoky sy hahasoa, aza asiana eritreritra fa tolo-pitia; raha hahasoa ka hahatsara, aza ailikilika ny ondry botry ka ny hofany anie mahalonaka e! <b>HANITR'HAR'SOLO</b></p>	Rano	Vehivavy
<p><b>H13: Tsy hifidy fitia</b> Akory izato izy, rahavako, no mirintona tsy voakapoka, misendaotra tsy misy mpiteny? Leon 'ny rano nandihizana ve, ka mitady farihy vao? <b>Charles Gabriel RANAIVOSON</b></p>	Rano	Vehivavy
<p><b>H22: Veloma ray anjavidy!</b> Irony rano, irony rano, irony rano akaiky an-dry zoky, tondraka tsy mamorovoro, ritra tsy manangam-pasika <b>RAMBELO TSIMIHETY PHILY</b></p>	Rano	Vehivavy
<p><b>H29: Voromanga tsy mitomany zana-tararaka</b> (setriny) Nataoko ho rano madio fanala hetaheta ka reboka aho saika hitohoka kanjo hay rano tambiazina filomanosan'ny vorona <b>DOLORES DE VALIH</b></p>	Rano tambiazina	Vehivavy

Ity fafana ity dia maneho ny fanoharana ireo karazan-drano tao amin'ny akora fototra oharina amin'ny vehivavy. Ny H12: hainteny ifamaliana momba ny fisarahana, ka io ohatra noraisina io dia ampahany amin'ny anjaran'ny vehivavy. Ny H13: hainteny ataona vehivavy momba ny fisarahana. Ny H22 sy ny H29: hainteny ifamaliana ary anjara fitenenan'ny

lehilahy tratran'ny fahadisoam-panantenana. Ny “*rano*” sy ny “*rano tambiazina*” no nanoharana ny vehivavy tamin'ny ohatra noraisinay, ary ny seha-kevitra hatrany no nafahana nanakatra ny oharina.


### 3-3-1- Ny rano

Tena ilaina eo amin'ny fiainana ny rano, mitondra fahafatesana ho an'ny zava-manana aina rehetra ny tsy fahampiany, indrindra ny tsy fisiany. Natao ampiasaina amin'ny fikarakarana sakafo, fanadiovana vatana ary azo sotroina ny rano. Ilay amin'ny fanaovana tsodrano<sup>44</sup> koa ny rano ary heverina fa manala tsiny izy rehefa vita ny fafy rano.

Ireo ampahana hainteny ireo dia fisarahana avokoa ary ny lehilahy no manao azy, afa-tsy ilay hainteny faha-12. Singa iray mamelona ny zava-mananaina rehetra ny rano ary azo lazaina ho antoky ny fiainana. Mila azy daholo na ny zava-maniry na ny biby na ny olombelona. Oharin'ny lehilahy amin'ny rano ny vehivavy ary singa iray miantoka ny fahavelomany; saingy tsy izany anefa no niseho raha ireo ohatra noraisina ireo no jerena. Lasa nivadika mahafaty na mamparary ilay tokony hamelona ary tsy ilaina intsony. Anoharana ny toetran'ny vehivavy ny rano eto, izay mora mivadika ary lasa poizina.

Toa ny toetra ratsin'ny vehivavy no hita amin'izany satria rehefa nisarahana izy dia heverina fa lasa ratsy. Ny “*rano*” no anoharana ao amin'ireo ampahana hainteny ireo, ary ny “*vehivavy*” no oharina. Tao amin'ny fisarahana no nahitana ny fanoharana ny vehivavy tamin'ny rano. Misy karazany maro ny rano, ao ny rano mandeha, ny renirano, ny rano masina,... saingy tsy nofaritan'ny mpanoratra mazava izany.

### Sary 36: Rano



---

<sup>44</sup> Rano nafafy tamin'ny olona na natao tao am-bava dia notsofina hifafy aminy. Ny olona tsy salama na ireo handeha hivahiny lavitra no tsofina rano. Firariantsoa heverina ho manan-kery avy amin'ny olon-dehibe na ny ray aman-dreny koa ny tsodrano.

### 3-3-2 Ny rano tambiazina

Ny rano tambiazina dia ranom-by menamena misodika eny ambony rano mihandrana, na levoana anaty tanimbary na miraikitra koa amin'ny vato milevina ao anatin'ny, ka malaza ho ratsy. Araka izany, tsy mety amin'ilay lehilahy intsony ilay vehivavy, nefa tsy vantany ny filazana izany fa ataony ankolaka, izany hoe nampiasa sarinteny fanovana endri-javatra ankolaka ny mpanao hainteny.

Mbola karazana rano ihany no ilazana ny vehivavy iriana anoloana ilay olon-tiana nisarahana, ary heverina fa mba ho tena vaovao indrindra raha eo amin'ny toetra.

### 3-3-3- Ny farihy

Tany lemaka lehibe feno rano mihandrana tsy mivoaka ny farihy. Azo iompiana trondro ary anirian'ny ny tatamo. Mety iveloman'ny olona ny rano sy ny biby ao aminy. “*Raha lasa ny mamba misosoka ny voay*”, hoy ny Ntaolo, mora tamin'ny lehilahy tao amin'ny hainteny no nitady olon-tiana vaovao rehefa lasa ilay teo am-pelatanany. Tamin'ny andro taloha dia nanaovan'ny lehilahy fisaorana tamin'ny alalan'ny hainteny ny vehivavy rehefa tsy nety taminy intsony ary tamin'ny alalan'ny fomba filazan-javatra kanto amin'ny alalan'ny zava-boary no nanehoana izany. Tao amin'ity fizarana ity anefa, mbola ireo karazana rano sy toerana misy izany no nanoharana ny vehivavy

#### Fafana 17: Ny fanoharana ny vehivavy amin'ny farihy sy rano vao

Hainteny	Anoharana	Oharina
<p><b>H13: Tsy hifidy fitia</b> (...) <i>Leon'ny rano nandihizana ve, ka mitady farihy vao?</i> <b>Charles Gabriel RANAIVOSON</b></p>	<i>Farihy</i>	Olon-tiana vaovao (vehivavy)
<p><b>H34: Mba tofoka koa</b> <i>Ry vorona tia rano vao Mihaitraitra manao tsy ho folaka, Milingilingy manao tsy ho potraka,</i> <b>Jeanine RAZAFITSOA</b></p>	<i>Rano vao</i>	Vehivavy

Ny H13 sy ny H34 dia samy hainteny ataona vehivavy momba ny fisarahana avokoa. Ny “*farihy*” sy ny “*rano vao*” eto no anoharana ary ny vehivavy na ilay olon-tiana vaovao no oharina, ny seha-kevitra hatrany anefa no nanakarana izany.

### Sary 37: Farihy



Samy hainteny momba ny fisarahana ireo ohatra noraisiny ireo. Toa lasa manetry tena izany ilay vehivavy ary manetsetra fotsiny fa nisarahan'ny olon-tiany. Koa ny hoe “*rano vao*” sy ny “*farihy*” eto dia entina ilazana ilay olon-tian'ilay lehilahy vaovao; ny farihy mantsy dia tany lemaka lehibe feno rano mihandrona tsy mivoaka, ka heverin'ilay lehilahy fa ho tsara sy hamokatra bebe kokoa noho ilay olon-tiany teo aloha. Manana endrika boribory misy rano ny fariny, ary ny vehivavy no oharina aminy, raha vao jerena anefa dia heverinay fa misy ifandraisany amin'ny endriny ny nanoharana azy tamin'ny andriambavilanitra. Ny vehivavy rehefa mitondra vohoka dia boribory ny kibony ary ny filaza azy ireny dia hoe “*mitondra rano*”. Koa mety ho izany no anisany ifandraisan'ny farihy amin'ny vehivavy

Marihina anefa fa ny volana ihany koa dia nanoharana ny vehivavy. Ao amin'ny hainteny nohadihadianay dia nahitana sarinteny fanovana endri-javatra ankolaka ilazana ny endrika sy ny toetran'ny vehivavy. Raha vehivavy mbola tsy manam-bady dia lazaina fa tsara foana rehefa ao amin'ny hainteny, ka volana no nanoharana azy. Tsara endrika ny volana saingy sarotra alaina.

### Fafana 18: Ohatra maneho ny volana sy ny vehivavy.

Hainteny	Anoharana	Oharina
<i>H50: Samy miavona Hono, ry volana soa fenomanana niseho ianao tsy noterena, ka nahoana kosa, ho'aho, rey roy raha tojo rahona ve izato ianao dia nisoko fa tsy naharitra ny heriny?</i> <b>J.H. JAOMAHEFA</b>	<i>Volana</i>	Vehivavy



Ity H50 ity dia hainteny ifamaliana momba ny fisarahana, ka io naseho ao anaty fafana io no ampahany amin'ny anjaran'ny lehilahy.

Raha ao amin'ity ampahana hainteny ity, ny “*volana*” no anoharana ary ny “*vehivavy*” kosa no oharina, tsy mivongady anefa io lafin-javatra io fa ny fari-kevitra no nahalalana izany. Ny volana dia antontan-javatra manodidina ny tany nefa mandray hazavana amin'ny masoandro, ka io hazavana io no atarany ety amin'ny tany rehefa mifanitsy ny faritra voazavan'ny masoandro aminy sy ny tany. Manana endrika boribory tsara tarehy ny volana ary manazava amin'ny alina.

### **Sary 38: Volana 2**



Matetika ny volana no iantsoana ny vehivavy mbola tsy manam-bady ao amin'ny hainteny na ireo zava-boary tsy manana aina izay anondroana ireo mbola miandry ny anjarany sy tsy tojo ilay tiany. Amin'ny voalohany dia sarotra ny maka ilay vehivavy, toa zavatra sarobidy sy manahirana toy izany hatrany no anehoana ny andriambavilanitra tsy manan-tokantrano ao antin'io lahabolana io.

Sarinteny fanovana endri-javatra ankolaka kosa no nentin'ny mpanao hainteny nilazana izay nisarahana sy ny vao hiarahana indray. Ny sehatra hatrany anefa no nahitana izany satria ny oharina dia tsy niseho tao amin'ny hainteny. Mateti-pitranga tamin'ny lahabolana niasana ity tranga ity ary azo lazaina ho fototra mihitsy aza. Manamafy izany ny filazan-dRAJAONA Siméon, fa “(...) *ny olona mampiady hainteny dia mampiady fahaizana mamorona fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fanafoanana ny oharina*” (RAJAONA Siméon, 2006, tak 109).

Na nisy aza ny tsy fitoviam-pijery teo aminay sy Bacry, inoanay fa tsy ho diso ny nanasokajinay ho ao anatin'ny sarinteny fanovana endri-javatra ankolaka ny fanafoanana ny oharina izay betsaka tao amin'ny akora nokirakiraina. Tsy ny fomba filazan-javatra ankolaka irery ihany anefa no mahakanto ny hainteny, fa ao koa ireo karazana fanovana endri-javatra hafa ilazana ny vehivavy.

## **FEHIN' NY FIZARANA FAHATELO**

Mitana anjara toerana lehibe ary mahakanto ny literatiora iray ny fahitana sarinteny fanovana endri-javatra ankolaka maro. Araka izay anarany izay, ny olona no miezaka manakatra ny tian'ny mpiangaly hainteny hampitaina. Tao amin'ity fizarana ity dia niseho tamin'ny endrika maromaro ny fanovana endri-javatra ankolaka. Nisy anefa ny tsy fitovian'ny famaritana azy tao amin'ny haitsikera sy ny akora fototra. Hita izany tamin'ny alalan'ny zava-boary izay nahitana ny karazam-boninkazo, ahitra, hazo, voankazo, vorona, valala sy ireo karazan-drano. Ny natiora hatrany no nanoharana ny vehivavy ka arakaraka ny endrik'izy ireny sy ny toetrany no nampiasana azy tao amin'ny hainteny. Nentina nanehoana ny bika aman'endrika ary ny toeran'ny vehivavy ny sarinteny fanovana endri-javatra ankolaka, ary ny hatsaran'ny zava-boary no nitarafana azy. Tsara tarehy sy manana toetra malefadefaka ny vehivavy ary izay no iavahany amin'ny lehilahy, raha ny hita tao amin'ireo hainteny nokirakiraina. Tombony ho azy anefa izany ary noho izay indrindra no mahasarika ny lehilahy aminy ka mahatonga ity farany miezaka mandresy lahatra amin'ny alalan'ny sarinteny fanovana endri-javatra ankolaka mba hambamboana na hampodiana azy ao amin'ny hainteny rehefa mifampitafa ny roa tonta.

## TENY FAMARANANA

Lahabolana fanaon'ny eto anivon-tany natao hialana voly sy hampisehoana fahaizana miteny sy maneho hevitra ny hainteny. Nifototra tamin'ny fitiavana sy ny fanomezan-danja ny zava-boary izy ity. Ny hainteny no nanompananay ny asa, izay kantom-bolana feno sarisary sy fomba filazan-javatra miavaka.

Koa ny akora niasana teto dia ireo hainteny nangonin-dRakotonaivo François tao amin'ny gazety *Vaovao frantsay-malagasy*. Noho ny hainteny izay voaravaka sarinteny, avy amin'izany no nanatsoahanay ny lohatenin'ny asa: “*Ny sarinteny anehoana ny vehivavy ao amin'ny hainteny*”.

Nampiasaina tamin'ny fanatontosana ny fanadihadiana tamin'izao asa izao ny haitsikeran'i Patrick Bacry, tao amin'ny boky *Les figures de style*, izay nentinay namahavahana ny sarinteny nandravaka ireo hainteny. Nanampy anay indrindra ny haitsikera teo amin'ny fanasokajiana sy ny fanazavana naroso. Ho fanampin'ny boky haitsikera, anisany nanampy anay teo amin'ny fanazavana ny sarinteny koa ny an-dRAJAONA Siméon nitondra ny lohateny hoe *Zava-kanto vita amin'ny teny*.

Fizarana telo lehibe no narosonay tao amin'ity asa ity, izay nanadihadiana ny hainteny sy ny sarinteny mandravaka azy, ka izany indrindra no nahafahana nanakatra ny sarinteny nanehoana ny vehivavy. Tao amin'ny fizarana voalohany no nanehoana ny hodidin'ny hainteny sy ireo fandinihana momba azy. Novahavahanay tamin'izany ny mombamomba ny boky ary ny mpiangaly hainteny, ka tao no nahitana ireo vitsivitsy izay namoaka ny talentany tamin'ny alalan'ny hainteny tao amin'ny gazetim-panjakana. Fanehoan'ny tanora ny fahaizany koa ny hainteny, mety ho olona roa, lehilahy sy vehivavy, no manatanteraka ny hainteny, nefa koa mety na olon-tokana. Ankehitriny anefa, mahalana ny fanaovana ny hainteny ka ny famoahana andiana mpikabary na ny kabary am-panambadiana sisa no sehatra ahazoana mahita izany. Toy ny literatiora rehetra ihany ny hainteny, izay ahitana taratra ny fihetseham-pon'ny mpamorona azy. Ny eto afovoan-tany no tena mampiasa ity lahabolana ity nefa kosa misy ny mitovitovy aminy any amin'ny faritra hafa, ka anisan'izany ny fankahitry betsimisaraka, ny diabolana sihanaka, ny fampariahitsa betsileo sy ny filana ampela sakalava. Noho ny razabentsika izay inoana fa misy ifandraisany amin-dry zareo Ostroneziana, dia manahatahaka ny hainteny koa ny haïkaï japoney sy ny pantun maleziana. Ary heverina fa ireo no mety ho isan'ny loharano nipoiran'ny hainteny. Iraisan'ireo hatrany anefa ny tarakevitry ny fitiavana sy ny sarisary miolakolaka.

Tao amin'ny fizarana faharoa kosa no nandinihana ny fanovana endri-javatra mivantana, izany hoe miaraka hita ao anaty fehezanteny ny anoharana sy ny oharina ary ny mpandinika na ny mpamaky no manavaka azy roa tonto. Hita tao amin'io fizarana io ny fifamaritan'ny anoharana sy ny oharana ka tamin'ny alalan'ny karazan-tsakafo no nisehoan'izany. Hita tamin' izany ihany koa ny fanafiana ny toetran'ny anoharana sy ny oharina ka ny lohasaha sy ny diabolana no nampitafian'ny toetran' ny vehivavy tamin'izany. Ny karazam-borana sy ny fitaovam-piarovana ihany koa dia mbola nanoharana ny vehivavy ary nitarafana ny endrika sy ny toetrany hatrany izany.

Ny fizarana fahatelo kosa no nahitana ireo karazana sarinteny sy fomba filazan-javatra ankolaka na tsy mivanatana nanehoana ny vehivavy ao anaty hainteny, ka tamin'ny alalan'ny zava-maniry sy ny biby ary ny zavatra tsy manana aina no nahafahana nanakatra izany. Naseho sy nohadihadiana ary nohazavaina ireo karazana sarinteny fanovana endri-javatra nanehoana ny vehivavy. Anisan'ireny ny sarinteny fanovana endri-javatra ankolaka izay nanana endrika roa, ka tao ny nahitana ny fanafoanana ny anoharana sy ny oharina. Ny hatsaran-tarehin'ny vehivavy sy ny toetrany no tena nisongadina tamin'io sokajy io. Ny kazaram-boninkazo, ny ahitra ary ny hazo sy ny biby nitarafana ny toetra sy ny bika aman'endriky ny vehivavy.

Manome lanja ny hainteny ny fisian'ny sarinteny maro mandravaka azy, izany anefa dia anisany itarafana ny foto-pisainan'ny Malagasy amin'ny fanajana ny vehivavy. Ahitana izany koa ny fiheverana fa sarobidy ny vehivavy ankoatra ny endrika soa sy ny toetra tsara ananany.

Nampitombo ny fahalalana sy nampahafantatra ny fomba ilazana ny vehivavy tao amin'ny hainteny ny fanatanterahana izao asa izao. Nokendrena tamin'ny fanatontosana azy ity ny mba hitondrana fanazavana mikasika ny anjara toeran'ny vehivavy ka nasongadina fa anisan'ny manana andraikitra goavana eo amin'ny fiarahamonina izy ireny. Ny sarinteny nanehoana azy tao amin'ny hainteny dia mampisongadina sy mampivohitra izay toe-javatra izay ary vao mainka mahakanto an'ity lahabolana ity ny fisiany. Kazan-dahabolana manana fomba filazan-javatra ankolaka sy ahitana sarisary ny hainteny, ary miankina amin'ny fahafehezana ny toetran'ny natiora no ahatakarana izany. Araka izany, mifamatotra hatrany amin' ny zava-boary ny hainteny.

Lahabolana azo anabeazana ny tanora eo amin'ny lafiny fitiavana izy. Ankehitriny anefa, efa betsaka ny olona no tsy mahafantatra ny soa sy ny hevi-dalina raketiny noho ny firoborobon'ny zava-baovao avy any ivelany. Noho izany, ilaina ny fametrahana azy ho isan'ny fanoitry ny fanabeazana ankoatra ny maha vakoka literera io kantom-bolana io eo

amin'ny literatiora ary tehirizina mba ho lovan'ny taranaka any aoriana. Mila ampahafantarina ny olona anefa ny fisian'ity lahabolana niasana ity sy ny anjara andraikiny eo anivon'ny fiarahamonina. Maro ny haren-tsaina manerana ny Nosy nefa tsy fantatra akory ny fisiany. Misy indray ny fantatra fa toa zary very hasina ankehitriny. Amin'izao vanimpotoana iainantsika izao, lahabolana maro no efa mipetraka ho vakoka. Anisan'ny fitahirizana ny hainteny kosa ny kapila mangirana sy ny horonam-peo. Niainga tamin'ny am-bava ny lahabolana ary amin'izao fotoana izao, efa misy ireo voasoratra ka hatramin'ny haino aman-jery aza.

Nisy ny olana nosendraina nandritra ny fanatontosana ny asa, ka anisan'izany ny fisafidianana ny gazety, satria maro ireo nahitana ny hainteny tamin'ny taona 1900 ka hatramin'ny 1955, saingy tsy maintsy nofehezina sy nofaritana mazava ireo navondrona mba ho akora niasana. Olona ihany koa anefa ny fahitana ny gazety nefa tsy nifanaraka tamin'ilay lohahevitra iompanan'ny asanay no tao anatin'ny. Na voakirakira avokoa aza ireny, nisy ihany ny sakana satria maro no efa tonta sy rovitra ary teo koa ireo efa tsy hita intsony ny soratra. Tao amin'ny fanangonana ireo akora niasana ihany koa dia nahitana hainteny nataona mpanoratra iray mitovy lohateny hita tamin'ny gazety samihafa, kanefa ny taona nivoahany tsy nitovy. Nanoloana izany, nitady vahaolana hatrany izahay; tamin'ny alalan'ny fitsidihana trano famakiam-boky samihafa mety ho nahitana ny gazety sy ny laharana ary ny taona nivoahany dia nampifamenoana avokoa izy ireny. Novakina tsara koa ny akora niasana ary ireo heverina fa nifanaraka tamin'ny lohahevitra ihany no noraisina.

Tsy ny fandinihana ny sarinteny fanovana endri-javatra ihany no fikarohana azo atao mikasika ny hainteny fa mbola azo trandrahina ity lahabolana ity ary azo atao amin'izany ny mikaroka momba ny sarinteny fanovana anarana na anehoana ny lehilahy na ny vehivavy. Mbola mety hanaovana fikarohana koa ny fitadiavana ny lahabolana mitovitovy amin'ny hainteny isaky ny faritra manerana an'i Madagasikara amin'ny alalan'ny fampitahana, ankoatra ireo efa notanisaina sy novahavahana tamin'ity asa ity.

## LOHARANO NANOVOZAN-KEVITRA

### Boky fototra

- BACRY (P): 1992, *Les figures de style*, Paris, Belin
- RAKOTONAIVO (F): 2012, *Hainteny ankehitriny*, Fianarantsoa, Ambozontany

### Ireo boky nakana hevitra niasana

- ANDRIANARAHINJAKA (L.X.M) : 1986, *Le système littéraire betsileo*, Fianarantsoa, ed Ambozontany
- BEZAVOLA: 1964, *Hainteny*, Antananarivo, Industrie graphique tananarivienne
- DAHLE (L) sy SIMS (J): 1962. *Anganon'ny Ntaolo*, Antananarivo, Trano Printy Loterana
- FANONY (F): 2011, *Fankahitry et Hainteny betsimisaraka*, Antananarivo, Trano Printy Loterana
- RAINANDRIAMAMPANDRY: 1986, *Ny tantara sy fomban-drazana*, Antananarivo, Mad Print
- RAINIHIFINA (J): 1961, *Lovantsaina Fitenenana betsileo Boky III*, Fianarantsoa, imp cath
- RAJAONA (S): 1969, *Takelaka Notsongaina I*, Antananarivo, Ambozontany
- RAJAONA (S): 1993, *Ny zava-kanto vita amin'ny teny*, Antananarivo, Ambozontany
- RAKOTONAIVO (F): 1990, *Ny haintenin'ny Ntaolo*, Fianarantsoa, Ambozontany
- RANDJA (Z) : 1959, *Vehivavy*, Antananarivo, Collection "AKO sy FEO"
- RAMIARAMANANA (Bakoly): 1968, *Hainteny d'autrefois*, Antananarivo, Libraire mixte
- RANAIVO (F): 1976, *Poèmes Hain-teny*, Paris, Coll D'étrangers pays
- RANDRIAMORASATA : 1982, *Hainteny*, Antananarivo, imp Volamahinty
- RAMOROLAHY: 1972, *Rakitry ny elan'ny Ntaolo Malagasy*, Antananarivo, Imp Catholique
- RAVALITERA (J.N): 2005, *Zetra*, Antananarivo, Trano Printy Loterana.
- BALLE: 1972, *Pour comprendre les media- analyse critique*, Paris, Haitier
- BALLY (CH) : 1909, *Traité de stylistique française*, Paris, Librairie Klincksieck
- BARTHES (R) : 1953, *Le degrés zéro de l'écriture*, Paris, Seuil
- COHEN (J) : 1966, *Structure du langage poétique*, Paris, Flammarion
- GARDE (J) – TAMINE : 1992, *La stylistique*, Paris, Armand colin

- GUARAUD (P) : 1954, *Les caractères statistiques du vocabulaire*, Paris, PUF,
- JAKOBSON (R) : 1963, *Poétique dans un essai de linguistique général*, Paris, Minuit
- MAROZEAU (J) : 1966, *Précis de stylistique française*, Paris, Masson
- MAZALEYRAT (J), MOLINIÉ (G): 1989. *Vocabulaire de la stylistique*, Paris,

Presses universitaires de France

- MOLLINIE : 2001, *La stylistique*, Paris, P.U.F
- MULLER (CH) : 1968, *Initiation à la statistique linguistique*, Paris, Minuit
- PAULHAN (J): 1931, *Les hainteny*, Paris, librairie Gallimard, N.R.F
- PAULHAN (J): 1938, *Les hainteny merinas*, Paris, N.R.F
- ROBERT (E) : 1970, *Le littéraire et le social*, France, Flammarion
- SPITZER (R) : 1970, *Etude de style*, Paris, Gallimard
- TODOROV (T) : 1967, *Littérature et signification*, Nancy, imp Berger- Levrault
- WALLEK (R) et WRREN (A) : 1971, *La théorie littéraire*, Paris, Seuil, Col Poétique,
- ZUMTHOR (P): 1983, *Introduction à la poésie orale*, Paris, Seuil

### **Ireo bokim-pandalinana**

- ANDRIANJOHANY (A): 1997, *Ny fitiavan'olon-droa sy sarinteny ampiasaina amin'ny fomba fanehoana izany, araka ny ahitana azy ao amin'ny tononkalon'i AINA sy HAINGO*, CAPEN, Oniversiten' Antananarivo
- LANTONANDRASANA RAZAFINDRAMARO (H) : 1993, *Tongoa Mihonkon'ny Haintenin-dRajaonah Tselatra*, Mémoire de maîtrise, CAPEN, Oniversiten' Antananarivo

DEA, Sampana teny sy lahabolana ary riba malagasy, Oniversiten' Antananarivo

- RAHARIMALALA (H. N): 2003, *Fitehirizana lovan-kolontsaina ny hainteny ao amin'ny tononkalo malagasy ankehitriny*, Mémoire de D.E.A, Sampana teny sy lahabolana ary riba malagasy, Oniversiten' Antananarivo
- RAHARINIRINA (A. H) : 2012, *Ny tontolon'ny hainteny*, Mémoire de maîtrise, Sampana teny sy lahabolana ary riba malagasy, Oniversiten' Antananarivo

2014, *Le Symbolisme des noms propres dans les hain-teny recueillis par Lars DAHLE*, Mémoire de D.E.A, Sampana teny sy lahabolana ary riba malagasy, Oniversiten' Antananarivo

- RAJOELSON (D): 2009, *Fankahatra : Lahabolana velona tsy tontan'ny vao*, Mémoire De DEA, Sampana teny sy lahabolana ary riba malagasy, Oniversiten'Antananarivo
- RAKOTOARISON (A. L. R): 1984, *Ny fomba filazan-javatra ao amin'ny kabary ampanambadiana ao amin'ny boky Fomba malagasy Rev, W.E COUSINS*, Maîtrise ès-Lettres, Sampana teny sy lahabolana ary riba malagasy, Oniversiten'Antananarivo
- RAMIARAMANANA (B. D), 1983, *Du Ohabolana au hainteny*, Paris, ed Karthala
- RATSIMBAZAFY MINOSON (L. H): 2005, *Ny fiteny kanto miorina amin'ny tononkalo malahelo mandrafitra ny tononkalon' i J.J RABEARIVELO amin'ny tononkalo malagasy*, Maîtrise ès- Lettre, Sampana teny sy lahabolana ary riba malagasy, Oniversiten' Antananarivo
- RATSIMBAZAFY MINOSON (L. H): 2006, *Essai sur aspect du poetique malgache moderne: des metaphores fantasmagoriques à la poésie fantasitque*, D.E.A ès- Lettres, Sampana teny sy lahabolana ary riba malagasy, Oniversiten'Antananarivo
- RAZAFIPARANY (H. B), 2015, *Ny fankahitry fanaon'ny Betsimisaraka avaratra, lahabolana entina mangata-biavy*, Mémoire de maîtrise, CAPEN, Oniversiten'Antananarivo

### **Lahatsoratra**

- GABRIEL (L), RANDRIHASIPARA (M. L) et VELONANDRO : 2008, *Les fleurs de Tselatra*, INALCO, Etudes océan Indien
- HEBERT (J.C) : 1964, *Filana ampela ou propos galants des Sakalava*, in Journal de la Sociétés des Africanistes, tome 34, fascicule 2, Paris, ed Kathala
- OTTINO (P) : 1966, in *L'Homme*, « Un procédé littéraire Malayo- Polinésien de l'ambiguïté à la pluri-signification », Revue française d'antropologie, Paris, ed EHESS
- RAOMANDAHY : 1970, *Tantara sy hevitra*, lah 96, Antananarivo
- RAKOTOANDRIANOELA (H): 1992, *La littérature d'expression malgache*, Antananarivo, Notre librairie

### **Gazety nanovoazan-kevitra**

- ANDRIAMIFIDY: 1914, in *Mpanolotsaina*, Hainteny
- GERMAINE: 1927 in *Fandrosoana vaovao*, Vehivavy, lah 04



- RAVOAJANAHARY (C): 1969, in *Fanasina*, Fitaizan-tsaina araka ny literatiora

### **Rakibolana**

- MALZAC (M): 1993, *Dictionnaire Français-Malgache*, Analamahitsy Antananarivo, Ambozontany
- MORIER (H) : 1989, *Dictionnaire de Poétique et de Rhetorique*, Paris, PUF
- RABENILAINA (R.B), MORIN (J.Y) : 2015, *Vitasoa*, Dictionnaire Français-Malgache, Antananarivo, Ambozontany Analamahitsy
- RAJEMISA (R. R): 1995, *Rakibolana Malagasy*, Fianarantsoa, Ambozontany
- RAJAONAH (G), RAVELOJAONA : 1952, *Boky firaketana ny fiteny sy ny zavatra malagasy*, Imprimerie Tananarivienne, Antananarivo litera H, tak 77
- RANAIVOSON Dominique : 2004, *Iza moa ? Bref dictionnaire historique de Madagascar*, Antananarivo, Tsipika,

### **Tranonkalam-pifandraisana**

- <http://www.etudes.litteraire.com/rhetorique.php>
- <http://www.etude.litteraire.com/vocabulaire-rhetorique.pth>
- [https://www.alyon.org/litterature/règles/figure\\_de\\_rhetorique.html](https://www.alyon.org/litterature/règles/figure_de_rhetorique.html)
- <https://www.unige.ch/lettres/framo/enseignements/methodes/rhetorique/rdintegr.html>
- <https://www.etudes.litteraire.com.stylistique>
- <https://www.universalis.fr/encyclopedie/stylistique>
- <https://www.Fabula.org, haïkaï>
- <https://www.Fabula.org, pantun>
- <http://oceanindien.revues.org/1393 ; DOI : 10.4000/oceanindien.1393>
- <http://www.annuaire-fleuristes.com/articles/symbolique-fleurs.php>

### **Tranonkala nakana ny sary**

- <http://gasikar-histo.e-monsite.com/pages/geographie/faunes-et-flores/plantes-et-fleurs/>
- [https://www.google.mg/search?q=tsiriry&sa=X&rlz=1C1AOHY\\_frMG763MG763&tbm=isch&tbo=u&source=univ&ved=0ahUKEwi43feCiP7ZAhWoLMAKHfXKBpcQsAQITA&biw=1024&bih=677](https://www.google.mg/search?q=tsiriry&sa=X&rlz=1C1AOHY_frMG763MG763&tbm=isch&tbo=u&source=univ&ved=0ahUKEwi43feCiP7ZAhWoLMAKHfXKBpcQsAQITA&biw=1024&bih=677)
- <https://www.futura-sciences.com/planete/questions-reponses/insecte-criquet-sauterelle-grillon-differences-7597/>

- <http://agir.avec.madagascar.over-blog.com/article-aviavy-et-amontana-les-risques-de-disparition-sont-reels-109721333.html>
- [https://www.google.mg/search?q=voasary&rlz=1C1AOHY\\_frMG763MG763&tbm=isch&tbo=u&source=univ&sa=X&ved=0ahUKEwiuhqKzjv7ZAhUHKcAKHalYAmIQsAQIdg&biw=1024&bih=677](https://www.google.mg/search?q=voasary&rlz=1C1AOHY_frMG763MG763&tbm=isch&tbo=u&source=univ&sa=X&ved=0ahUKEwiuhqKzjv7ZAhUHKcAKHalYAmIQsAQIdg&biw=1024&bih=677)
- [https://www.google.mg/search?rlz=1C1AOHY\\_frMG763MG763&biw=1024&bih=677&tbm=isch&sa=1&ei=fa2yWsi1CMLEwALHlrOwCQ&q=voaloboka&oq=voaloboka&gs\\_l=psy-ab.3..0.31483.32730.0.32952.6.3.0.3.3.0.326.326.3-1.1.0....0...1c.1.64.psy-ab..2.4.335....0.iwytXB6eMDM#imgrc=5WINMp\\_EnLfqIM](https://www.google.mg/search?rlz=1C1AOHY_frMG763MG763&biw=1024&bih=677&tbm=isch&sa=1&ei=fa2yWsi1CMLEwALHlrOwCQ&q=voaloboka&oq=voaloboka&gs_l=psy-ab.3..0.31483.32730.0.32952.6.3.0.3.3.0.326.326.3-1.1.0....0...1c.1.64.psy-ab..2.4.335....0.iwytXB6eMDM#imgrc=5WINMp_EnLfqIM)
- <http://tontolo-iainana1.e-monsite.com/pages/karazam-borona.html>
- <https://annuaire.mg/parc-tsimbazaza/#les-animaux>
- <https://annuaire.mg/parc-tsimbazaza/#les-vegetaux>

**TOVANA**

## FANOLORANA NY AKORA

Zava-dehibe ny hamaritana dieny aty am-piandohana ny akora hiasana hanatanterahana ny asa fikarohana. Niompana tamin'ny fandalinana ireo sarinteny tao amin'ny hainteny ny asanay.

Efa misimisy ihany ireo mpikaroka no nanangona hainteny fa ireo nagonin-dRakotonaivo François izay narafiny ho boky mitondra ny lohateny hoe *Hainteny ankehitriny* no nosafidinay ho akora niasana. Ny hainteny nivoaka tao amin'ireo gazety tranainy no nataony tao amin'io boky io. Betsaka ny gazety nahitana hainteny fa ny tao amin'ny *Vaovao frantsay-malagasy* no noraisinay ka ireo lahateny nivoaka tamin'ny taona 1900 ka hatramin'ny 1955. Miisa 51 ireo hainteny niasanay ary tsy nanova ny filaharan'ireo hainteny nataon'ny mpanangona izahay fa nomenay laharana fotsiny. Mihevitra izahay fa mba hahamora ny fitadiavana ny hainteny voaresaka ao amin'ny fanadihadiana no anton'izao.

## **H1- Kirin' ny te hanan-tiana**

- Diavolana am-batoloampy,  
mangoratsaka an-keniheny  
na dia itampesona aza ianao,  
an'ny hafa ny foko fa tsy anao!  
- Fodilahy mena volo,  
voro-mena fandia,  
na maro aza ny lava volo,  
ianao ihany no foto-dia,  
raha tantely no homeko anao,  
eny, mamy ihany iny  
fa misy faikany;  
raha voasary no homeko anao,  
eny, mamy ihany iny  
fa miendri-bato;  
raha fary no homeko anao,  
eny, mamy ihany iny  
fa sary hazo;  
fa ny tiako homena sy hatolotra  
dia ny fifankatiavana tsy ho ritra  
ary ny fisankaizana tsy ho lany;  
ary vavolombelon'izany:  
iny ny lambako ho anao,  
fa izaho hanao lamba rivotra,  
iny ny peratra ho anao,  
fa izaho hanao peratra ahitra.

**J.R.b.n.n (Vaovao frantsay –malagasy, 23 marsa 1900)**

## **H2- Manan-taona ka tsy fioty manta**

### **Mpiteny**

Misondrosondrota, ravohirana,  
mba hanakarako anao amoron-drano ;

mietretre, ravoamandina,  
mba handraisako anao ambony ahitra.

Maso tanora miranga ny anay  
ka mifenifeny ny hahazo.

Fon-jatovo miontana  
ka miharana mba ho tanana.

Izany anie no farihy manantsika tsiriry,  
ka izay mihoripika ihany no manenina.

### **Valiny**

Tsy Tankay aho ka tsy halala dian-dambo,  
tsy vahiny ka hatoro lala-mena mihoatra;  
fa ianao iky no mpamboly arebin'ny taona,  
ka hitsongo anana vao mitsiry,  
mpandranto tampohan-daviana  
ka manorin-dasy vao misandratra andro.

Fa ataonao valala taraika va re  
ka hanidina mbola tsy moratra,  
sa ataonao amiana an-tany fady  
ka hihitsan-dravina mamaton-taona?

Aleo miala jarika dieny andro, rahavako,  
zaza notinaizam-banona ny aty,  
ka tsy misaraka andro tsy maoty;  
atody vola nokotrehin-dreniny,  
ka tsy miala akorany tsy amin-taonany.

**J.TSELATRA (Vaovao frantsay-malagasy, 26 janoary 1912)**

### **H3- Sarobidy ka tsy atolotra ny tsy ho tompony**

#### **Mpiteny**

Sakaizako aza ravoronkahaka  
mba hindramako ny fotsy tenda,  
longoko aza rafody  
mba hijakiako raha fararano;  
fa mba havako aza ny vorom-potsin'ny fo

isampinako ela-potsy ririnina,  
hitehi-drano raha fahavaratra,  
ka hitosy an-tahala raha lohataona;  
izany mantsy, rahavako,  
ny miara-dia samy tanora  
ka maty odovy andavan'andro;  
mpitovo manambaka ny namana iky,  
fa raha tsy afa-po tsy misaraka.

### **Valiny**

Tsikafonkafona iray hetrina,  
Ramilamina eram-parihy -  
raha hitsingatotra tsy ho tompony,  
aleo mivalana ho entin'Ikopa;  
torin-tseva iray hadivory,  
foto-porohana mameno tanety –  
raha handalo tsy hitombo,  
manjaria lavenona hitrebonan'ny ahitra,  
tsy adin'akoho ny fitia, tompoko,  
ka ho sedrasedraina mora miala;  
tsy rovam-boasary an-tsena  
ka andany vato aman'andrana,  
fa koromby vy koromby varahina  
ka tsy ny varo-maty tsy omena azy.

**J.TSELATRA (Vaovao frantsay-malagasy, 2 febroary 1912)**

### **H4- Tanan' ny mahatoky ka tsy miova toetra**

#### **Mpiteny**

Sondro-bato nasesiky ny tany,  
Sondro-daingo nasesiky ny faka,  
mba mahaiza mianjona fa tian'olona,  
Ny tia anie godona voasoroka ahitra,  
ka raha tsy hitsahina maniry ahitra;  
tamanan'omby malai-mody,

ka raha tsy itrotoan-janany tsy manaraka;  
fitia vao manantatra olona,  
ka raha tsy ampitambazana tsy mihizina.

### **Valiny**

Vero tsindriam-pody,  
raha tsy folaka – tapaka;  
zozoro tendroin’otrika,  
raha tsy fola-doha dia tarangana;  
fa fitia tovonan-tsotry,  
sao tsy mahatana azy ka ho votsotra.  
Aoka ihany iky,  
fa tsy mba tana voasika ny anay,  
ka hiova soratra an-kazo mena,  
na foza kely voahalotra  
ka hiofo volo am-bilany,  
fa fitia volon-takatra,  
toetra am-bozon-goaika  
ka ny fahakely ihany no ho enti- miantitra.

**J.TSELATRA (Vaovao frantsay-malagasy, 19 avrily 1912)**

## **H5- Tena iray ka miombom-pahoriana sy hafaliana**

### **Mpiteny**

Akata milobo iray lohasaha,  
vero mizaozao iray vodivona –  
faka samy manana ny azy,  
taho samy mitondra ny anjarany,  
ka na hanavasava aza ny vositra  
ka hirevirevy mandany andro ny saraka,  
izay voahitsaka ihany no mandry,  
izay voahosy ihany no milamaka,  
fa tsy mba fako an-kadilalana izahay



ka anara-driaka mivalana,  
na atodin-tsorohitra manara-korona  
ka hiombom-pahoriana amin'ny afo,  
fa tandindona manjohy olona,  
ka raha maloka ny andro misara-toerana.

### **Valiny**

Hay tsy varavarana hombo vy  
fa hazo fisaka midity harongana  
ka nony voatohina dia mihataka!  
Nataoko ho azo manga hialofana lahy,  
soron-tankazo tsy mahaleo otina,  
ka vao domin-dambo dia hentitra.  
Ny anareo nga fitia mifaham-bolo  
ka tsy mikambana raha tsy miadana,  
fa ny anay solo hoto amin'ny piraka  
ka may miara-mirendrika,  
mangatsiaka miara-mivongana,  
Izany, rahavako, no roa lahy milanja ambetraka  
ka sendra laviana miara-miropy,  
sendra mafana miara-mihinjaka.

**J.TSELATRA (Vaovao frantsay-malagasy, 21 jona 1912)**

### **H6- Nenina va?**

Fa nododonan'iza avy aiza  
no manombana tsy mba mandinika,  
ary sendra nomen'iza toky  
no avy toa patrak'ala?  
Gaga aho fa ny faniriana zatra mpitsidika, hono,  
tsy mahataitra izay samy tia,  
fa raha tratan'ny hatsiakan-dririnina angaha aho  
dia atakalo ny hafanan-dohantaona ?  
Fony fitia mitafotafo

notsihifina izay ahatapany azy,  
ka nony efa an-kanifisana  
vao miady varotra fa ombikombiny,  
Eny iky, ramatoa,  
vizambizana tany Ambohidempona angaha  
no aty Ankatso no miala voly,  
sa natosiky ny hasim-pitiavako  
ka miverina amin'ny tsy tian-kianteherana?  
Ny habakabaka anie  
ka malalaka hanidinana,  
ny farihy midadasika hilomanosana,  
saingy ny elatra enti-mikopaka  
no sao mivika eny am-pihazana!  
Ka etsy nge,  
ny voaloboka nahazo tany aniriana anie  
mba te-hiantsampy amin'ny talantalana,  
ary ny avoko eny an-tanety  
mba mitady rano hanondraka;  
koa raha hiverina raisiko tanana,  
raha ho roso omeko tso-drano,  
fa voninkazo zatra miery izahay  
ka tsy miavon-tsisin-jaridaina.

**DIERAN'IARIVO (Vaovao frantsay-malagasy, lah 2603, 10 janoary 1947)**

### **H7- Fitia mampitamby**

Ndrematoa ô,  
sendra ny feo avo loatra aho  
ka nanao saikiny malefaka;  
ary zaza fahana-matory  
ka tomany raha tsy misy mpibaby.  
Gaga aho  
f'ity ianao nisoratra ho ambolo  
no nanjary aketa fatra-pitsipika;

ary vonin' avoko natao haingon-trano  
ka voahasoaso vao mitolefika,  
Raha mitsiky aho, ianao no tsontsa,  
raha homehy ianao, izaho no babo.

Raha nandriotra ve aho, Rahavako,  
dia ianao no nanapaka;  
ary raha nanenjana aho  
dia ianao no nanentitra?

Voatambitamby lava mantsy ianao  
ka nony mahazo pitsony kely dia manavy,  
Tsy hitako izay fanafody ho anao,  
fa sady alobotra no alofisaka  
ka tsy misy fanafana antonona azy  
raha tsy eo amin'ny kianjan'ny "Afa-po",  
Tsiriry anie aho ka tsiriry,  
arosy ianao ka arosy,  
rano no iraisana fa rehefa taitra samy lasana,  
ka mivelom-bolo eo amin'ny lasin'ny fiononana,  
nefa tsy vato anie ka hipika raha akambana,  
ary tsy vy ka ho may vao hitambatra.  
Tsy manolotra anao ny santionan'ny "Aaok'izay",  
fa mampiseho ny lafy ratsin'ny "fisarahana",  
ka raha fitian-jazabodo "hiombona isika"  
dia "ndao ary";  
fa raha ranom-pefiloha vaky tsy vitam-pokonolona,  
samia manao ny tandriny.

**Daniel RANAIVO (Vaovao frantsay-malagasy, 21 marsa 1947)**

## **H8- Fitia mamilafila**

Eny, ho'aho, Ravorona  
ny habakabaka ve no tery

no toa tsy mikopak'elatra,  
sa ny farihy no ritra  
no malai-milomano?  
Gaga an'iry zanak'olona aho,  
raha mahatofoka ny tsidi-pahitra  
nahoana moa raha mifitsaka?  
Sombintsombim-pitia ve no hatolotra  
ka hitovy amin'ny any efa feno?  
Angola miandalana ve no homena  
ka nahoana no mianjona raha ihodiana?  
Sahirana misodi-bary hafafy ianao, Rahavako,  
fa ny tsiparifary anie maniry eny ihany,  
manorim-pitia amin'ny olon-tsy heny  
ka mitondra aretin'an-doha am-pandriana;  
ny violety no miavon-tavy, hono, anie  
ny tratran'akanjo eo miandry ihany,  
ary ny voninkazo tsy henin-tany haniriana  
no miady zaridaina handatsaham-paka!  
Samy farihy, hono, anie i Tsimbazaza sy Mandroseza,  
fa ny iray misampatsampana eran'Iarivo,  
ny iray kosa avelao ho tambiazina amin'ny maha-rano monina azy,  
ka raha hatranga ny tambitamby,  
mba haseho koa ny hambom-po;  
ny fiharikerehana toa fiantsoana  
avelao hikimpiana ho fara-veloma,  
fa tsy fahafirin'izay ho tiavina aho akory  
ka hidododoana andro merika,  
ary tsy fahafirin'izay efa roso akory ianao  
ka tsy hahalalako ny oram-baventy.

**DIERAN'IARIVO (Vaovao frantsay-malagasy, lah. 2682, 13 aogositra 1948)**

## **H9- Fitia efa miandalana**

Ranomaso noteren-tsetroka tsy tomany,  
mitomany tsy malahelo nahin-tompony;  
tia olon-tsy hita manadala,  
tany tsy ananan-tiana tsy mahatamana!  
Sorohitra anie aho ka sorohitra,  
tsy mangataka ho tolora-mpandalo  
na miandry mpanao mbay lalana,  
fa gaga anie aho, rahavana,  
mamboatra famindra vao tafintohina,  
misampin-kavia ka rora-damba,  
mandalo anoloako toa olom-bado,  
dify ao ivoho vao mahazendana:  
torahim-bato aho hanara-maso,  
hofan-damba hanjohy aoriana!

### **Setriny**

Tsia, tsy zatra fitia antsinjarany aho,  
fa raha tiako notarihiko lalana!  
Zanak'iza iry avy avaratra  
no misarim-bahiny fa tsy tompon-tany?  
mivilia re hoantsafaina,  
mandrosoa horosoan-dresaka!  
Tazanao ve iry voro-manidina?  
singany irery izy ka tsy very dia:  
hitoetra an-kamory moa hanjokaiky,  
hamonjy farihy hihoaran-tсахona!  
Eny, alahelo lavi-tiana ny azy,  
mampanavy eritreritra ka mahasorena.  
Fa ny sinibe, ry lahy, no tsy mantsaka,  
hambom-po sy voninahitra lalina;  
ny ranomasina no atonina  
fa tsy ny sakeli-drano no hifangaroana.

Raha toa anay, re roy, aoka hifanakaiky,  
Hifambomba elatra raha mangatsiaka,  
Hifanohantohana raha sendra tsontsa.

**RIVOTR'ALA (Vaovao frantsay-malagasy, 13 janoary 1950)**

### **H10- Fitia mifamaly va?**

Hono, ho'aho, Rakala tsy foiko,  
hono, ho'aho, ry Rondro malalako,  
nentanim-pitia tafahoatra ve  
no manoroka imasom-bahoaka,  
sa notampohin'ilay "matokia" ianao  
ka tapa-kevitra tsy mba nadinika?  
Tsarovy fa ny fitia mora miorina, hono,  
dia ho lavo sy ho tsofin'ny rivotra,  
fa ny mifankatia tsy mifamarafara mantsy  
tadidio fa ady no tsy maintsy farany.  
Nitondranoa fitia safomorona aho,  
ka nivimbina dinam-pitiavana!  
Ka tandremo sy mba alaviro mantsy  
ny mifanao vato tsindry ahazana  
ka rehefa maloka ny tara-masoandro  
dia any an-kady no toerana mendrika.  
Fa ataovy fitia jijikely aho  
izay tsy miala eny am-bozonoa,  
dia hataoko fitiavam-baliha ianao,  
ka ho rontsoniko rahefa mikalo aho!  
Ataovy fihinam-balala aho, ry roy,  
ka ho laniko hatramin'ny ankorany!  
Fa ny fitia mifamaly, hono, ry lahy,  
no tena mahatsara fihavanana!

Taovolo natao tsara ngita, tsarovy fa saro-bahana,  
Bararata noladinim-bahy, mifamatotra amim-panajana.

**Rose BENJA (Vaovao frantsay-malagasy, janoary 1951)**

## **H11- Maka tokim-pitia**

-Zendana anao aho, rahavako,  
gaga aho, sombin'aiko,  
raha nirintona toa tezitra  
ka tsy nanao veloma.  
Ny fitiavako ve no diso fatra  
ka nampitoto vary ny ao anatiko?  
sa ny fiainana etoana no mahery setra  
ka izao rehetra izao no manao ankasao?  
Inay anie aho ka vorona tonga tery ambony  
Hananika ny tendron-kazo,  
hamaky ny lanitra iny,  
hitsinjo anao irery ihany  
ilay havako navahako tamin'ny arivo!  
Toa akoho sara-dreny aho ankehitriny  
ka miandry anao hambomba,  
nefa kosa raha fitia tapany ihany  
hihatahako fa manimba ny hamboko.

-Aza gaga, ry be hantahanta  
fa boribory anie ity tany ity,  
matokia ny tolo-pitia feno fatra  
sy ny foko madio ary ny fitiavako feno.  
Ny firafirain'ny vava anie ka mora malefaka,  
mora levona toa afon-jozoro ;  
tsy arira na angano no hifanolo-bato mafana,  
sanatria tsy haka fanahy  
ka hitoto vary diabolana  
na avona tafahoatra  
ka hanolo-taolana ny banga.  
Hafatra ihany ireo ka mba vimbino,  
aza atao raraka an-tany,

nefa aza atelina;  
ireo no vary amin-dronono tondrahan-tantely  
ka tsakoy fa ventiny,  
atelemo fa ranony.

**CHARLES (Vaovao frantsay-malagasy, 1 febroary 1952)**

## **H12- Fitia rendrika an-tsasa-dalana**

Voasedran'ny tolona tsy omby tratra angaha, Ndriamatoa,  
no mivoady tsy handia ny tany naha potrahana?  
fa impiry manta vary izato izy  
no mitady handevin-tsotrobe?  
Ny rano nosotroina ve no misy poizina  
ka ny ronono avy no omena amboa?  
Raha vakana hanendrika re, ry lahy,  
Aza arefarefa fa sarotra ny mila;  
raha hanin-kavoky sy hahasoa,  
aza asiana eritreritra fa tolo-pitia;  
raha hahasoa ka hahatsara,  
aza ailikilika ny ondry botry  
ka ny hofany anie mahalonaka e!  
Saingy vorona manana ny ampy ve  
ka hianjona akotry ary tsy tia vatokely?  
Asakasakareo manan-ko antenaina,  
raha ny bozaka no mandavo  
ka ny voninkazo avy no hongotana.  
Veloma madinidinika ary, Ndriamatoa,  
raha handao tsy hiverina intsony,  
nefa tadidio  
fa ny valala tsy indroa mandry am-bavahady.

### **Setriny**

Tsy ny tany nahapotrahana akory, Raondrina,  
no tsy diavina,  
fa ny vavan'ny mpitazana no tsy tantiko



ka itondrako fery anaty tsy fidiny.  
ny taon-jina leoleoko ihany  
fa ny sangy maherim-pitia  
No manalasala ny efa tia.  
Rano an-kararana no nantenaina  
Ka rano tambiazina no gohina:  
Tsy aleo olon-ko azy toy izay hifampitamby?  
Raha nifidy nifantina aho  
naleoko tsy nahalala akory,  
saingy tongotra mby an-dakana va ny fitiavako  
ka harendrika an-tsasa-dalana?  
Tora-bato, tora-pitia,  
tsi-teny, tsi-drora,  
rehefa tsy tiana aza misisika,  
rehefa alavirina aza manatona,  
fa ny tiako tsy tianao  
ny tianao tsy sitrako.

**HANITR’HAR’SOLO (Vaovao frantsay-malagasy, 20 jona 1952)**

### **H13- Tsy hifidy fitia**

Akory izato izy, rahavako,  
no mirintona tsy voakapoka,  
misendaotra tsy misy mpiteny?  
Leon’ny rano nandihizana ve,  
ka mitady farihy vaovao?  
Maika hamonjy tanjona angaha  
no manampy fivoy afovoan-drano?  
Ampian-tany, hono, ny nenina,  
ary sotro valo ny ditra,  
ka tsy nisy namotoana izay hiraisana,  
ary tsy nisy nametra izay hisarahana!  
Sao diso hevitra mantsy ianao  
ka hilaza tena toa Ambohijanahary,

satria ambony toerana noho Anosy.  
Fantaro koa, Rabehaitraitra,  
fa raha vantony ianao,  
izaho maitso volo,  
ianaosy lany hambo,  
izaho tsy lany avona,  
ianaosy lany zara,  
izaho tsy lany tandrify!  
Koa raha avona no hitranga  
tsy hitambitamby aho vao ho tompony,  
ary tsy hifidy fitia vao hanana,  
fa toy ny raty  
ka henjanina tapaka,  
ketrachina miborana,  
koa voizo ary zato lakana  
hahitako izato ho fihetsikao.

**Charles Gabriel RANAIVOSON (Vaovao frantsay-malagasy, 18 jolay 1952)**

#### **H14- Fitia te-hifanatona**

Eny, ho'aho, ry tendrombohitra avo mideza,  
tsy mba manina ve sa miavona  
no toa mipetraka tsy miraika?  
Sa tamanan-toerana sy variana  
no toa tsy mifampikasoka tsy aman-javona  
tsy mifandray tanana tsy ama-masoandro?  
Raha toa anay, ry lahy,  
mba jerijereo Ralohasaha,  
mba todiho maso Ratany lemaka,  
fa efa fomba anie ny avo sy iva  
fa kodiaran-tsarety ny fiainana etoana ;  
ka raha eny an-tampon'Imanerinerina ianareo,  
mba mbombay elatra izahay  
hitafy ny lamba mafana,

hiravaka vonin'avoko,  
fa izay mahavangivangy tian-kavana!  
Fa raha tsy manina anay, rahavana,  
Hitoto koba izahay hatavy,  
Olona iray no tsy tia!  
Fa raha ikaky sy ineny kosa, reroy, no mihataka  
hisotro tangena ny zanak'olona  
handry eo ambony vato.  
Fa ny todi-pitia manodiava,  
ny todi-paty no aza manody.

### **Setriny**

Eny, ho'aho, ry lohasaha fitoeran-javona,  
tsy ny misondrotra avo anie no manaka-danitra,  
tsy ny mitokatokana anie no miavona,  
fa ny toetra no samy manana ny azy!  
Vorona izy anefa ka vorona ihany,  
fa ianao zanak'olona?  
manan-tsafidy ka makà saina,  
fa ny maso mifampitady, solon-teny,  
teny fonosin-toky, fonja-toky,  
toky tsy arahim-boady, saro-tanana,  
koa tapak'andro no omeko anao.  
Manga ny lanitra raha ilaozan-drahona,  
mirana ny andro fa mety ho maloka,  
raha ahiahy no mahasaikatra,  
eo safosafoiko hanafak'azy;  
raha hasambarana no mananontanona  
etsy horohako ho safononoka!  
Koa hono, ho'aho, rahavako,  
tia ve ianao?

**-Manina aho!**

-Ao ary isika hifambomba fitia.

**Martin RAHARISON (Vaovao frantsay-malagasy, 13 febroary 1953)**

## **H15- Fitia mampitamby?**

Eny, ho'aho, ry tara-bolana toa mampitamby,  
mitranga toa tsy ho matroka,  
nefa tsy menatry ny hiafin'endrika;  
tsy mibaliaka fiseho antenaina,  
nefa tsy maty hitafiana famoizana!  
Fangala-piery ifanaovana ve  
tsy hananako fahatofohana,  
sa fampitambazana tsotra  
mba hahalalako anao "afa-po" ?  
Raha hitsikitsika tsy hanaiky,  
mampanantena tsy misy,  
raha hanadala tsy hita,  
ny mamoy akory tsy sarotra.  
Koa raha hanta natao tsy hankaleo,  
misehoa ho tsenaiko fitia,  
raha avona tsy tian-kaseho,  
ny tsy an-teny ierana no mahabe nenina.  
Kalokalo niraisana mantsy,  
lokanga sy feom-baliha,  
raha hiray tsy hiventy ny "manina azy",  
ny hiram-pamoizana koa tsy lany,  
koa tsofy ny lanitra handonako ny tany;  
raha hanaja ny soa nifanaovana,  
mitrangà hotsenaiko hafaliana;  
raha toa samy ho masina an-taniny,  
soa ihany tsy nifanakaiky.

**Dolorès de Valih RANAIVOARIJAONA (Vaovao frantsay-malagasy,10 jolay 1953)**

## **H16- Tafa-pitia**

Zana-jovy, hono, iry tazako,  
olon'iza izato miserana?

Vahiny tsy zatry ny maso ve  
no manadala fijery  
sa endrika iray efa hita  
te-hanaitra ny fahatsiarovana?  
Raha vahiny handalo ianareo  
na tiana aza manalasala;  
fa raha vahiny hanao sari-monina  
dia hianjona ve raha antsoina?  
Isika izao anie, rey lahy  
natambatry ny hindran-tany,  
nampiraisin'ny filan-dravin'ahitra  
fa mpiavy sy valovotaka,  
nampihaonin'ny kisendrasendra;  
hanontany fototra aza hatao,  
ka ny iray fihaviana ve no tsy hiombon-tafa?

**Dolorès de Valih RANAIVOARIJAONA**

**Setriny**

Eny, ho'aho, randriamatoa,  
misaotra anao ny hahary,  
fa raha mararim-pitia manahirana,  
Ravin'ahitra no foto-dia,  
kanjo tojo fitia mahafanina!  
ny sendrasendra anefa tsy diso,  
ny anjara nga mba ampoizina?  
fa raha fitia alai-maso,  
raha maso vao mahataitra,  
aoka ihany samy hitondra ny hajany,  
fa vahiny sy valovotaka,  
haingon'Imerina sy jijikelin-dRasaraka,  
ka raha tsy hitambatra ho ravaka,  
sarao fa sao tsy maneva.

**VONINKAZON'IVONDRO (Vaovao frantsay-malagasy, 17 jolay 1953)**

## **H17- Fitia sahy sedra**

Hono, ho'aho, ry diavolan'i Sandravangy,  
sembantseban'ny takela-drahona ve  
sa hetraketrahin'ny voalin'erika  
no toa be fitaka malai-mitranga?  
Nefa sasa-miandry ity fo amanin-tiana!  
Raha itondra ilay hafatra avy any  
dia ho arahabaiko amin'ny endrika mirana.

Ary lonjony va no manorisory fa maloka?  
Mba hamendrofendro ny itony saiko efa maloka.  
Fantatro, r' ilay voahangy irony,  
Fa ny taratrao malefaka anie  
No balisama antenain' ity singany irery,  
ny hasoan'ny tsirim-bolafotsy hatafinao  
mampanjelatra ireo onja alin-kisa  
no manafosafo 'ilay fanahy torovana.  
Sa kosa vizaky ny lalan-davitra  
ka hitambesatra alahelo  
ity aty ambadiky ny bonga ?  
Izaho, re lahy, no hafatro ho azy :  
efa akaiky, hono, ve ny ora volamena  
hitrotrona ilay lisim-pitiavana?

### **Setriny**

Izaho hono no izy, re roy,  
toa sendra ny raho-mavany  
ka niseho nampitamby, lahy,  
ary tojo ny ora-nisompatra  
ka matroka tsy fidiny mantsy!  
Eny, hitondra hafaliana mitafotafo  
Ka tsenao amin-tava baliaka;  
ravao izany sentom-panahy,  
fafao ny ranomaso mikoriana,

fa haitraitra sendra niserana  
ka aza kivy ambony ihany,  
fa mifanosolo marimarina  
ny andro sy ny alina maizina,  
koa fenoy hani-kahasambarana  
ny kilasin'ny fitia sahy sedra  
hiravoan'ily nanaiky sy nekena tsy an-tery.

**Suzane RAVONIARISOA (Vaovao frantsay-malagasy, 27 mey 1955)**

### **H18- Raha miavona mba iavonana**

Eny, ry andian-tsiriry mihoatra andrefan'iry takariva,  
Lazalazao amin-dRamandatsa  
nefa miangola amin-dRamiavona  
nefa mbola tia,  
fa raha zana-dRamiangola izy  
ny aty solofon-dRamiangitra ;  
raha teraky ny efa tsy tia izy  
ny aty taranaky ny efa tofoka ;  
ka ambarambarao aminy, lahy,  
fa nataoko mba ho voromanga manim-podiana  
no matoa niserana teny aminay;  
noheveriko ho ny akohon' Ikala  
no matoa nandalo tsy nantsoina;  
kanjo hay vorondolo taitr'andro  
ka nanjokozoko mba ho any an-kady!

#### **Saikiny**

Odrey, ry lain-draiketa ery an-tanàna haolo,  
vao tohina ve dia hanidina?  
Dobo kely tsy mahalala sangy ve, hono, izy  
ka raha iangolana somary iavonana  
dia mivoa-potaka irery?  
Sa omby tsy folaka tsy mahalala vazivazy  
ka raha siahina, mitroatra manoto?

Dinidiniho amin-dRatsimahalalavazivazy, lahy,  
fa raha nataony ho kofehy landy  
hanenda ny vozony sy angolavaitrako,  
asaovy ampidiriny ho sampilahy  
haingon'ny sorony!

**ASTRE (Vaovao frantsay-malagasy, lah, 1077, 7 sept 1917)**

## **H19- Tofopitia**

Eny iky, ry tadio avy any antsinanana,  
ry rivotra tia seraserana  
lazao amin'iny olona iny  
fa nataoko ho vonin-draozy sahaza ny vazy izy,  
kanjo hay tsy mahasaraka ny iray fehezana amin-dramiary!  
Nampoiziko ho ny voaloboka  
tsy ihoatra ny talantalana nanolokoloana azy,  
kanjo hay voatavomonta mandady  
ka ahi-pandrotrarana dia hamikirana!  
Lazao azy fa tsy tampohim-pary aho akory  
ka hifiaka an'iny amam-baniny;  
na vao nahita ny mamy  
ka hitsoboka alohan-tantely;  
na tampohin'olon-ko tiavina  
*ka hiray amin'izay mpila vaniny*  
Fa aiza, hono, izy no monina,  
Ry tendrombohitra Ankaratra;  
ambarao fa sao tsy fantany  
fa ny omby no tsara famolaka,  
fa ny fitiavana mora atoraka.  
Saingy tsenain-tsikitsiky  
dia manidy molotra amin-janak'olona;  
saingy safosafoko amin'ny tana-kavanana  
ka manifikifika amin'ny tanan-kavia!  
Ny goaika liam-boanjo, ndriamatoa,



no mihehy tany manasatr'olona,  
ary ny vorompotsy no tsy mahafofy omby  
noho ny kongona indraim-bava;  
fa izahay, na tsy voninkazo marevaka an-jaridaina aza,  
avoko an-tampon-tanety  
manaja ny tany aniriany;  
na tsy miranga fiseho toy ny dalia mihoatra tamboho aza,  
violety miafim-paniry talaky mason'ny olo-mihaja  
Ka veloma ihany, Rabefampitamby,  
fa ny vahiny sasa-dalana no maniry fandriana hilasiana,  
izahay kosa tofoky ny fitia feno avona  
ka homba ny lalan'Iarivo  
hitady ny manga tsy lany.

**DIERAN' IARIVO (Vaovao frantsay-malagasy, 5 jolay 1946)**

## **H20- Hanina ilay tokana**

- Hono, ho' aho, ry tsiriry ery andrefana,  
valaky ny tanin'andro angaha  
ny malomaloka tsy notezerana?  
Sasatry ny milomano am-parihy ve  
no manjokaiky eroa amoron-dalana?  
Sa vizana ny manidina, roy,  
No toa sempotra tsy nenjehina?

- Lazalazao ny sakaiza,  
ambarambarao ny havana  
fa izahay no mitoetra eto,  
manina anareo;  
azonay honenana Alaotra,  
filasianay Tritriva,  
filalaovanay eny Itasy,  
fa Anosy no hany tsy foy,

**Claude RATSIMANDRESY (DAUD) (Vaovao frantsay-malagasy, 21 marsa 1947)**

## **H21- Samy tofoka**

- Eny ho'aho, ndriamatoa,  
izay filatsaky ny tandrifin-drahona akory  
tsy ahakotsa ahy manao dia maika;  
ny vaovao mbola ho avy  
tsy mapiraika ahy efa mipetraka.  
Ianao no tsinkafonkafona am-parihy  
mihaingahainga fa tsy afa-mihoatra!  
Voninkazo madini-pivelatra aho, ndriamatoa,  
ka tsy te hitaha fehezana amin-dalià mirongaronga;  
voninkazo eny an-tanan'olona;  
tsy mitady ny hafa indray,  
raha sahala amin'ny mbola handaingo,  
ny eny an-tanimboly miandry mpioty.  
Gaga aho saingy nentim-pitia mbola vao  
ka nandefitra na dia nohosena aza,  
ary nitsena tsy ara-potoana  
fa manina anao notiaviana.  
Fa ankehitriny kosa aza gaga  
raha ny songosongo natao fefim-boly  
no mitovy torosy amin'ny voninkazo;  
ny kotrokotro-bato tery amoron-kady  
no mahazo haja ery ambony latabatra.  
Koa veloma samy masina an-taniny  
fa aoka ho anjaran'ny vitsika mitady remby  
ny hifako ny hota-pary makina!

### **Setriny**

Eny iky, ramatoa,  
navesatra nga ny toky tany an-kafa  
ka nohamaivanina ny dina nifanekena?  
Sendra matory notolorana ondana  
ka niavona ny tratrako niankinana?

Mandroseza ve no naharendrika  
ka Tsimbazaza no ianjonanjonana?  
Eny e! ... raha olon-ko tiavina no mahadodona  
tsy hihoatra eto Iarivo ity zanak'olona;  
raha olon-tсахala no mivety hambo,  
fa nga misy fitia henin'anjara  
no ndeha hitadiavan-toerana eny an-tsena,  
na eny amin'ny fo feno avona mahery?  
Koa veloma, soava tsarà  
fa ny kararana tsy tambo ho tovozina  
ka ny rano nadroana no hiverenana?  
**DIERAN' IARIVO (Vaovao frantsay-malagasy, 23mey 1947)**

## **H22- Veloma, ray anjavidy!**

Irony rano, irony rano,  
Irony rano akaiky an-dry zoky,  
tondraka tsy mamorivory,  
ritra tsy mangam-pasika.  
Andeha hiaraka ho eny,  
mby eny hitafa sy hidinika;  
avelao hatreo ny saroro;  
vorovorom-pitia efa lasa,  
fa ny dinika an-trano no sisa.  
Raha tsy hamaly toa miavona,  
nefa hamaly toa tezitra!  
Na izany aza anefa,  
hanontany ka aza fady:  
sao rano be fadifady,  
na iray fitiavana amin'Ikopa  
hiemorako dieny aty,  
satria tsy hidolana aman-dakana  
fa tsy fivoy amin'ny angady,  
satria Ikopa tsy ambanam-by;

tsy fivoy amin'ny ambiaty,  
fa ny ambiaty fadin'ny rano.  
Ka hoy aho hoe:  
“fadiro tsikerakerana”,  
Sao tsy eram-po, tsy eram-panahy;  
Fadiro “tsy tohintoshina”,  
sao tsy tohinim-pitia ka misaraka.

### **Setriny**

Gaga aho, Ndriamatoa!  
zendana aho amin'izato ataonao  
miendaka tsy endahina toa raty.  
Aza moramorain-tsy bohafina, ry lahy,  
sao tsembok'orona hidirana an-trano.  
Farahantsana aza ho toharina,  
ranomasina aza hohantsina,  
Betsiboka aza hankaharana,  
ka tsy mbola tazana akory ve  
ka tsipazan-drora sahaday?  
Raha izany no izy, tsofiko rano  
fa tsy hiambozom-barahina tsy terena aho.  
ka raha fody tsy tia horakoraka,  
na hanjakazaka tsy miera,  
aza mihoatra faritry ny ala,  
fa tsy ketsa latsaka an-tatatra aho akory,  
ka na ho vary aza tsy ahoana;  
fa vary akaiky tanàna aho  
ka manan-tompo, misy mpandidy.  
Ka dia veloma, ray anjavidy,  
fa raha tsy mividy fitia tsy mba hanana;  
raha tsy manambitamby tsy ho tompony.

**RAMBELO TSIMIHETY PHILY (Vaovao frantsay-malagasy,12 desambra 1947)**

## H23- Asanareo sy ny nenina

- Hono, ho'aho, Razozoro am-pasam-bazimba,  
tsy fandidy, tsy fanongotra,  
nadalo teto ve Ramatoa?
- Eny, teto izy afak'omaly.
- Ka inona no nolazainy,  
Inona no noresahiny?
- Niteny ihany izy fa tsy niresaka be,  
veloma ihany, hono, ianao, Ndrematoa,  
fa ny amboa mahia no miverina ilalana,  
ka arakara-pitia, hono, fa tsy tiany;  
ny tambitamby, hono, efa ho lany,  
ny fitia, hono, na hivonkina  
dia tsy ahita intsony ianao,  
fa raha misy, hono, izy akohon-tSihanaka,  
hadini-pitia ka ho ratsy hanina?  
Ka asanareo sy ny nenina, hono,  
fa izy sy ny tsy tiana lasan-davitra.

### **Setriny**

Ry tapena-bola, ry rindrim-barahina,  
mba lazao azy fa  
ny soa tamana tiam-bady,  
ka mba jereo kely iry lalana iry,  
miolak'atsy, miolak'aroa,  
nefa any an-kady no farany;  
ka nahoana kosa, hono hoe, ianao  
no mivadi-dina, mivadi-panekena?  
Sa sendra ny vao tany ho any  
ka manary ity taman-trano?  
Nony lany ve ny niaraha-nihary  
dia hitsoaka hihoatra ny fefy?  
Raha soa noho izaho, hono hoe, manovà.  
Fa raha fo tezitra, hono, ny anao,

Aoka fa fihavanan-ko rava;  
aoka fa fihavana-ko rava;  
ny anao kibo tsy tia, ny ahy fo afaka omaly.  
Fa raha tsy ditra fa hanta,  
miverena, fa izay manan-tiana miangola.

**POLY T. NICK (Vaovao frantsay-malagasy, 2 jolay 1948)**

## **H24- Efa tofoka**

Hono iky, Ravorona iry,  
tofoka ve ka hilefa  
handao ny farihy nilalaovana, hikopak'elatra ery amin'ny habakabaka  
hitety ny vohon'ny tany?  
Rindrina efa mirona ve izato izy  
ka tsy azo tohanana intsony?  
sa sira latsaka an-drano  
ka tsy hiverina mandrakizay?  
Sao lozodozo-pahandro  
Na mantamanta fitono, lahy,  
Ka ny atao ihany no mankarary?  
Ariary eo am-pamolesana  
fa solo kosa eo am-pivarotana;  
tsiky eo am-panidinana  
fa tomany eo am-pipetrahana.  
Mba misaina kely, ho'aho,  
fa izay milingilingy no ho potraka,  
izay fatra-pamolaka mbola hitsatoka;  
ho todin'ny asa atao  
ka ho zary nenina an-kibo.  
Koa miverena re  
fa mivalo fanahy tsy haditra aho;  
modia, rahavako,  
fa ny tsy anenenan'olona no ratsy.

**Setriny**

Aza fady, ry malefaka am-bava,  
fa tsy maizina aho ka manafatra jiro,  
na solafaka ka mitady tehina,  
fa ianao no nanantena tsy ho hita  
ka nanofa lamba anaty zavona!  
Nanao hantan-kakana  
ka tapaka am-piolehana!  
Noho izany, ny amboa mahia no miverina ny lalana,  
ny fanoron-dratsy amin'ny tany nialana,  
koa tsy fara-faty akory ka handanian-dranomaso,  
na hany farihy ka hitomaniana am-piakarana;  
fa mandeha mikarenjy, fa Iarivo tsy lany manga;  
tsy banga, tsy rombina ka aza be saron-tava!  
Mahazoa izay tadiavina,  
na mainty, na fotsy,  
fa ny aty leom-boananana  
ka tsy tia zava-boribory  
**Sylver SOLO RAKOTO (Vaovao frantsay-malagasy, 24 desambra 1948)**

## **H25- Gagan'iry zanak'olona aho**

Gagan'iry zanak'olona aho,  
sadaika amin'iry Ndrematoa,  
teny an-dasy malalaka toa tsy nanopy maso,  
ka nony ery an-kodimirana vao mampiato famindra,  
teo am-pifanatrehana toa nihodinkodim-panahy,  
ka nony toloram-beloma vao hamelon-dresaka kely!  
Gaga mantsy aho noho ny ankehitriny,  
tsy afa-namefy ny lobolobo nierena  
no niseho am-pamoloana izato namanao tama-miafana?  
Zatra mahita toerana ve no navalin'ny fefy tsy sahaza,  
sa te-hiseho ho manam-pitrotro  
ka tsy miavon-tsandry mamihina ?  
Tsy mahagaga akory, rahavako...

Tsy foana tsiro akory ny hotam-pary efa very,  
fa ny vitsika ao mbola hivangongo;  
raha niala am-bazy ny voninkazo,  
tsy mba hahazo ny saha ve ny harom-pako?  
Itsimbazaza no mahakenda tsingala,  
ka aza Imandroseza voasitily no tantavanina;  
ary raha tany Ankatso no nisavorovoro,  
aza aty Ambohidepona no miparitaka.

**DIERAN' IARIVO (Vaovao frantsay-malagasy, lah. 2710, 28 janoary 1949)**

## **H26- Ny tia sy ny tsy tia**

Mipipika ny adrisa eny an-tampon-tanety,  
mibobobobo ny kibobo any anaty bozaka,  
samy mifaly amin'ny fombany va re  
sa mifanena eo amin'ny kianjan'ny fiainana?  
Ny bika sy ny endrika angaha, ry lahy,  
no tsy mitovy, fa ny ankany heverim-paradisa  
ataoko fa mitovy sy ikambanana ihany...  
Koa raha mitovy ny sata sy ny fanao kosa  
aoka hifambomba elatra, hiara-kisakambina  
fa ny vatosoa sy ny- volamena, hono, ry lahy,  
tafatambatra hifanendrika, miray samy soa.  
Izany no hafatro,  
fihino ka dia anjaranao ny sisa,  
ka mba topazo maso ihany  
ilay voatosi-tanana!

### **Setriny**

Ny adrisa sy ny kibobo, adriamatoa,  
toa samy hafa loatra;  
ka ny fomba sy fanao hiaraha-manana  
tsy ampy hambomba antsika hiray toerana;  
fa raha ianao kibobo,  
izaho kosa adrisa...



Fa ny vanja sy ny afo tsy miray toerana,  
ka veloma madinidinika, ho'aho,  
no lamba atafiko ny fitiavanao!

**RIVOTR' ALA (Vaovao frantsay-malagasy, 7 oktobra 1949)**

**H27- Vorona samy hafa izaho sy ianao**

Gaga anao aho, andriamatoa,  
zendana anao aho, Ramioramiova,  
fa hay tsato-kazo natao ho tratarina  
no najorona ho tendrombohitra hanelanelana,  
ka ny voady niniana tsy ho rava  
no nosorohinao tamin'ny angadim-pitia moramiova;  
nony ritra ilay nikambanana  
sy nahazo ilay raozy niaraha-nioty;  
saingy tsy tampohin'ny fo tsipolitra anie ny aty  
fa tanavo nomena toky!  
fa izato randram-pitia nolantoina  
sy angolangolan-teny fony fahiny  
no niova ho sabatra momba antsy  
hamahàna ilay herim-pitia efa nihenjana  
ka nampimaona ahy efa nilasy!  
Eny, tafintohin'ny vato napetraka aho,  
voadonan'ny hazo natsangako  
ka solafaka mbola tanora!  
Nefa zana-boay natelin'ny mamba iny, Andriamatoa,  
ka tsy very fa ao an-kibon-dreniny!  
Fitia ve ka dia hanambazana,  
ny nanombanana aza tsy notolorana  
ka ny hamono antoka indray no hantsoina?  
Mbola fitia ketsa ny anao, ny havako izany,  
Rendrarendram-pitiavana ka mifindra,  
Koa etsy ho tolora ho veloma masina  
fa vorona samy hafa izaho sy ianao  
ka tsy iray fodiana, tsy iray filomanosana.

## **Setriny**

Eny mantsy, Rakalakely,  
ny tsio-drivotr' Ankadilalana aza  
nanao tsy omby roa, aritra ihany,  
ny oram-baratra natao tsy hitsahatra  
andry ihany fa nisy fiatoany,  
fa ny sakodim-panina nafitsokao  
sy ny raosi-jamba tery amoron-tevana  
no fandrotsarana tsara randrana nofatorana  
mahafingana ny fo vao notapohiny,  
ka nandavo tany amin'ny hantsan'ny famoizam-po!  
Fa Rafotsibe maty andro nandroana, hono,  
ka tsy henina ny aty sy ny any Ambondrombe!  
Saingy zatra ny nataoko saribakoly ve  
ka hitomany trotroina mandrak'antitra?  
Noseranim-pitia teny am-pitsenana ngaha  
no dia manao veloma sy tezitra?  
Raha izany foana aza mianjona  
fa tsy farihy manenji-borona ny aty  
na fo mitamby fitia ,  
fa maitia etsy aloha,Rahavako,  
mbola samy tanora, samy fitaratra  
ka izay iray lany manja aloha!

**EUPHREDY DE LAMARNE (Vaovao frantsay-malagasy, lah, 2808, 15 jolay 1950)**

## **H28- Ataoko tanala very sampy**

Tsy adala monina Ankaratra aho, ndriamatoa,  
ka tsy hahalala vonin-tсахondra ho vaky;  
ny tsikobokobon-danitra ety an-tany aza  
mahalala ny oran-ko ritra;  
ry rivotra eny Andringitra  
mahalala ny akofa tsy vary;

ny akoho mitsindroka  
mahalala ny apombo hailika,  
koa mainka ve ny zanak'olona  
tsy hahalala ny fitia efa lany?  
Ny fitiavana toy ny ketsa, rahavako,  
ka ny amindrana azy no ela;  
Tanala very sampy aho ka ny manova no haingana;  
ny manantena tsy misy no sarotra, hono,  
fa ny mamoy mora foana!  
Raha lany anana ho torina aho  
mitsongo anana an-kady  
raha lany vary an-tsompitra  
manao sosoa vody lavaka;  
ny kibobo diso valala, ndriamatoa,  
no mitsindroka ny vatokaranana,  
ny tsiriry diso farihy  
no misotro rano tambiazina,  
ny ombimanga latsaka an-kova  
no mifiaka ny antsoro maina,  
f'izao kosa tsy hihafy amin'ny fitia efa vasoka;  
na mavomavo an-tsisim-boly  
toy ny amberivatry aza aho  
dia mba aron'ny sasany ihany;  
ary na zandrin-karena toy ny tsipipina anaty bozaka aza  
dia ody solafaky ny vorona ihany koa!  
Koa veloma madinidinika, ry lahy,  
masina soava tsarà!

**LALAO VOAHIRANA (Vaovao frantsay-malagasy, lah, 2803, 10 avrily 1950)**

## **H29- Voromanga tsy mitomany zana-tararaka**

Dia safotry ny inona izato izy, raondriana,  
no maso no mifanalavitra  
ka ny fo avy no nanadino,

ny fitia no atao ranotrambo?  
Saingy any am-pita ve  
ka tsy ijery ny hofa-lambako ety amorona?  
Ny randram-bao ve no nahamendy,  
ny akanga tsara soratra no mahavariana  
ka hadinonao fa ny vao tsy manitra no ratsy  
fa rehefa tonta sahala ihany?  
Ny nandeferako izay ela izay  
rahefa lasa aho tsy avy himpody;  
ny firavaka aza tsy omena izay mangataka,  
dia ny fitia ve no atao toko sira amin'izay mitady?  
Zatry ny an-kararàna ny zanak'olona, andriamatoa,  
ka tsy afa-pon' ny tohon-jinga  
ary nanantena ny iray manontolo  
ka tsy mahazaka ny hizaha aman'olona!  
Foza halahala, tsikovo-dria-drano,  
lalina fisaina fa ho ritra ny rano,  
ka ianao aza tofoka mbola tapany,  
ka ny aty efa leo ve no hanontaniana?  
Raha ny tsy misy ny hantenaina?  
ny mamoy no haingana indrindra!  
Koa veloma ny any, masina ny aty  
fa isika tanora sy maitso volo tsy hifampitamby  
ary ny avona ananana tsy enti-mamilafila!  
Raha manembona na mahatsiaro  
tsofy ny lanitra handonako ny tany  
fa izay mievina aloha no olo-marina!

### **FLEUR D'IVONDRO**

#### **Setriny**

Gaga anao aho, ka gaga anao,  
manenin-toerana sa ranomaso manetsi-keloka,  
avona tian-kaseho sa hambom-po hifampiderana?  
Sao diso hevitra ianao

ny alaheloko anao mandry irery anie  
fa ny fitia toa ketsa ka ny hamindrana azy no ela e!  
nefa izato izy toa saro-tiana toa landy mohaka  
tia ihany ka misaritaka!  
Ka aoka samy ho masina an-taniny raha izany  
fa ny rano manelanelana manjepizepy rahateo  
ka hanaovana tsipy sandry tsy vatra,  
ho sosan-dakana sarotra;  
tsy ny lakana no tsy misy  
fa ny fivoy no lasan'ny rano  
ka raha voizin-jozoro, ny zozoro malefolefo,  
raha ho voizin'ambiaty, ny ambiaty fadin'ny rano,  
ary raha voizim-pangady  
Ikopa, hono, tsy ambanam-by!  
Nataoko ho rano madio fanala hetaheta  
ka reboka aho saika hitohoka,  
kanjo hay rano tambiazina filomanosan'ny vorona!  
Nataoko ho volamena, ka nosedraiko,  
kanjo varahina ka vovoka aza mahavasoka azy!  
Ny manantena tsy misy tokoa no sarotra  
fa ny mamoy mora foana!  
Koa poa fara-teny,  
pika sy vonin-dramiary mifangarika,  
ary goaika sy railovy tsy iray akany,  
Ny nofinofy akory tsy zavatra,  
ny ambanambana tsy tena izy,  
samy tofoka, samy tsy tia,  
ka aza manjola fijery fa sanatrian'ny vava,  
matesa tsikirity  
raha voromanga indray no hitomany zana-tararaka!

**DOLORES DE VALIH (Vaovao frantsay-malagasy, 19 mey 1950)**

### **H30- Fandrotrarana anie aho...**

Fandrotrana anie aho, fandrotrarana,  
fandrotrarana ery amoron-dalana,  
tsy avy amingana anao  
fa mitana anao mba hiresaka.

Fandrotrarana anie aho, fandrotrarana,  
Fandrotrarana an-tanàna haolo,  
tsy zatra olom-pandalo,  
fa raha sitrakao ny hifandinika,  
mamiko hatramin'ny taolana.  
Ny tsiriry vorona, hono,  
no tsy tamana farihy  
ka mandao,  
fa ny tsiriry ahitra kosa  
mandatsa-paka  
ka masina an-taniny.  
Nefa, re roy,  
ny tapian'ily Imamo  
sy ny zavon'I Manandona  
manetsi-tadiny Ankaratra;  
ka irony vorona irony,  
izay tsy nametra-beloma  
vaky niverina ilalana.

Fandrotrarana anie aho, fandrotrarana,  
fandrotrarana momba farihy,  
tezitra mena masoandro,  
satria ireo voron-tinaiza  
jejojejo ka lasa nivezy,  
raha mena ny farihy nialany,  
mba mena toa azy ny endriko,  
ka raha izaho no hisodisodihana,

efa fon-drenikely,

faisana no ampitondraiko,

veloma, ry vorona adala,

**Samuel Maurice RAJAONARISON (Vaovao frantsay-malagasy, lah, 2797, 29 septambra 1950)**

### **H31- Vetson' ny manina**

Izany divolama an-tanin'olona anie, ry lahy,

miram-pijery ka maharavo,

fitositosin'ny mpifankatia

ka malatsa-tsento ny manirery!

Trotroin'ny rivotra harivariva anie roy,

ny feo mihararetra ny taralila,

arahin'ny lamakon'ny ranomasina

ka tsontsa dia tsontsa ny lavi-kavana!

E! irony tanora miriaria,

mifampisakambina toa tsy hisaraka,

miantsa anteman'ny fifankatiavana

ka mampanjorettra ny sara-tiana

izany diavolana an-tanin'olona anie, roy,

mazava ihany fa somamby ila,

mahangolingoly fanahy sy saina

ka zary sorena ny fo vahiny!

Ry tendrombohitra avaratr'iny,

fandrian'ny zavona, fihoaram-borona,

no ataoko fitazana raha manembona,

fa manakona ny endrik'ilay lalaina!

Eny, ray vorona izy mandalo,

hihoatra any ho any ka ho hafarako,

mba lazalazao amin'ny any, hono,  
fa milalao sento ity sarak' azy!

Koa bitsibitsiho aminy any, lahy,  
ambarambarao azy indrindra,  
f'izany diavolana an-tanin'olona anie,  
zary manjombona raha tsy eo anilany!

**Martin RAHARISON ( Vaovao frantsay-malagasy, lah. 2841, 3 avrily 1951)**

### **H32- Samy be rehaka**

Ianao masoandro fahazavan'ny andro,  
izaho volana, fanala haizin'ny tany;  
ianao Fitarikandro vadi-masoandro,  
izaho Telonohorefy vadim-bolana;  
ianao manda aron'ny vohitra,  
izaho fehy avo tsy azo ihoarana;  
ianao vodivona iaferana,  
izaho tanjona iantsonana;  
ianao foto-kazo ialofana,  
izaho andry iankinana;  
ianao vato nasondrotry ny tany,  
izaho trafo nasondrotry ny nofo;  
ianao sakeli-mihoaja-joro,  
izaho saonjo mihoatra akondro;  
ianao hitsikitsika tompon'ny dia,  
izaho vivy tompon'ny rano;  
ianao ombimanga taranaky ny haolo,  
izaho omby taranaky ny mahery;  
ianao tandroka aron'ny vozona,  
izaho ampinga aron'ny loha;  
ianao baka mahay manorirana,  
izaho kirongo tsy azo idirana;  
ianao rofia ravaky ny ala,



izaho amontana ravaky ny tanàna,  
ianao tatamo endriky ny farihy,  
izaho voasary hanitry ny saha;  
ianao havoza hanitry ny ala,  
izaho sakamalaho hanitry ny tanety;  
koa samia masina an-taniny,  
samia mionona amin'ny anjarany!  
Raha sendra manina any,  
ny masoandro jerena fa toraky ny any any aty!

**BERY (Vaovao frantsay-malagasy, 28 septambra 1951)**

### **H33- Tora-bato, tora-pitia**

Voasedran'ny tolona tsy omby tratra angaha, ndriamatoa,  
no mivoady tsy andia ny tany nahapotrahana?  
Fa impiry manta vary izato izy,  
no mitady hadevin-tsotsobe?  
Ny rano nosotroina ve no nisy poizina  
ka ny ronono avy no omena amboa?  
Raha vakana hanendrika re, ry lahy,  
aza arefarefa fa sarotra ny mila;  
raha hanin-kahavoky sy hahasoa,  
aza asiana eritreritra fa tolo-pitia;  
raha hahasoa ka hahatsara  
aza ailikilika ny ondry botry  
fa ny hofany anie mahalonaka e!  
Saingy vorona manana ny ampy ve  
ka hihajona akotry ary tsy tia vatokely?  
Asakasakareo manan-ko antenaina,  
raha ny bozaka no nandavo,  
ka ny voninkazo avy no ongotana!  
Veloma madinidinika ary, ndriamatoa,  
raha handao tsy hiverina intsony,  
nefa tadidio

fa ny valala tsy indroa mandry am-bavahady.

### **Setriny**

Tsy ny tany nahapotrahana akory, raondriana,

noho tsy diavina,

fa ny vavan'ny mpitazana

no tsy tantiko

ka itondrako fery anaty tsy fidiny.

Ny taon-jiana leoleoko ihany,

fa ny sangy maherim-pitia

no manalasala ny efa tia.

Rano ankararana no nantenaina,

Ka rano tambiazina no nogohina;

Tsy aleo olon-ko azy toy izay hifampitamby?

Raha nifidy nifantina aho

naleoko tsy nahalala akory,

saingy tongotra mby an-dakana ve ny fitiavako

ka harendrika an-tsasa-dalana?

Tora-bato, tora-pitia,

tsi-teny, tsi-drora...

rehefa tsy tiana aza misisika,

rehefa alavirina aza manatona,

fa ny tiako tsy tianao,

ny tianao tsy sitrako.

**HANITR'HAR'SOLO ( Vaovao frantsay-malagasy, lah. 2861, 21 desambra 1951)**

### **H34- Mba tofoka koa**

Ry vorona tia rano vao,

mihaitraitra manao tsy ho folaka,

milingilingy manao tsy ho potraka,

mahita anay mavomavo ve

dia androaka anay maizim-bolana,

sa tojo ny soratr'akanga ka hanosika mamatonalina?

Anamamy no niraisana,

ka beroberoka no hisarahana  
nefa nikambana tsy noterena  
tahakan' Ikopa sy Betsiboka?  
Andringitra anie ka te-hanatona an' Ankaratra  
Fa voafehin' Ambohimanoa!  
Koa aza saro-po amam-bady  
sao nenina an-kibo ao am-para;  
aza manao hanta-kakana  
Sao tapaka am-piolehana;  
fa izay fatra-pamolaka mbola hitsatoka  
ho todian'ny asa atao;  
ny mandry tsy misy lafika anie  
ka mankarary tehezana,  
ny miloloha vato tsy mihalana  
mankarary ny loha,  
ka voin-tenan'ny amprisily be avonavona  
fa ny lamba somizo mba manaja ihany!  
Raha tofoka ianao, mba leo aho;  
tsy tsiriry diso farihy akory ny aty  
ka hisoka ranon-tambiazina,  
fa trandraka anaty vato  
ka tsy taitran'izay mpihaza,  
ary tanora vao maitso volo  
ka tsy mitamby fitia feno harika;  
raha olona iray no tsy tia  
mitoto koba hatavy.

**Jeanine RAZAFITSOA ( Vaovao frantsay-malagasy, 18 janoary 1952)**

### **H35- Raha vorona tia rano vao**

Raha vorona tia rano vao aho  
dia hiandry ranonoram-bao,  
raha izany anefa tsy ho andry  
ka izay hita tsy maintsy hirobohana;

sanatria anay ny hiavona  
fa ny rano tia topatopa  
ka manao izay tsy hahatamana ny vorona,  
nefa ange ka  
nilamindamina ery taminay vao hiroboka  
ankehitriny kosa  
toa mandositra ny atsimo ohatry ny avaratra.  
Topatopa isan'andro,  
mody rivotra no anilahina,  
nefa sanatria anay ny ho saro-po  
ka ho tezitra alohan'ny hafa.  
Rano tonga namana anga izy  
Ka hanosika ravin-tatamo,  
nefa anie ka namana mandalo e  
dia hahataitra tsy satry!  
Heveriny ho izy ihany angaha  
no hany farihy malalaka sy milamina  
ka hampitamby vorona;  
any ko mba misy farihy  
hitako fa malalaka sady milamina.  
Ka raha izay farihy tsy mahay mifindra  
no hampitamby vorona,  
dia veloma madinidinika,  
veloma hatramin'ny zozorona.  
nefa raha misy fifonana,  
ny vorona tsy manao am-po  
fa mamela izay efa vita  
mba hitohizan'ny firaisam-po  
manomboka eto sy hatrany am-pita.

**Théodore RAZANAKOTO ( Vaovao frantsay-malagasy, 8 febroary 1952)**

### **H36- Sodokan' ny andro diabolana aho**

Fa, hono, ry vorona sendra mimaona,  
aza fady ento any amin'i Kaky sy i Neny  
izao hafatro izao:

Nitady hibodo fitia, hono, Ikalatokana,  
sy nikiry tamin-ditra,  
ary tafitohin'ny vato napetraka;  
nisangy mihoatra ny loha, hono, izy hoe,  
ka nolatsain'ny ditra nandaozana.

Nikimpy maso tsy ho tana aho  
ka ranomaso no solon-tsakafo;  
mivalo tsy haditra intsony, hono hoe,  
ary tsy ho ela dia hitody,  
hifona amin-dray aman-dreny.

Ento any indrindra izany hafatro izany,  
fa niady tamin'olon-tiana aho,  
tsy tambitamby fa valin-drà.

Hody any ianareo, eny, hody,  
veloma any Iarivo tsy foiko!

Vitsika momba kitay aho mantsy,  
tsy tany tsy tiana noho ny sitra-po.

Nilalao rano aho ka sendra ny voay,  
nilalao fitia aho ka votso-droa,  
nitsipa-doha laka-nitana  
ka nenina no niafarany.

Veloma masina indrindra, ravorona,  
any amin'i Kaky sy i Neny,  
ary ivalozy eo anatrehany  
fa sodokan'ny andro diabolana aho  
ka nivoaka maraina koa.

**Ludger Xavier RANDRIANAVAHY ( Vaovao frantsay-malagasy, 2 mey 1952 ary 17  
avrily 1953)**

### **H37- Reharehan-dehilahy**

Any Itasy angaha no mahadio lamba  
no dia Alaotra no tsy azo anasana?  
Raha tsy tia ny tsimbotrin' Ilempona ve  
dia hanara-damba ny adrisan' Ankatso?  
Onena anao aho, Ratovovavy!  
Koa masina amin'ny “mazava atsinanana”!  
Ny anay ny akanga no “midira midira”,  
tsy tia mpitovo fa be fampitambazana  
fa tokam-po tsy mahay maninjara.  
Koa veloma amin'ny zanak' Imamo  
fa izahay tsy zatra ala-tapia!  
Tsy hamono maso amin'ny tselatr' Andringitra  
fa hihirahira ny zavon' Ankaratra,  
indrindra ange raha midona izany orana,  
zovy, ho'aho, no tsy misento anay ?

**Martin RAHARISON ( Vaovao frantsay-malagasy, 6 jona 1952)**

### **H38- Fitiavan-tsy maty**

Ry tsiriry an' Itasy,  
ry akanga hiazon' Andringitra  
metaza ianareo mba hofaharana,  
hofaharana an-dRalaitsaroana  
ka ento izao teniko izao  
ho ren'ilay saotra ho hadinoina:  
Rasoanofitahina, hono, hoe  
manina fa tsy afa-manotra,  
mahatsiahy fa singany irery,  
mifoha bongo mason'alahelo;  
mandeha, misento ny lala-niraisana,  
mipetraka, mitanisa irony fahiny,  
mandry manonofy ny lasa rehetra.

Koa raha tsy ady na fifandirana  
no antsy nanapaham-patorana,  
miverena ka aza sarotiny,  
fa handray anao tsy haditra  
ilay fo efa nandefitra;  
ka na anana dimbin'ny antsy aza hoe,  
mbola haniry fa miandry anao mba hitango,  
ary ny ela fanadinoana, Rahavako,  
fa izay to fo mpamosavy.

**Freddy RANDRIAMANANKOAVY (Vaovao frantsay-malagasy, 20 jona 1952)**

### **H39- Fitia samy manana**

Mafy fidoboka aoka izany, hono,  
izany rian-drano any Monimbola;  
miskasasasa fiavy toa oran-ko ritra  
irony renirano eny Ambodivato;  
mandefa ny tsipelany takariva  
ny any ambadik'iny Ibity tsy hita maso,  
fa manaitra ny fon'olon-tsy tia  
handrafy ilay olon-tokana enjehina,  
sy manao tifi-danitra maizim-bolana  
ka tsy mahita ny tany hiantefany.  
Koa tandremo kely, rahavako ity,  
saintsaino marain-tsy hariva,  
fa aza dia mitampi-maso  
hiditra an-trano, lahy,  
ndrao ny tena zatra varavarana  
no ho poa-maso tsy satry hotantanina!  
Ianao ve no Ramalailay  
tsy mifidy ombalahy marani-tandroka,  
sa ianao no Rabetsipisandry  
ka hanao rano mitsilany  
amin'ny farihy be mamba?

**Setriny**

Ny tampon-kavoana, raondriana,  
tsy ilaozan-drano madio mangamanga,  
ary ny lohasaha midadasika an-demaka  
tsy mba vitsy hazo tsara voa,  
ka voin-tenan'ny tsy tia, ho'aho,  
fa izany kosa ny fiainana etikitra!  
Ny vary akotry no fitoto an-daona,  
ny rano am-parihy fanovo amin-jinga,  
ary ny sompitra ambany rihana  
miantoka ny taon-tsarotra.  
Ka inona kosa ary, ry havako iry?  
Bitsibitsio raha misy tsy mety.  
Sendra ny fangalam-pierin'ny kitana ve  
ka hialona irony rahon-tsy maninona,  
sa niangaran'ny tara-bolana somamby  
ka tonga hanao antso tokana  
ny masoandro efa nilentika?  
Ny fitia anie ka samy manana  
ary ny vetsovetso tsy misy hafa tsy akory,  
fa raha manina ny aty ny avy lavitra  
lazao, hono, mba tsy ho fitia varavarana.

**Georges Rakotomanga (Vaovao frantsay-malagasy, lah. 2890, 11 jolay 1952)**

#### **H40- Latsa-nenina**

Hono, ho'aho, rey lahy,  
Hono, ho'aho, rey roy,  
Sendra ny diavolam-pararano ve  
No manadino ny masoandro soa mampanantena?  
Sa ravin'akondro nihinanana  
valy fitia sy tsipy?  
Ny bodo sodokan'ny hamenan-tsakay aza anie  
manary ny efa eny an-tanana,  
tsy fidiny fa varian-java madera!



ka tafintohin-tsiramamy,  
lavo ambony tantely anie ianao,  
tsy tsiny fa tso-drano,  
tsy sazy fa nihosotra ny mamy,  
tsy loza fa soa ihany!  
Koa mandehana ary, ary mahaiza mamindra,  
tsy ho solafaka an-tsapaka,  
na ho diso am-panaovana;  
ny ravintsara, hono, anarana ihany,  
fa tsy alaiko noho ny an'ny aviavy,  
ka aza voan-drendrarendrany fotsiny,  
aza mba tojo vorondolo miditra ankanim-boromanga,  
tsy fanahy iniana fa fandravan-tokantrano;  
aza sodokan'ny hariva an-tanin'olona  
ka very voadio ny an'ny tena!  
Zana-borona latsak'ankady aho ity:  
hikiakiaka, kely feo;  
hanidina, tapak'elatra;  
hijanona, manirery!  
Koa fositra ve no tsy hambolem-boavahy,  
Horakora-tzahona ve no tsy hampodiam'ombirana?  
Mba hafaro re ny "any aminay",  
fa ny heloka hibabohana, hono, mody rariny,  
koa asaivo raisiny an-tanan-droa aho,  
fa botrin'ny nenina noho ny ditra,  
fatra-pifidy ny manganana  
ka sendra ny mangidy tsy laitra!

**L. de G. RAKOTONANDRASANA (Vaovao frantsay-malagasy, 8 aogositra 1952)**

#### **H41- Nenina sa hanina ?**

Hono, ho'aho, Razazatanora,  
leo ny habakabaka midadasika ve  
no manjokaiky anaty kirihitr'ala?

sa leon'ny hafanan-dohataona  
no mitady fialofana manirery ?  
Notairina tsy tapi-nofy angaha  
no toa midongy vao mimosaka  
sy tsy miran-tava vao maraina?  
Nilaoza-naman-tsy foy va re  
no lasam-binany be ihany,  
sa sendra izay vitan-dratsy  
ka very anaty ala mahazatra?  
Tsy ampy sitraka ny hiaraka angamba  
ka nifidy ireo niara-dia!  
Aza dia manjombon-tava,  
fa zaza vao irairanonorana.  
Mahimahina aho, ry lahy,  
sao nentim-po tafahoatra ianao  
Ka nilaozan'ny tanora namana!  
Raha tahiny tsy tian' ilay tiana  
mitotoa koba hatavy,  
fa raha nisintaka taminy kosa  
ny lala-mody no asio olona!

**RABARY (Vaovao frantsay-malagasy, 21 novambra 1952**

#### **H42- Mieri-pitia**

Eny, ho'aho, ry zana-borona nokoloina,  
efa tsara tanjona nitodiana ve  
ka tsy hierika ilay morona nialana,  
sa sendra kitay tsara maina  
ka hanilika ny zozoro nahazatra,  
nahita ny anamamy be ravina ve  
ka hanadino ny anatsingita nahabotra,  
sa sendra hain'andro lohataona  
ka tsy hieritreritra ny oram-pahavaratra?  
Diniho ihany lahy, saintsaino koa

Fa ny vato nanao soa aza osora-menaka,  
ka ny mamoha ny fitiavana ve  
no angarihina vory vahoaka?  
Raha soa ihany no nifanaovana,  
tsarovy ny fotoan-dasa rehetra,  
fa raha zaza havaly fitia ianao,  
izaho ray aman-dreny mankasitraka izany.

**Edmond RAVELOJAONA (Vaovao frantsay-malagasy, 21 novambra 1952)**

### **H43- Ala nenina**

Gaga mantsy aho, ndriamatoa,  
zendana aho, raondriana,  
tan-jaridaina aho notoazanao,  
fony nivelatra nolaigosanao,  
ka dia atsipy ve nony malazo?  
Raha voninkazo mantsy, hono,  
malazo ny fomban'ny maina;  
Raha lamba tafiana  
firovitra ny tontan'ny ela;  
raha vonin'avoko, mandefitra rehefa tsy tiana,  
fa raha ny tiana kosa no mahatofoka,  
raha nofidina ka hahamonaina,  
raha ny toerana aleha no atao tany fady,  
raha sangisangy no zary ady,  
ranontrambo angaha ilay fitia,  
kobaka am-bava angaha irony toky  
very hasina ve izany dina?  
Koa matoa aho mbola manafatra,  
mitahiry ny sisa tsy very,  
mahatsiaro ny soa nifanaovana;  
matoa aho mbola mitady,  
very vakana iray fihaingoana;  
ny akoho vahiny ary mora tamanina,

ny rano mania mora tarihina,  
ka olombelona ve tsy ho folaky ny fandeferana,  
hanadino ny zavatra vita?

Asa lahy!

### **Setriny**

Vorona inona, hono, iry vorono  
mikopaka tsy misy mpanaitra,  
kaody tsy misy mpanenjika?  
Olona inona, hono, iry olona,  
lasa tsy misy alaharo,  
lalovana manara-maso,  
nohatonina mamilafila,  
andosirana anefa manaraka,  
itenenana manao landy mohaka,  
ka napetraka hiansampy tsy raisina,  
hiherika anefa tsy antsoina?  
Angaha rabokan'ankizy  
ka tsy afa-po hifamerina?  
Ny nandeferako izay ela izay,  
raha lasa tsy afaka hiverina;  
tsy ny fitiavana no very hasina  
fa ny fonao no tsy nahay nitahiry.  
koa veloma samy ho masina an-taniny,  
fa raha lamba notafina no nisy mpanendaka  
mpangalatra ka aza avela,  
fa raha nariana no nisy nitsimpona  
Tsofy rano fa anjara-mahita!

**Dolorès deValih RANAIVOHARIJOHN (Vaovao frantsay-malagasy, 16 janoary 1953)**

### **H44- Voanemba nipitika an-joro**

Nataonao akofa va aho, izany havako izany,  
ka tsofin-drivotra dia hiankandrefana?  
hazo tokana an-kadilalana ve

ka avela ho tenain'ny rivotra irery?  
mavomavo ve dia ariana?  
raha maivana va re, hono, dia atsipy?  
fa nahoana raha havanina ka tiavina?  
Koa raha fitiavana tsy mifandanja ve rahavako,  
tsy aleo misaraka tsy misy maratra?  
Noheverinao ho akoho diso fisoko mantsy aho  
ka atosika mamatonalina,  
ny vahy tsy ampoky ny ala  
ka ampandiana amin-kazo tsy fantatra?  
Diso paika ianao, rey lahy,  
fa vorona iray no mikopaka  
vorona koa no hisolo azy!  
Koa lanjalanjao ary ny fiainana,  
hevitrevero ihany ny atao!  
koa raha tiana nisintaka ary ianao,  
mandrenesa ilay hira niaraha-nikalo;  
ary raha tsy henonao izy, lahy,  
dia tsarovy ilay farihy nilasiana!  
Voanemba nipita an-joro ilay natosikao  
tsy nirintona fa naka toerana!  
**L. Xavier RANDRIANAVY (Vaovao frantsay-malagasy, 6 febroary 1953)**

### **H45- Tsy hividy fitia**

Kirobo an-dafin-tsaha,  
sikajy an-konahoana,  
nahoana kosa ramatoa,  
no toy ny landim-boatavo,  
tsy tonga irain-jehy dia miolaka?  
toa hofak'ondry  
ka tsy menatra izay hisavily?  
Gaga sy talanjona aho, ramatoa,  
fa tsy nampoiziko ho rano, lahy,

no mahamasaka ny amalona;  
nataoko ity ianao no olon-tsoa  
ka enjika aho, soamadodaka,  
kanjo hay ianao hafahafa,  
manalasalala toy ny zozoro am-pasam-basimba,  
tsy fandidy, tsy faka,  
koa raha mahita anay mavomavo ve dia manjola?  
moa raha manan-kaja ve dia hiavona?  
raha tsara fitafy dia hanosy?  
raha tsy henina anao aho dia resy?  
fa raha voanjo an-toriny  
ary tsaramaso an-tsisiny,  
aleo maty maso tsy haniry  
toy izay hitoetra an-joron'akohon'ny sasany!  
koa raha avona no hitranga,  
tsy hitambitamby aho vao ho tompony,  
ary tsy hividy fitia vao hanana;  
fa ny kibo tsy tia tsy asesika;  
ka samia masina an-taniny!  
Veloma, ray kopakopa-danitra  
antsoin'Imangamanombana,  
masina fatimpantenana  
fa ianao masiaka amboa hadivory  
ka ho lany zara tanora !  
**B.P RAZANAKOTO (Vaovao frantsay-malagasy, 6 febroary 1953)**

#### **H46- Mbola tia**

Taon-dasa tsy tsaroana,  
aza zatra ny lalan-dririnina  
fa fahavaratra avy no manao hitsin-dalana.  
Nampombaina hafatra aho ka misaotra;  
tsy to fo aminao aho, sombin'aiko,  
ka hitelina sento am-pandriana;

izay tsy miady olom-bodo,  
fa ny to fo mamosavy.  
Ny avakavao mantsy, sombin'aiko,  
no nitondrako ratra tsy fidiny;  
nampoizinao hibaliaka ny volana  
ka namelanao ahy amin'ny haizina;  
tsy kivy amin'ny miseho aho, rey lahy,  
fa niandry ny anjara voalahatra.  
Tsy nalazo akory ve ilay ravina nihinanana  
dia nirintonanao mena masoandro?  
Ny ela anefa mahareroy;  
ny tsipolitra antitra no manara-damba,  
fa ny aty kosa tsintsina ambody voaroy,  
hitan'ny maso fa sarotra alaina.  
koa mivalo aminao tsy haditra aho,  
fa ny farihy tsy mifindra,  
koa mirary ny hiverenanao.  
Izay tsy manina no adala!  
Dieny miventy taotaon-kafa ireo vorona an'ala,  
fa vaovao ny taona,  
ho vaovao koa ny fiainana,  
Ka ovay ny famindra, rahavana.

**Ludger Xavier ANDRIANAVAHY (Vaovao frantsay-malagasy, 29 mey 1953)**

#### **H47- Nokinetoky ny hasim-pitia va re?**

Eny, rey arosy nampitondraina hafatra,  
tonga maraina, dodona hariva,  
dify ny sahon-drahona  
ka sehatry ny ankoralava,  
nokinetoky ny hasim-pitia va re  
ka nikopa-mosara avy aoriana?  
Nanao ny voay ho mamba Rahavana  
ka telin'ny vangy tsy ahombiazana!

Toro ny foko tanora ve izy iny  
ka habakabaka no itsinjahana?  
Etsy hohafarako kely  
ho any amin-dRakalatokana,  
tongavy amin'iny havako iny  
hampitain'ny amin'Ikaky sy Ineny,  
fa fo tsara fitempo ny aty  
ka tsy afa-po amin'ny kobaka am-bavany,  
ary vatolahy nohosorana menaka  
ka tsy ebo fa nentim-pahazarana.

**G. Elson- Théo RAKOTO (Vaovao frantsay-malagasy, 5 jona 1953)**

#### **H48- Tofoky ny sangim-pitia**

Eny iky, ndriamatoa,  
rivotra mamola-bero ianao,  
mampidoladola fa tsy mahaongo-paka;  
erika tia fafifafy ianao,  
namonto lamba fa tsy naninteraka an-koditra;  
zana-borona tia kifindrafindra ianao,  
tafita rano fa tsy nahita morona hilasiana!  
Gaga aho ankehitriny  
fa tsy fidiko izaho tsimbotry  
no hiaraka amin'adrisa!  
Saingy, indrisy, hono, rahavako,  
fa ny masoandro be fampitamby,  
tsy atakaloko ny diavolana mangoratsaka.  
Fony roso lahy ianao  
nanao hitsin-dalana,  
tsy mba nitazana ahy an-kodimirana;  
nony harafesin-ditra ve, hono,  
dia hitsinjo eny an-tampon-kavoana?  
Angaha raha vasoky ny sitrapo nahamaika  
dia hitampody tsy an-kiera,



hidinika tsy an-dranomaso,  
hiridiridy tsy mba hanjoko?  
Veloma soava tsarà  
fa ny fako no miandry harona,  
ny vitsika no saha hotam-pary,  
ny zank' olona ela nandefarana  
ka tofoky ny sangim-pitia.

**DIERAN'IARIVO (Vaovao frantsay-malagasy, 24 jolay 1953)**

### **H49- Mamoiza**

Eny, ho'aho, rey vorona irony,  
tsara elatra ambony fanidina ve  
no mandalo tana-misy havana?  
tsara ankany fialofana ve  
no manadino ny morom-parihy nahatamana?  
Gaga anao aho, rakalakely,  
ny ravina nihinanana aza mbola tsy nalazo,  
ny sarotro niraisana mbola tsy rovitra,  
ny lala-niarahana tsy tontan'ny ela,  
ny horompotsy niaraha-namona  
maina vao mafy fatorana,  
ka izato fitia kosa iky  
vao omaly ny omaly  
nefa lany hanitra sahady!  
ny fo nitahiry ve no sahy nandrarakana  
ny kapoaka feno hamamiana omaly  
ka tsy nisy tavela na fari-bodiny aza?  
Tsy zendana aho anefa,  
voninkazo ny "telomiova",  
tanalahy no mahay manova soratra,  
ny andro ririnina no tsy mena-mivadika  
ary ny fo notiavina tsy menatr'izay hanadino!

**Setriny**

Nahoana izato izy no tsy mahay milomano  
ka tia robodroboka,  
sarotim-panina ka tia tevana,  
sarotin'alahelo ka tia tsidi-pasana  
ary saro-piaro ka tia fivoriana?  
Ihomehezako malakolako,  
fa raha ngita sao tsy voavaha;  
tsy ny teninao anefa no ihomehezako,  
tsy ny fanahiko tsy ampy,  
fa ny valala an-danitra tsy faniry ho tsilalao  
ary ny efa tsy anjara tsy atao mahabe fo.  
Koa veloma madinidinika ihany, hono,  
fa ny efa nalazo tsy ho maitso intsony,  
ny efa nihintsana tsy handravina,  
ny olona mody tsy fanara-maso  
ary efa tsy tia tsy mba fanontany.

**Dolorès deValih RANAIVOARIJAONA (Vaovao frantsay-malagasy, lah. 2751,11 septambra 1953)**

### **H50- Samy miavona**

Hono, ry volana soa fenomanana,  
niseho ianao tsy noterena,  
ka nahoana kosa, ho'aho, rey roy,  
raha tojo rahona ve izato ianao  
dia nisoko fa tsy naharitra ny heriny?  
Koa haitraitra ve izany, rahavana,  
sa hasomparana efa nomanina;  
sangisangy ve izany, raondriana,  
sa avonavona tsara tefy?  
Koa tsarovy sombin'aina,  
fa raha hasomparana no hitafana  
dia lanja sahala ny aty sy ny any,  
ary raha avonavona no hisafariana

dia fatra mitovy ny antsika,  
ka raha mameno sobika ny anao  
dia tsy zaka lolohavina ny ahy;  
koa dia veloma toy ny maty  
ary satriko tsy hiseho  
fa mankalonilony ny efa tsy tia!

### **Setriny**

Eny, veloma, ry mora resin'ankaso,  
ary masina, ry fitia mora tofoka,  
fa raha misy fitia vosobosotra kosa ny aty;  
raha misy fitia avonavonany any, rahavana,  
dia ho toloraiko ny "mamoiza",  
fa ny manantena tsy misy no sarotra,  
ny anay fitia toy ny ketsa  
raha afindra anie ka tsy maty  
fa mitombo roa avo heny,  
ary milanja fitia avo loha.

**J.H. JAOMAHEFA (Vaovao frantsay-malagasy,lah. 3036, 29 avrily 1955)**

### **H51- Sasa-miandry ny tiana**

Hono, ho'aho, ry masoandro iaraha-mahita,  
hono, ho'aho, ry lanitra iaraha-mirakotra,  
mba hitanareo ve Andriamampievina  
fa tsy re mimà, tsy re mitrena,  
tsy re mitsaika, tsy re mingodona?  
Marary sa sondrian-toerana,  
namoy sa mamolapolaka?  
Ory sa finaritra?  
fa fony maitso ketsa no niala tan-tanàna  
ka fotoam-pijinjana mbola tsy miverina ihany?  
Etsy ange ianareo, ry voro-miantsinanana e,  
iny lalana iny no lala-nombany,  
ka lazalazao raha hitanareo

fa ny seza fitoerany nanjary lomorina,  
ny angady fiasany naniry harafesina  
ary ny fanembonana azy mampihena an-toerana.

Ambarambarao re, ry lahy,  
afa ny omby niraoka, hono, hoe,  
efa niditra am-balany,

tsy hiverina amin'ny tiany?

fa i Bodomandry sasatry ny mitazana,  
ka miverena, hono hoe, ry Andriantsifoy.

**Thérèse FOTSY (Vaovao frantsay-malagasy,lah. 3059, 23 septambra 1955)**